

Miara-mandeha amin'i Jesoa Kristy

H. L. Heijkoop

FIZAHÀN-TAKELAKA

TOKONY HIOVA FO VE ?	1
NAHOANA NO TOKONY HIOVA FO ?	6
<i>Mpanota ny olombelona</i>	6
<i>Ny fieritretana</i>	7
<i>Ireo fahotana tsy tsapa</i>	8
<i>Inona no atao hoe ota ?</i>	9
<i>Inona no atao hoe fiovàm-po ?</i>	10
AHOANA NO AHAZOANA MIHAVANA AMIN'ANDRIAMANITRA ?	12
<i>Ampy ve ny fibebahana nataoko ?</i>	13
<i>Ny fahamarinan'Andriamanitra</i>	13
<i>Fanamarinana</i>	14
<i>Ny fitsanganana amin'ny maty, porofon'ny fahamarinan'Andriamanitra</i>	14
<i>Fantatr'Andriamanitra ny fiainantsika tany aloha</i>	16
<i>Vita fihavanana amin'Andriamanitra isika</i>	17
<i>Ka tsy manana fiadanam-po anie aho e !</i>	17
NAFAHANA TAMIN'NY HERIN'NY OTA	19
<i>Ny toetran'ny olombelona</i>	20
<i>Tahaka ny endrik'Andriamanitra sy araka ny tarehiny</i>	20
<i>Tahaka ny tarehin'i Adama sy araka ny endriny</i>	21
<i>Tsy ampy ny hoe voavela heloka !</i>	22
<i>Ny valin-teny omen'Andriamanitra</i>	23
<i>Ilay Adama farany</i>	24
<i>Maty niaraka tamin'i Kristy</i>	25
<i>Zavatra tsapa eo amin'ny fiainana</i>	25

NANOKANA OLONA HO VERY VE ANDRIAMANITRA?	28	NY FAHATERAHAM-BAOVAO	48
<i>Sori-dahatra mialoha</i>	28	<i>Ny Zanak'olona, Izay any an-danitra</i>	48
<i>Tsy natao ho an'ny Jiosy irery ny fahasoavana</i>	29	<i>Ny toetra maha-olona ny olombelona</i>	49
<i>Ny maha-taranak'i Abrahama</i>	29	<i>"Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakàn'Andriamanitra"</i>	50
<i>I Jakoba no tiako, fa i Esao no hálako</i>	30	<i>Nateraka indray</i>	51
<i>Hamafisin'Andriamanitra ny fon'ny olona sasany !</i>	30	<i>"Tsy maintsy asandraatra ny Zanak'olona"</i>	52
<i>Afaka manao izay tiany hatao Andriamanitra</i>	31	FIRAISANA AMIN'NY RAY SY AMIN'I JESOA KRISTY ZANANY	54
<i>Ny fanaky ny fahatezerana voavoatra hosimbana</i>	32	<i>Firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany</i>	55
<i>Ny tenin'Andriamanitra dia tsy milaza ny fisian'ny fanendrena mialoha ho amin'ny fahaverezana</i>	32	<i>Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy</i>	56
NY FIFIDIANANA	34	KRISTY, MPISOLOVAVA ANTSIKA	58
<i>Inona no ambaran'ny Soratra Masina, momba ny fifidianana?</i>	34	<i>Raha manota ny mpino iray</i>	58
<i>Nantsoina sy nohamarinina ary nomena voninahitra</i>	35	<i>Ny fitsarana ny tena no hany fomba hoenti-manarina indray ny fifandraisana</i>	58
<i>Andriamanitsika sady Raintsika</i>	36	<i>Ireo fahotana tsy tsapa</i>	60
<i>Masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany ao amin'ny fitiavana</i>	36	<i>Kristy, Mpisolovava antsika</i>	61
<i>Mba ho Azy amin'ny fananganana anaka isika</i>	37	<i>Ny fanasana tongotra</i>	61
<i>Ny kristianisma dia manana toetra mandrakizay</i>	38	<i>Ny nandàvan'i Petera</i>	62
KRISTY, MPISORONABENTSIKA	40	<i>Fanarenana</i>	63
<i>Kristy, mpisoronabentsika</i>	41	FAHAMASINANA	65
<i>Mpisorona any an-danitra</i>	42	<i>Inona no atao hoe fahamasinana?</i>	65
<i>Nianatra fanarahana Izy</i>	43	<i>Fahamasinan'ny Fanahy</i>	67
<i>Ireo fakàm-panahy ataon'ny devoly</i>	44	<i>Fahamasinana iainana</i>	68
		NY LANJAN'NY FAMAKIANA NY BAIBOLY	70
		<i>Ny fahateraham-baovao</i>	70
		<i>Sakafo ho an'ilay fiainam-baovao</i>	71
		<i>Ny tenin'Andriamanitra no mpitarika antsika</i>	72

<i>Ny Teny no fiadiana ho antsika</i>	72	NY LATABATRY NY TOMPO	97
<i>Ny fomba fanadiovana</i>	74	<i>Ny fiombonana amin'ny ra sy ny tenan'i Kristy</i>	98
<i>Fisedrana ny fiainana andavanandro</i>		<i>Ilay tenan'i Kristy miafina : ny Fiangonana</i>	99
<i>sy ny foto-pampianarana</i>	74	<i>Ny Fanasàn'ny Tompo dia fanehoana</i>	
<i>Fankatoavana sy fanekena</i>	75	<i>ny maha-iray ny tenan'i Kristy</i>	100
MIVAVAKA	77	<i>Ny toetra manavaka</i>	
<i>Ny mivavaka dia</i>		<i>ananan'ny Fanasàn'ny Tompo</i>	101
<i>mariky ny fahateraham-baovao</i>	78	<i>Ny Latabatry ny Tompo</i>	103
<i>Tsy voatokana</i>		FITSAOHANA	106
<i>ho an'ny mpino efa manana traikefa ny vavaka</i>	78	<i>Ny tena toerana tokony hivavahana</i>	106
<i>Fatokiana fa hahazo valim-bavaka</i>	79	<i>Ny votoatin'ny fivavahana kristiana</i>	108
<i>Inona no dikan'ny hoe</i>		<i>Mitady mpivavaka Aminy ny Ray</i>	110
<i>mivavaka amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa ?</i>	80	<i>Mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana</i>	110
<i>Fepetra ilaina, mba hahazoana valim-bavaka</i>	81	<i>Aiza no tokony hivavahantsika ?</i>	113
<i>Ireo sakana amin'ny valim-bavaka</i>	82	FANOMPOANA	115
<i>Mivavaka araka ny sitrapony</i>	83	<i>Miantso izay tiany hantsoina lzy</i>	116
<i>Mivavaka tsy mitsahatra</i>	83	<i>Ho ao Aminy</i>	116
VITA BATISA VE IANAO?	85	<i>Hirahiny</i>	117
<i>Inona no dikan'ny batisa ?</i>	86	<i>Fanankinan-tena amin'ny Tompo</i>	119
<i>Atao batisa</i>		NY TOERANA MISY ANTSIKA ETO AN-TANY	121
<i>ho amin'ny Tompo Jesoa voahombo</i>	86	<i>Ny toerantsika manoloana izao tontolo izao</i>	121
<i>Izao tontolo izao dia mitoetra</i>		<i>Ny toerantsika manoloana ny "toby"</i>	123
<i>eo amin'ilay ratsy avokoa (1 Jaona 5. 19)</i>	87		
<i>Ny hazofijalian'i Kristy</i>	88		
NY FANASÀ'NY TOMPO	91		
<i>Ny fanorenana ny Fanasàn'ny Tompo</i>	92		
<i>Ny dikan'ny Fanasàn'ny Tompo</i>	93		
<i>Ny fahafatesan'ny Tompo</i>	94		
<i>Oviana ary impiry no tokony handray</i>			
<i>ny Fanasàn'ny Tompo ?</i>	95		
<i>Mandini-tena</i>	96		

TOKONY HIOVA FO VE ?

Ry sakaiza malala,

Zava-dehibe tokoa ny fanontaniana apetrakao, ary mila fandinihina lalina; koa dia hovaliako avy hatrany.

Manoratra amiko ianao fa matetika, na amin'ny resaka manokana ifanovananao aman'olona, na any amin'ny fivoriana izay atrehinao, dia ambara mandrakariva fa mila miova fo ianao. Ianao kosa, nefa, tsy mahatsapa loatra ny ilàna izany. Milofo miasa ianao, manana tokantrano milamina sy namana tiana maro ianao; manantena ny hahazo toerana ambonimbony kokoa aza ianao, izao, ary maniry ny mba hahita ny zava-misy eo amin'izao tontolo izao. Raha atao bango tokana, dia tena faly sy afa-po amin'ny fiampiananao ianao, ka izany fitaomana anao hiova fo izany dia toa hevi-dravina tsotra izao, hany ka leo ianao.

Azoko tsara ny tianao holazaina. Misy ny olona no mandany ny androny, miditra amin'ny raharahan'ny hafa, na mananatra sy miteny hoe tsy mety izay ataonao. Manorisory ny mandre izany isan'andro, indrindra moa raha tsy azonao antoka loatra ny fahadisoan'ny zavatra lazain'ireny olona ireny.

Eo indrindra, nefa, no tena zava-dehibe : marina ve sa tsia ny ambaran'izy ireo ? Tokony hiova fo tokoa ve ianao, sa tsy dia ilaina izany ? Raha zavatra maivamaivana fotsiny ihany mantsy izany, dia tsy hampaninona loatra na dia hita aza, any aoriana, fa diso ny hevitrao. Dia mitandrina fotsiny ianao, amin'ny sisa. Saingy raha ny momba ny fiovàm-po kosa, dia mikasika ny handanianao ny mandrakizainao izany. Zava-dehibe loatra izany, ka dia mila mazava ny hevitrao momba izany.

Efa mba nieritritra ny momba ny mandrakizay ve ianao ? Ekeko fa tsy ho fantatsika mazava mialohan'ny hahatongavana any mihitsy, tsy akory, ny momba ny any. Ilaina kosa, nefa, ny mihevitra marina ny momba izany, mba hahafantarana, na sombintsombiny fotsiny aza ; sa ahoana, hoy ianao ?

Hoy ity angano iray : Nisy, hono, mpanjaka iray, te hitsapa tovolahy iray marani-tsaina, ka nanontany azy hoe : “Toy inona moa ny faharetan'ny mandrakizay ?” Hoy ilay tovolahy namaly : “Ry mpanjaka ô, any an-tany lavitra any dia misy tendrombohitra tena avo, ary ny tendrony dia mihoatra ny rahona. Varahina io tendrombohitra io. Isaky ny zato taona, dia misy voronkely iray izay mitsaingotsaingoka io tendrombohitra io amin'ny vavany. Ka izao : rehefa lany tsaingohin'io vorona io ilay tendrombohitra, ka tsy hita intsony, dia lasa, izay, ny iray segondra amin'ny mandrakizay.”

Moa ve izany valim-panontaniana izany tsy maneho fa tsy manam-pahataperana ny mandrakizay ? Mbola tsy tena marina nefa io valin-teny io,

satria any amin'ny mandrakizay dia tsy misy, na ny minitra na ny segondra. Any, ny arivo taona dia toy ny indray andro, ary ny indray andro dia toy ny arivo taona (2 Petera 3. 8). Tsy manam-pahataperana ny mandrakizay, ka noho izany dia tsy azo refesina.

Io tantara kely io, nefa, dia maneho kely amintsika ihany ny fifandraisan'ny faharetan'ny androm-piainantsika etỳ ambonin'ny tany, sy ny mandrakizay, izay mbola ho avy. Inona moa izay folo na dimampolo na valopolo, eny fa na ny zato taona aza, manoloana ny mandrakizay ? Ka tsy zava-dehibe tokoa ve ny mahalala hoe aiza, ary manao ahoana, no hiatrehantsika ny mandrakizay ?

Mampahatsiaro ahy tantara hafa iray izany. Fantatrao, moa, fa ny ankamaroan'ny mpanjaka, tamin'ny vanim-potoana antenantenany¹, dia nanana karazan'olona mpampihomemy avokoa, tany an-dapany. Amin'ny ankapobeny, dia karazan'olona sampontsampona izy ireny, ary nanao akanjo mpampihomemy ihany koa. Ny anjara asany, tamin'izany, dia ny manao izay hanalana voly ny tompony, amin'ny vazivazy sy ny teny tsy misy dikany. Izany no mpanao hatsikana, tamin'izany vanim-potoana izany.

Indray andro, nefa, dia notoloran'ny mpanjakany satroka lava loha misy lakolosy kely sy tehina tsy tena izy ilay mpampihomemy azy, nanendreny azy ho mpanjakan'ny mpanao hatsikana. Ireo zavatra izay nomena azy ireo dia tokony hatolony an'izay mbola adala kokoa noho izy, raha misy izany.

Taoriana kelin'izay dia narary mafy ilay mpanjaka. Nitsidika azy ilay mpampihomemy, ka nanontany azy ny amin'ny fahasalamany. Namaly moa ny mpanjaka, fa araka ny tenin'ny mpitsabo azy dia tsy misy fihatsarana azony antenaina loatra intsony, ka ho faty tsy ho ela izy.

“Ka noho izany”, hoy ilay mpanao hatsikana, “tsy efa mba niomana ny amin'izany dia lehibe izany ve ianao, mba ho efa tomombana sy vonona avokoa izay hivantananao ?”

“Tsia !”, hoy ny mpanjaka, “ary izay indrindra no loza, satria tsy fantatro akory hoe hanao ahoana, moa, ny fomba handraisana ahy.”

“Ka tsy efa mba fantatrao ve, ry mpanjaka, fa tsy maintsy hizotra amin' izany làlana izany ianao, indray andro any?”

“Efa fantatro tokoa, saingy tsy dia nahoako loatra. Maro loatra mantsy ny zavatra nosahaniko.”

“Kanefa”, hoy ihany ilay mpanao hatsikana, “rehefa handeha ianao, na dia indray andro monja aza, dia nisy mpanompo nialoha làlana anao ka nanomana ny zavatra hohaninao sy hosotroinao, ary ny zavatra hafa ihany koa. Rehefa handeha mandritra ny herinandro maromaro, na volana maromaro indray koa ianao, dia efa vonona mialoha avokoa ny zavatra rehetra. Andro vitsivitsy alohan'ny handehananao, dia mpanompo maro no mandeha mialoha

¹ Lazaina amin'ny teny frantsay hoe “moyen âge”.

Tokony hiova fo ve ?

anao, mba hanomana ny fahatongavanao. Ary amin'izao dia lehibe izao ve, izay handehananao ho any amin'ny toerana hijanonanao mandrakizay, dia tsy mba niomana akory ianao ? Indro, averiko aminao ilay satroky ny adala sy ny tehiny, satria tsy adala toy izany aho." Tsy marina ve ny voalazan'ilay mpampihomehy ?

Nankany an-tsekoly ianao nandritra ny folo taona mahery. Ankehitriny ianao miasa tontolo andro, ary ny hariva aza ianao mbola manohy mianatra ihany, mba hanatsaranao ny toeranao. Izany hoe mandritra ny roapolo taona dia milofo mafy tokoa ianao, mba hahazoanao miaina ara-dalàna mandritra ny efa-polo taona, sy mba hitsinjovanao ny any amin'ny fotoana fisotroan-dronono, na koa mba hahazoanao manangom-bola hiheverana ny fahanterana, raha toa ianao mbola hiaina mandritra ny folo taona na, raha maharitra, mandritra ny roapolo taona.

Ahoana àry ny hevitrao ny amin'ireo ray aman-dreny izay tsy mba mandefa ny zanany any an-tsekoly ary tsy mba mampianatra azy hiasa, fa manao hoe: "Aleo izy hilalao am-pilaminana eny ka tsy hieritreritra izany hoavy izany e ! Rehefa tonga amin'ny fotoana tsy maintsy hieritreretany ny tenany sy hitadiavany izay ilainy ve izy, tsy hahita izay tokony hataony eny ihany !"

Raha toa àry ianao misahirana mafy toy izany sy mandany taona maro, mba hahazoanao miaina araka ny tokony ho izy mandritra ny dimampolo na enimpolo taona, moa ve ianao ho afa-tsiny raha tsy mba nihevitra kely akory ny amin'ny mandrakizay, ka tsy niraiika tamin'ny fanontaniana manao hoe : *Aiza no handaniako ny mandrakizay ?* Sady tsy fantatrao velively akory na hahazo toerana tsara ianao na tsia, na raha toa ka harary na ho faty alohan'ny ahazoanao izany.

Fantatrao tsara, nefa, fa eo anoloanao ny mandrakizay. "Notendrena ny olona ho faty indray mandeha." Marina tsy azo iadian-kevitra izany fanambaràn'ny Baiboly izany, ka tsy misy afa-manohitra izany, na ireo mpanaraby sy ireo tsy mino ny fisian'Andriamanitra, izay mafy fo indrindra, aza. Tsy sahy ny hilaza ny mifanohitra amin'izany izy ireny, satria hihomehezan'ny olona. Iza tokoa moa no mbola tsy nahita ny fahafatesana nihatra tamin'ny olona manodidina azy ?

Ahoana kosa, nefa, hoy ny tohin'io andinin-tSoratra Masina ao amin'ny Hebreo 9 io ? "Ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana." Moa ve tsy fahadi-soana bevava ny tsy mihevitra na inona na inona amin'izany, ka mamela ny zavatra mandeha amin'izao fotsiny ? Marina tokoa fa mbola ho hitanao ihany izay handanianao ny mandrakizay, kanefa kosa amin'izay dia tsy hisy na inona na inona azonao hatao intsony, hanovana ny toe-javatra. "Eo amin'izay ianjerany (ianjeran'ny hazo) ihany no handriany" (Mpitoriteny 11. 3).

Mety hanao angamba ianao hoe tsy misy mahamaika anie e ! Ny zavatra sahaniko, aza, be dia be. Ny fotoana tokony ialàna voly, tsy tianao holaniana ieritreretana izany zavatra mandreraka tahaka ny fahafatesana izany. Mihevitra mantsy ianao fa mbola hisy ihany ny fotoana hahazoanao mieri-

Tokony hiova fo ve ?

treritra momba izany, rehefa lehibe sy manam-potoana malalaka kokoa ianao.

Ianao ve mahazo antoka fa mbola ho velona dimampolo taona indray ? na telopolo taona ? na folo taona koa aza ? na roa ambin'ny folo volana ? na koa adiny roa ambin'ny folo ?

Tsaroako ity mpivarotra iray tany Hollande, izay nihaino toriteny natao teny an-dàlam-be, tao amin'ny trano fivarotany. Rehefa tapitra ilay fitorian-teny, dia lasa nody tany an-tranony izy, dia nipetraka teo ambony seza, ary fotoana fohy taorian'izay, dia maty !

Ary raha toa aza ka mbola ho velona mandritra ny fotoana lavalava ianao, moa ve izay sitraponao ihany no ataonao, raha mbola tanora sy salama tsara ianao, ka ny ambinambin-javatra ihany no ho an'Andriamanitra ? Koa raha toy izany ny ho safidim-piainanao (raha toa ka mbola velona aina koa ianao), mbola hankasitraka anao amin'izany ve Andriamanitra ?

Marina tokoa, aloha, fa "Andriamanitra dia ... tia ny olona rehetra hohonjena" (1 Timoty 2. 4). Amin'ny olona rehetra tsy an-kanavaka, mantsy, no ilazany hoe : "Mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo" (2 Korintiana 5. 20). Noraisiny ilay jiolahy teo amin'ny hazofijaliana, sy ireo olona marobe tsy tambo isaina, izay nitodika taminy teo am-pialana aina. Nahalala vehivavy antitra iray aho, izay efa dimy amby valopolo taona vao niova fo.

Ao amin'ny Joba 33 dia hitantsika fa Andriamanitra dia miteny indray mandeha na indroa amin'ny olona, ka raha tsy miraharaha an'izany izy ireo, dia "manisy tombokase ny fananarany azy" Izy.

Rehefa nandà tsy hankatò an'Andriamanitra imbetsaka i Farao, dia nohamafisin'Andriamanitra ny fony, ka tsy afaka nibebaka intsony izy.

Aorian'ny fakàna ny Fiangonana, dia "ampanateran'Andriamanitra fiàsan' ny fahadisoan-kevitra aminy, mba hohelohina avokoa izay rehetra tsy nino ny marina" (2 Tesaloniana 2. 11-12). Afaka hanao izany aminao ihany koa Andriamanitra, raha miziriziry tsy mety manaiky ny fitaomany anao hiova fo ianao. Fa "Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsy fahalalana ; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka, satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana, amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy, tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty" (Asa 17. 30-31).

Tsy tokony hihevitra tsara an'izany zavatra izany àry ve ianao, ka hanatona an'Andriamanitra ankehitriny, hiaiky ny fahotanao ary hangataka aminy mba handray anao ?

Tokony hiova fo ve ?

“Iraka solon’i Kristy izahay ... mangataka indrindra aminareo hoe : mihavà-na amin’Andriamanitra anie ianareo. Izay tsy nahalala ota, dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan’Andriamanitra ao aminy kosa isika” (2 Korintiana 5. 20-21).

“Anio, raha hihaino ny feony ianareo, aza manamafy ny fonareo” (Hebreo 4. 7) !

Manao veloma finaritra.

H. L. H.

Nahoana no tokony hiova fo ?

NAHOANA NO TOKONY HIOVA FO ?

Ry sakaiza malala isany,

Manontany ahy ianareo, ankehitriny, hoe nahoana moa ny olona no tokony hiova fo, ary inona marina ny atao hoe fiovàm-po.

Ny valiny tsotra indrindra, amin’ny fanontaniana voalohany napetrakareo, dia ny hoe : *satria Andriamanitra no milaza izany* ! Rehefa Andriamanitra no miteny, dia tsy misy valin-teny azo asetry izany. Isika dia olona noariny, ka noho izany, dia tsy misy azontsika atao afa-tsy ny miondrika sy mankatò. “Ralehilahy, fa iza moa ianao no mamaly an’Andriamanitra ? Izay zavatra noforonina va, hanao amin’izay namorona azy hoe : Nahoana ... ?” (Romana 9.20). Hoy ny voasoratra ao amin’ny Asa 17. 30, hoe : “Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron’ny tsy fahalalana ; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin’izao tontolo izao hibe-baka.”

Eny, eo amin’ny imbalopolo eo ho eo no itenenan’ny Testamenta Taloha ny hoe fibebahana (fiovàm-po), ary impitopolo eo ho eo kosa ao amin’ny Testamenta Vaovao.

Fa asehon’Andriamanitra mazava amintsika ao amin’ny Teniny ihany koa, nefa, hoe nahoana Izy no mandidy ny olona rehetra hibe-baka. “Satria mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin’ny fibebahana izy rehetra” (2 Petera 3. 9). Ao amin’ny Asa 17, ny ambara fa anton’ny andidiany ny olona rehetra hibe-baka, dia “satria Izy efa nanendry andro iray izay hitsarany izao tontolo izao.” Ho avy àry ny andro izay hampamoahan’Ilay Mpahary ny olona tsirairay avy, ny amin’ny fiainany. Ary Andriamanitra, Izay mahalala ny olona rehetra, dia hiteny amin’ny maha-Mpitsara Azy hoe : “Samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin’Andriamanitra” (Romana 3. 23). Izany no mahatonga an’Andriamanitra haniry ny hibe-bahan’ny olona, “Izany no tsara ka ankasitrahina eo imason’Andriamanitra, Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovanjena ka ho tonga amin’ny fahalalana ny marina” (1 Timoty 2. 3-4).

Ny tena antony andidian’Andriamanitra ny olona rehetra hibe-baka, àry, dia satria tsy nanompo an’Ilay Mpahary azy ny olombelona, fa mpanota ka mendrika ny fitsarana marin’Andriamanitra.

Mpanota ny olombelona

Indrisy, fa zava-marina mampatahotra tokoa izany ! Maro ny olona no tsy mihevitra an’izany, ary betsaka koa aza ny mandà izany. Kanefa, moa ve

Nahoana no tokony hiova fo ?

izy ireny resy lahatry ny zavatra lazainy ? Moa ve ny olona mahitsy iray, afaka mandà fa tsy manao ratsy matetika ?

Tsy indray mandeha aho no nanontany an'ireo manambara avo ho nahitsy fiainana hatrany sady tsy mba nanao ratsy olona, raha mbola tsy nanameloka azy ireo mihitsy ny feon'ny fieritreretany, na ny amin'ny zavatra nataony, na ny amin'ny teny nolazainy, na ny amin'ny fisainany. Tsy nisy sahy nilaza fa mbola tsy nanameloka azy mihitsy ny feon'ny fieritreretany.

Ny atao hoe mpanota dia ny olona izay efa nanota. Tsy ny nahavitany zava-dratsy betsaka, tsy akory, no maha-mpanota azy, fa *rehefa nanota indray mandeha monja, dia efa mpanota*.

Afaka ny hahatsapa an'izany ny olona rehetra, eo amin'ny fiainana andavanandro. Tsy misy, mantsy, afaka hanao hoe : “Tsy mpamono olona Rano-na, satria vao indray mandeha monja no namono olona.” Rehefa momba ny fifandraisany amin'Andriamanitra, nefa, dia ovain'ny olona ny fomba fandrefy, *satria raha tsy izany dia lasa manameloka ny tenany ihany izy*.

Ny fieritreretana

Ny olombelona rehetra dia nomen'Andriamanitra fieritreretana avokoa (Romana 2.15), mba ho vavolombelona amin'ny ratsy izay ataony. Tsy ny ratsy rehetra, nefa, no asongadin'ny feon'ny fieritreretana. Ny fieritreretantsika, mantsy, dia volavolain'ny tontolo manodidina iainantsika. Miteny mandrakariva nefa izy, rehefa manao zavatra izay heverin'ny fiaraha-monina nitaizana azy ho ratsy ny olona. Nokendren'Andriamanitra mihitsy ny hampitandremana ny olona, eny fa na dia ireo mbola tsy nahare ny aminy sy tsy mahalala ny Teniny, aza, rehefa minia manao ny tsy mety izy, mba hahatonga ny olona rehetra ho afaka hieritreritra sy hiaiky fa ratsy sy meloka ny tenany.

Raha mandinika ny fiainanao ianao, firy moa ny fahotana efa niniana natao ? Andeha atao hoe valo amin'ny folo taona ianao izao, ka heverina fa nandritra ny valo taona voalohany niainanao, dia tsy nanao ota *niniana* natao ianao. Raha ny tena izy, dia diso izany, satria fantatrao tsara fa efa mba nanome tsiny anao ihany ny fieritreretanao, tany aloha. Fa taorian'io valo taona voalohany io, impiry moa ny fieritreretanao no efa niteny taminao ? Aoka hataontsika hoe indray mandeha isan'andro, ohatra. Izany hoe in-365 ao anatin'ny taona iray, ary ankehitriny dia efa mitontaly eo amin'ny in-3650 eo. Ho an'ny olona efa 28 taona izany, dia in-7300 ; ary ho an'ny olona 68 taona, dia in-21900.

Hitanao amin'izany, àry, fa fara fahakeliny, dia efa niteny taminao in-3650 ny feon'ny fieritreretanao, ny amin'ny fahotana iray. (Ary tsy matetika noho izany aza ve, raha ny marina ?) Ka afaka milaza fa tsy mpanota ve ny olona nanao

Nahoana no tokony hiova fo ?

zavatra ratsy maro toy izany ? Ary llay Andriamanitra, izay *marina*, ve, dia tsy tokony hanameloka izany olona izany ?

Tsy efa ampy ve izany, anaporifoana fa ny olombelona rehetra dia mendrika ny fanamelohana, ka mila miaiky eo anatrehan'Andriamanitra fa nota taminy ary mendrika ny ho very mandrakizay ?

Ireo fahotana tsy tsapa

Misy fanontaniana iray hafa koa ity. Ny olombelona ve tsy meloka afa-tsy noho ny fahotana izay *tena niniany natao* ihany ?

Tsy meloka ihany koa ve izy, raha tokony ho fantany fa ratsy ny fihetsiny ? Rehefa mandika lalàna ny olona iray, moa ve ny mpitsara tsy hanameloka azy, na dia milaza ho tsy mahafantatra ny lalàna aza izy ? Heverina fa tokony ho fantany, mantsy, izany lalàna izany, satria efa nivoaka sy naely. Izany rahateo no nahatonga ny fomba fitenenana hoe : “Tsy misy olona heverina ho tsy mahalala ny lalàna !” Amin'ny famaritana ny sazy, angamba, ny mpitsara vao mety hihevitra izay toe-javatra izay, raha azo antoka fa tena tsy nahafantatra ilay lalàna tokoa ilay voampanga. Ny mpisolovava izay nandika lalàna iray dia hiharana sazy hentitra kokoa noho ny olona tsotra iray izay nanao toy izany koa. Na iry voalohany, nefa, na ity faharoa, dia samy ambaran'ny mpitsara avokoa fa meloka.

Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra dia ahitantsika an'izany fitsipika izany ihany koa : “Raha misy olona manota, satria manao izay tsy tokony hatao ka mandika ny anankiray amin'ny didin'i Jehovah, nefa tsy fantany izany, ka mahameloka azy, ary mitondra ny helony izy” (Levitikosy 5. 17). Mazava izany. Ny olombelona, amin'ny maha-zavaboary azy, izay tompon'andraikitra eo anatrehan'Illy Nahary azy ka mbola hampamoahiny ny amin'izay rehetra nataony, moa ve manan-jo hitsara ny tenany ho meloka na tsy manan-tsiny ? Tsy azo heverina izany ! Ilay Mpahary irery ihany, dia llay Nahary ny olombelona ka nanome azy andraikitra, no hany manana ny zo hitsara raha nahatanteraka ny andraikitra nomena azy izy na tsia. Andriamanitra irery ihany no mamaritra ny atao hoe fahotana, ka raha te hahafantatra izany isika, dia mila mikaroka izay heviny ny amin'izany.

Mazava dia mazava ny Tenin'Andriamanitra ny amin'izany. Ao amin'ny Genesisy 1. 28 sy 2. 15-17 no ahitantsika ny andraikitra nankinin'Andriamanitra tamin'ny olombelona. Nasaina namboly sy nikarakara ny saha tao Edena izy, saingy amin'ny fianteherana amin'Andriamanitra sy fankatoavana Azy. Ny fitsapana izany fankatoavana izany, moa, dia ny fandràna tsy hihinana ny voan'ny hazo fahalalàna ny tsara sy ny ratsy.

Inona nefa no nataon'ny olombelona ? Tamin'ny fotoana voalohany nahazoany naneho ny fankatoavany sy ny fiankinany amin'Andriamanitra, dia

Nahoana no tokony hiova fo ?

efa tsy nihaino an'Andriamanitra sahady izy, ka ninia ny tsy hankatò Azy. Izay no niantombohan'ny fandehan-javatra. Telo arivo taona tatỳ aoriana, dia hoy Andriamanitra, araka izay voarakitra ao amin'ny Teniny : “Eny an-danitra Jehovah miondrika mijery ny zanak'olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady an'Andriamanitra. Samy efa nivily izy rehetra, ka tonga vetaveta avokoa ; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza” (Salamo 14. 2-3). Arivo taona tao-rian'izany koa, dia mbola hoy ihany ny voalazan'ny Tenin'Andriamanitra hoe : “Tsy misy izay mitady an'Andriamanitra. Samy nania avokoa izy rehetra, samy tsy mahaso avokoa izy rehetra ; tsy misy izay manao ny tsara, na dia iray akory aza” (Romana 3. 11-12). Ary hoy ny fanambaràn'ny fitsaràn'Andriamanitra : “Samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra” (Romana 3. 23).

Inona no atao hoe ota ?

Mety hiteny angamba ianao hoe : “Manaiky aloha isika fa matetika no manao zavatra ratsy, saingy tsy azo heverina ihany koa ny hoe tsy misy olona tsy mba nanao zavatra tsara ihany teo amin'ny fiainany. Maro ny olona nahavita asa soa, raha tsy hitanisa afa-tsy ireny olona toa an-dry Henri Dunant na ry Albert Schweitzer ireny, fotsiny, izay nanokana ny tenany hanampy ny hafa. Heveriko koa fa tsy manao zavatra ratsy aho, tsy akory, raha mihinan-kanina sy misotro, na raha mankany an-tsekoly, na koa raha mandeha miasa.”

Raha amin'izao fotsiny, aloha, dia tsy hita izay maha-ratsy izany zavatra rehetra izany, saingy koa mety hivadika ho ratsy ihany izy ireny. Tsy zavadratsy velively, tsy akory, ny mihinana paoma ; saingy ny ankizy izay mbola misisika ny hihinana paoma ihany, na dia efa noraràn-dreniny aza, dia zaza tsy mpankatò. Eto isika no mahakasika ny fototry ny fanontaniana hoe : “Inona no atao hoe ota ?”

Ny olombelona dia noarin'Andriamanitra ary nomeny andraikitra mba hanompo Azy. Izay rehetra ataon'ny olombelona, ka mifanohitra amin'ny toerana sy ny andraikitra nomen'Andriamanitra azy, dia ota. Hitantsika izany ao amin' ny 1 Jaona 3. 4 : “Ny ota no fandikana ny lalàna.” *Izay rehetra ataon'ny olombelona, ka tsy iraharahàny ny fahefan'Andriamanitra amin'ny voariny, dia ota avokoa.*

Araka izany, ny mihinan-kanina, ohatra, dia fahotana raha tsy atao amin'ny fianteherana amin'Andriamanitra. I Jesoa Tompo dia tsy mba nety nihinan-kanina raha tsy navelan'Andriamanitra nanao izany (Matio 4. 4 ; jereo koa Jaona 4. 34). Izany no anton'ny ilazan'ny Tenin'andriamanitra hoe : “Ota izay rehetra tsy avy amin'ny finoana” (Romana 14. 23).

Raha ampiharintsika amin'ny fiainantsika andavanandro izany, dia inona no hitantsika ? Inona tamin'ireo zavatra nataontsika, na ireo tenintsika,

Nahoana no tokony hiova fo ?

na ireo eritreritsika, no naneho fankatoavana an'Andriamanitra, ka namaly ny fanontaniana hoe : “Tompo ô, inona no tianao hataoko ?” Moa ve isika tsy mahatsapa fa izay rehetra nataontsika dia ota avokoa ?

Izany rahateo no voalazan'ny Tenin'Andriamanitra : “Tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza” (Romana 3. 12).

“Izay fisainana rehetra avy amin'ny fony dia ratsy ihany, mandritra ny andro” (Genesisy 6. 5). Izany no antony nahatonga Ilay Andriamanitra *marina* hanameloka ny olona rehetra. Izany koa no mahatonga Ilay Andriamanitra *be famindràm-po* hitaona ny olona rehetra hibe-baka sy hiova fo. Tsy tiany hiharan' ny fitsarana mahatsiravina izay miandry azy, mantsy, izy ireo.

Inona no atao hoe fiovàm-po ?

Hiditra amin'ilay fanontaniana faharoa aho, izay manao hoe : “Inona àry moa no atao hoe fiovàm-po ?”

Tsy mora ny manazava izany, satria na ny teny hoe “fiovàm-po”, na ny teny hoe “fibe-bahana”, dia samy tsy misy mahadika tanteraka ny teny grika hoe “metanoia”, izay nampiasaina tamin'ireo sora-tanana firaketana nanorata-na voalohany ny Tenin'Andriamanitra.

Araka ny 1 Tesaloniana 1. 9 dia azo lazaina fa ao anatin'io teny io dia misy ny hevitra hoe “mitodika”. Taloha mantsy ny fiainan'ireo Tesaloniana ireo dia nifototra tamin'ny sampy. Ankehitriny kosa izy dia “nitodika”, izany hoe niala tamin'ny sampy ka niverina tamin'Andriamanitra. Ny andinin-tSoratra Masina sasany, tahaka ny Asa 2. 37-38 ; 17. 30-31 sy ny Apokalypsy 9. 20-21, dia ahitana fa izany hevitra izany ihany koa dia mifamatotra amin'ny fandinihan-tena sy ny fanamelohana ny fiainan'ny tena mbamin'izay nataon'ny tena, eo anatrehan'Andriamanitra.

Araka izany, àry, ny atao hoe “miova fo”, na koa “mibe-baka”, dia ny manatona an'Andriamanitra, mba handini-tena eo anatrehany sy miaiky fa tsy niaina teo ambany fankatoavana Azy, fa nanana fiainana ratsy sy meloka. Midika moa izany fa malahelo amin'izany toe-javatra izany isika.

Sarotsarotra hazavaina ny teny hoe “fiovàm-po”, saingy tsy manahira-na kosa, ho an'ny olona izay manatona ny fahazavan'Andriamanitra ka miaiky ny maha-izy azy sy ny tokony hanamelohana azy. Tsy ny fahalalan'ny saina no jeren'Andriamanitra, fa ny fo sy ny feon'ny fieritreretana. Ilay mpamory he-travaoantara ao amin'ny filazantsara dia nanao tsotra fotsiny hoe : “Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko, mpanota !” Saingy Ilay Andriamanitra izay mpamantatra ny voa sy ny fo (Hebreo 4. 12) dia nahafantatra tsara izay zavatra nofonosin'izany teny izany.

Tsia, tsy ny teny lazaina, tsy akory, no zava-dehibe, fa ny toe-po izay entina manatona an'Andriamanitra. Izany no manambara raha misy marina

Nahoana no tokony hiova fo ?

ny “fibe bahana” sy ny “fiovàm-po”. Ankehitriny àry aho manontany anao hoe : moa ve ianao efa niova fo ? Efa nanatona an’Andriamanitra niaraka tamin’ny otanao sy ny fahamelohanao ve ianao, ka niaiky taminy fa very noho izany ?

Aza mangataka andro, fa ataovy anio dia anio izany. Sao tratra aorianana loatra, mantsy, raha rahampitso !

Manao veloma sy mirary soa ho anareo.

Ny sakaizanareo

H. L. H.

Ahoana no ahazoana mihavana amin’Andriamanitra ?

AHOANA NO AHAZOANA MIHAVANA AMIN’ANDRIAMANITRA ?

Ry sakaiza malala,

Faly aho nahare anao niaiky fa mpanota very, ary saika ho very mandrakizay, raha toa ka tsy maintsy niseho teo anatrehan’Andriamanitra amin’ny fo mbola tsy nibebaka. Niaiky ny fahotanao teo anatrehan’Andriamanitra koa ianao, saingy toa mbola tsy manana antoka fa voavela heloka. Ankehitriny ianao dia manontany, sao tsy tena mbola nibebaka tsara, na mbola tsy lalina tsara ny fiovàm-ponao. Satria misy andro tsy ieritretanao izany zavatra izany mihitsy, na koa eritretina ihany fa tsy dia raharahàna.

Azoko tsara ny tianao ambara, satria nandalo izany toe-javatra izany toa anao koa aho. Nandritra ny taona maro aho dia efa nahalala fa very (ary mbola tanora dia tanora aho tamin’izany). Amin’ny atoandro aho, tsy dia mieritreritra loatra ny amin’izany ; fa amin’ny hariva kosa, rehefa hatory iny, dia manomboka matahotra, ary mieritreritra hoe : “Raha maty anio alina aho, dia ho very mandrakizay !” Dia mamerina miaiky ny fahotako amin’Andriamanitra indray aho, ka mangataka aminy mba hamela izany. Mbola tsy nety nahazo antoka ny famelàny ny fahotako ihany nefa aho. Indray andro, dia nilaza tamiko ny zokiko vavy fa nahazo fiadanam-po. Nanontaniako azy izay nataony, ka ny harivan’iny dia mba nanao tahaka izany koa aho, saingy tsy nisy vokany.

Indray hariva, teo amin’ny faha-17 taonako, raha nipetraka teo amin’ny sisim-parafarako aho, kivy sy ketraka, dia nanao anakampo hoe : “Tsy misy dikany, hay, ny mivavaka. Efa an-taonany maro aho, izao, no nangataka tamin’Andriamanitra mba hovanjenty, nefa dia mbola tsy nisy fiovana ihany, mandraka izao”.

Tamin’izay fotoana izay Andriamanitra dia nahatonga eritreritra toy izao tao an-tsaiko : Kanefa anie efa voasoratra hoe : “Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy (Andriamanitra), ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsy fahamarinana rehetra” (1 Jaona 1. 9). Tsy marina ve izany ? Marina tokoa izany, satria Andriamanitra dia tsy mba mandainga, hoy ny eritreritra. Natoron’ny Tompo ahy mazava, àry, ny dikan’ izany, amiko. Midika mantsy izany, fa voavela hatramin’ny voalohany nibabohako azy marina tamin’Andriamanitra ny fahotako. Tamin’izay fotoana izay dia nameno ny foko, na ny marimarina kokoa, nameno ny eritreritra, ny fiadanana. Azoko antoka tanteraka, hatramin’io takariva io, fa voavela tokoa ny heloko. Tsy nanana fisalasalana intsony aho ny amin’izany, satria Andriamanitra no efa niteny !

Ahoana no ahazoana mihavana amin'Andriamanitra ?
Ampy ve ny fibebahana nataoko ?

Nahoana no taona maro toy izany no nandalo vao nahatsapa ho nana-fiadanam-po aho ? Tsy azo isalasalana fa ny mety ho antony iray, dia satria tsy dia nahatsiaro novesaran'ny fahamelohana loatra aho, ka tsy nahatsapa lalina ny atao hoe fahotana. Tsy hoe misy karazana fetra apetrak'Andriamanitra, tsy akory, ka hoe tsy mamela heloka lzy raha tsy mahatratra izay fetra izay ny fisainantsika momba ny fahotana sy ny fibebahana. Tsy nisy olombelona, na dia iray aza, tamin'ny fotoana niovany fo, nahavita tena nibebaka marina tokoa, na nanana fahatsapana ampy tanteraka, momba ny fahotana. Fa aorian'ny fotoana niovana fo isika, mandrakariva, vao tena mahatsapa hoe tena ratsy tokoa.

Tian'Andriamanitra, nefa, ny hahatsapantsika marina fa very isika. Arakaraka ny maha-lalina izany, mantsy, no maha-lalina kokoa ny fiovàm-pon-tsika. Arakaraka ny ahatsapantsika ny fanamelohana sahaza antsika no maha-lalina kokoa ny fibabohantsika amin'ny fahotana vitantsika, ka ahatsapantsika ihany koa fitsaharana sy fiadanam-po tanteraka, avy eo. Ny Fanahy Masina àry no miasa ao am-pon'ny mpanota, ka mametraka ny fieritretany eo ambany fahazavan'Andriamanitra, mba hahatsapany ny maha-very azy sy ny fahotany, ary hahafantarany ny didim-pitsarana mendrika hotononin'Ilay Andriamanitra marina sy masina ny aminy.

Tsy izay, nefa, no tena votoatin-javatra. Ny tena antony nahatonga izany toe-javatra izany, mantsy, dia satria ny tenako no nojereko, fa tsy Andriamanitra. Tsy ampy ahy ny Teniny. Rehefa nahatsapa ny fahotako aho, ka nahatsapa ihany koa fa diso amin'ny zavatra rehetra, dia tokony ho nihaino ny feon' Andriamanitra. Mazava sady tsy misy ihambahambana ny Tenin'Andriamanitra momba izany : “Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Andriamanitra, ka mamela ny fahotantsika.” Tao anatin'ny foko sy ny fiainako no nitadiavako ny antoky ny famelàn-keloka, fa tsy tamin'ny alalan'ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra, izay manome toky izay rehetra miaiky ny fahotany, fa voavela izany.

Ny fahamarinan'Andriamanitra

Andriamanitra dia tsy tahaka ny mpitsara malemy fanahin'izao tontolo izao, izay hanaiky lembehana ka hanamaivana kokoa ny sazin'izay olona mahay mampangoraka azy noho ny an'izay olona tsy mahay izany. Tsy mifanohitra velively amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahasoavany, mantsy, ny fahamarinany. Ary izay no zava-mahagaga, ao amin'ny filazantsara. Ilay Andriamanitra tokana ihany, izay hanatanteraka ny didim-pitsaràny amin'ny mpanota, *indray andro any*, no maneho ny fahamarinany *ankehitryny*, amin'ny fa-

Ahoana no ahazoana mihavana amin'Andriamanitra ?
 melàny sy fanafoanany ny helok'izay rehetra manatona Azy, amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Tompo. Ny fahamarinan'Andriamanitra, mantsy, dia ambaran'ny filazantsara fa miorina amin'ny finoana (Romana 1. 17). “Mba hanehoana ny fahamarinany ankehitriny, mba ho marina lzy sady hanamarina izay manana finoana an'i Jesoa” (Romana 3. 26).

Fanamarinana

Andriamanitra dia tsy afaka manao zavatra tsy marina, tsy mifanaraka tanteraka amin'ny fahamarinany. Noho izany, dia very mandrakizay ny olombelona raha tsy nahatanteraka ny asam-panavotana tany Golgota i Jesoa Tompo. Ny fitiavan'Andriamanitra dia te hamonjy ny olona amin'ny fahaverezana mandrakizay ; saingy tsy azony natao izany, satria ny fahamarinany dia nitaky ny fanamelohana ny mpanota. Ary tsy afaka ny hanohitra velively ny fahamarinan'Andriamanitra ny fitiavany.

Noho izany àry, dia nisy ilay zava-mahagaga voalaza ao amin'ny Hebreo 10 mbamin'ny Salamo 40, sy ny sisa. Ny sitrapon'Andriamanitra, mantsy, dia ny nahatonga ny olona rehetra hovanjena (1 Timoty 2. 4). Tonga olombelona i Jesoa Tompo, ka nanao hoe : “Inty Aho tonga ... hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô !” Nanaiky ny ho faty teo amin'ny hazofijaliana lzy, mba hane-fany ny trosa rehetra momba ny fahotana. Tonga ota lzy, teo, ka nihatra tamin'ny ny fanamelohan'Andriamanitra ; ary izany fanamelohana izany no nahafapo tanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra.

Tsy noho lzy tenany no niaretan'ny Tompo izany fanamelohana izany. lzy, mantsy, no Ilay Masina sy Ilay Marina, Ilay tsy mba nahalala ota. Nitondra ny fahotantsika lzy, mba hisolo toerana izay rehetra mandray Azy ho Mpamonjy, amin'ny alalan'ny finoana.

Ary ankehitriny Andriamanitra dia afaka miteny amin'ny mpanota rehetra hoe : “Mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo” (2 Korintiana 5. 20). Tsy ny fitiavany ihany, àry, fa ny fahamarinany koa, dia mitaky fa izay rehetra manatona Azy, amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Tompo, dia mandray ny famelàn-keloka.

Ny fitsanganana amin'ny maty, porofon'ny fahamarinan'Andriamanitra

Tiako hodinihina akaikikaiky kokoa ny momba izany. Nanaiky ny hankao amin'ny hazofijaliana i Jesoa Tompo, ka nitondra tao amin'ny tenany ny fahotan'izay rehetra mandray Azy, sy izay mbola hanaiky handray Azy any aoriana (1 Petera 2. 24). Natao ota ihany koa lzy, ka dia niharan'ny fanamelohana (2 Korintiana 5. 21 ; Romana 8. 3). “Fahafatesana no tambin'ny ota”

Ahoana no ahazoana mihavana amin'Andriamanitra ? (Romana 6. 23), ary toerana lavitra an'Andriamanitra izany (Apokalypsy 20. 14-15). Izany indrindra no tsy maintsy nihatra tamin'i Jesoa Tompo, teo amin'ny hazofijaliana. Nilaozan'Andriamanitra lzy, nandritra ireo ora maizim-pito ireo, ary maty. Afaka niteny nefa lzy teo amin'ny hazofijaliana hoe : "Vita".

Afaka nijanona tao am-pasana ve ny Tompo, rehefa nahatanteraka ny asam-panavotana ? Ny fahamarinan'Andriamanitra, izay nahatonga ny fanamelohana hihatra taminy, dia nitaky ny hivoahany ny fasana. Tanteraka ny asam-panavotana ; efa nihatra ihany koa ny fitsaràn'Andriamanitra, ary afa-po tanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra. Izany àry no nananganan'Andriamanitra Azy tamin'ny maty (Efesiana 1. 20). Izany no porofo, eo anatrehan'izao tontolo izao sy eo imasontsika, fa neken'Andriamanitra sy nahafa-po Azy ny asam-panavotana nataon'i Jesoa Tompo, mba hisolo voina ny mpanota (Jaona 16. 8,10). Raha tsy nitsangana mantsy ny Tompo, dia ho nanambara izany fa mbola tsy tanteraka ny asam-panavotana. Ary dia tsy ho nisy famonjena ho antsika (1 Korintiana 15. 17-18). Ny fitsanganana amin'ny maty àry no ivon'ny Filazantsara, ka ny fanoherana izany fahamarinana izany dia manapotika ny Filazantsara.

Hoy ny teny ao amin'ny Romana 4. 25 hoe : ... "Izay natolotra noho ny fahadisoantsika, ka natsangana indray ho fanamarinana antsika".

Ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fahasoavana isika, izao. Hoy Andriamanitra amin'ny olombelona rehetra : "Samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra." Hoy koa nefa lzy : "nefa hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesoa, Izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana amin'ny finoana" (Romana 3. 23-25).

Natao "ho an'izay rehetra mino, fa tsy misy hafa" ny hafatra (Romana 3. 22). Izay manaiky ny fitsaràn'Andriamanitra sy miaiky fa very, nefa ihany koa mandray an'i Jesoa Tompo amin'ny alalan'ny finoana ihany, no manana anjara amin'izany.

Niasa tao anatin'ny izany, ny Fanahy Masina, ka mitarika anao mba hiaiky ireo fahotanao sy ny fahaverezanao. Nanatona an'Andriamanitra ianao, ka niaiky teo anatrehany ny momba anao sy izay nataonao. Nitarika ny masonao Andriamanitra mba hijery an'i Jesoa Tompo, ary hoy lzy tamin'ny : "Maty ho an'ny mpanota lzy ; ka raha mandray Azy ianao, dia ataoko ho toy ianao no nanao ny asa vitany." Nandray ny Tompo Jesoa ianao. Mila mino ihany koa ianao, izao, fa izay rehetra ambaran'Andriamanitra dia marina, ka noho izany dia voavela ny helokao. Tsy araka ny fahatsapanao na ny fihetseham-ponao nefa izany, fa araka izay nambaran'Andriamanitra. Izany irery ihany no iankinan'ny zavatra rehetra. Ny alin'ny Paska (Eksodosy 12), raha nandalo tany Egipta ny anjely mpandringana, dia tsy mba nijanona tamin'ny trano izay nahitany ra. Tsy nampaninona na hitan'ny lahimatea na ny havany hafa tao an-trano ilay anjely. Ny hany notakiana tamin'izy ireo, dia ny hanatanteraka izay nolazain'Andriamanitra, mba hilaminan'ny zavatra rehetra ; saingy mba hana-

Ahoana no ahazoana mihavana amin'Andriamanitra ? nany ny *fiadanana*, dia tsy maintsy nino izy ireo fa voaro tamin'ny fandranganana, *satria Andriamanitra no nanambara izany taminy*.

Ny zavatra mahafinaritra, amin'izany, dia izao : rehefa mandray ny mpanota iray Andriamanitra, dia mahazo voninahitra amin'ny lafiny rehetra. Mazava fa miharihary, amin'izany, ny famindràm-pony sy ny fahasoavany ary ny fitiavany, saingy tsy izany ihany. Rehefa misy mpanota manatona an'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, dia ataon'Andriamanitra ho toy izy no nanao ny asa izay nataon'i Jesoa. Satria efa nizaka ny famaizana rehetra noho ny amin'ny fahotana i Jesoa, dia afaka miteny ny mpanota hoe : Tsy misy fahotana intsony no fahitan'Andriamanitra ahy. Tsy misy fahotana tokony hotsaraina intsony, na dia iray aza. *Marina àry Andriamanitra*, raha manafaka ahy tsy hiharan'ny fanamelohana intsony ka manamarina ahy. Ankalazaina, amin'izany, ny fahitsian'Andriamanitra sy ny fahamarinany, satria lzy efa nilaza, tao amin'ny Teniny, fa te hamonjy ny mpanota.

Tonga tena mazava, izany, ny dikan'ny teny ao amin'ny 1 Jaona 9 hoe : "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia *mahatoky* sy *marina* lzy (Andriamanitra), ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika, ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra."

Fantatr'Andriamanitra ny fiainantsika tany aloha

Mety hiteny angamba ianao hoe : "Fa toa tsy mahatsapa fiovana mihi-tsy anie aho e ! Toa vao mainka aza aho manao zavatra ratsy betsaka kokoa noho ny teo aloha". Ekena tsy am-pisalasalana fa ankehitriny ianao dia mahita fahotana betsaka kokoa noho ny teo aloha, eo amin'ny fiainanao. Lalànan-javatra izany, satria nampahiratin'ny Fanahy Masina ny masonao. Saingy efa fantatr'Andriamanitra rahateo ny aminao, fony vao nanatona Azy ianao. Fantany ny fonao sy ny fiainanao, ary ny fahotana rehetra vitanao sy izay mbola hataonao. Nahafantatra sy mahafantatra be lavitra ny amin'izany lzy, mihoatra lavitra indrindra noho izay mety ho takatry ny sainao, eto amin'izao tany izao. "Niseho ny fahamoram-panahin'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy ny fitiavany ny olona", na dia tonga amin'izay lazainy ihany koa aza isika hoe : "Fa isika kosa dia adala fahiny, tsy nanaiky, voafitaka, dia andevon'ny filàna sy ny fahafinaretana maro, ary velona tamin'ny lolompo sy ny fialonana sady hala no nifankahala" (Titosy 3. 4 sy 3). "Fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoan'andro, hamonjy ny ratsy fanahy... Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy" (Romana 5. 6-8). "Fony mbola fahavalo ... isika no nam-pihavanina tamin'Andriamanitra" (Romana 5. 10).

Ahoana no ahazoana mihavana amin'Andriamanitra ?
Vita fihavanana amin'Andriamanitra isika

Araka izany, na dia fantatr'Andriamanitra tsara tokoa aza ny aminao, dia nanome an'i Jesoa Tompo Izy, mba hanananao fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny finoana Azy. Hoy mantsy Izy : Raha manatona Ahy amin'ny alalan'ny finoana ny ran'i Jesoa Tompo ianao, dia hamarinina *maimaim-poana* (Romana 3. 23-25). Raha manatona Azy ianao, dia hafahany amin'ny trosam-pahotana rehetra, ka ny fahamarinany no asehony, amin'izany. Maneho izany fa hatramin'ny fotoana nanatonanao Azy, miaiky ny fahotanao, dia tsy nana-meloka anao intsony Izy. Aminy, dia milamina ny zavatra rehetra. Fa ianao ve manan-javatra hokianina aminy ? Tsia. Nanatona an'Andriamanitra ianao, satria nahatsapa fa tena mila ny famelàny ny helokao.

Koa nahoana àry no tsy manana fiadanam-po ianao ? Ny hoe vita fihavanana amin'Andriamanitra, nefa, dia midika fa tsy misy intsony, na inona na inona, olana mbola eo amin'Andriamanitra sy ianao, fa efa milamina ny zavatra rehetra. Tsy misy intsony trosa tokony haloanao amin'Andriamanitra, fa efa nohamarininy ianao, noho ny finoanao an'i Jesoa Tompo ; ka noho izany ianao dia manana anjara amin'ny fanavotana mandrakizay, izay efa azon'ny Tompo rahateo (Hebreo 9. 12 ; Romana 5. 1). Tsy misy olanao amin'Andriamanitra intsony koa, satria efa nampihavanina taminy ianao (2 Korintiana 5. 20). Noho izany ianao dia efa vita fihavanana amin'Andriamanitra ! Hoy ny voalaza ao amin'ny Romana 5. 1 hoe : “Efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka hanana fihavanana amin'Andriamanitra” !

Ka tsy manana fiadanam-po anie aho e !

Nefa dia hoy ianao hoe : Tsy manana fiadanam-po anie aho e ! — Mety hitranga tokoa izany, satria ianao mbola tsy *nanaiky* fa vita efa ela anie ny fampihavanana. I Jesoa Tompo no nanao izany fampihavanana izany. Izy no fihavanantsika. Izy koa no manambara izany fihavanana izany amintsika (Efesiana 2. 15, 14, 17). “Ny rany teo amin'ny hazofijaliana no nanaovany fampihavanana” (Kolosiana 1.20). Ka tamin'ny fotoana izay nandraisanao Azy, ianao dia manana anjara amin'izany fihavanana izany ; saingy mba ahafahanao miaina an'izany, dia mila mino ianao fa izany tokoa no izy. Manana fiadanam-po ianao raha vao mino fa milaza ny marina Andriamanitra rehefa manambara fa i Jesoa Tompo dia nanao fampihavanana teo amin'ny hazofijaliana. Ianao mantsy, izao, dia mitovy amin'ireo miaramila japoney tany amina nosy kelin'ny ranomasimbe Pasifika, izay tsy nahalala ka dia mbola niaina tahaka ny tamin'ny ady ihany, dimy taona tatỳ aorian'ny nitsaharan'izany ady izany. Mbola niandry ny fanafihan'ny fahavalo izy ireo... tahaka ny nataony nandritra ny ady ihany. Fa nahoana ? Satria noheveriny fa mbola mitohy ihany

Ahoana no ahazoana mihavana amin'Andriamanitra ?
 ny ady. Ny tena antony lalina tsy anananao fiadanam-po, dia satria ianao tsy mandray ny Tenin'Andriamanitra tsy am-pihambahambana. Lasa sakana lehibe ho anao izany. Fa mihoatra noho izany, maniratsira an'Andriamanitra ianao, raha tsy mino ny Teniny. Satria mantsy “Andriamanitra tsy mba olona ka handainga” (Nomery 23. 19).

Raha vao mino an'Andriamanitra koa nefa ianao, momba io zavatra io, dia mila misaotra Azy amin'izay rehetra nomeny anao sy noho ny fahasoavany mahagaga. Dia hahatsapa fiadanam-po ianao —fa tsy alohan'izany akory. Ny olona manao hoe : “Mahita aloha, vao mino !” ; fa Andriamanitra kosa manao hoe : “Mino aloha, vao mahita !”

*Manao veloma finaritra
 Ny namanao H. L. H.*

NAFAHANA TAMIN'NY HERIN'NY OTA

Ry sakaiza malala,

Nahita fiadanam-po sy filaminan-tsaina tao amin'ny asam-panavotana notanterahin'i Jesoa Kristy ianao, izao. Efa niaiky ny fahotanao teo anatrehan' Andriamanitra ianao, ary efa nino izay rehetra nambaran'Andriamanitra ny amin'i Jesoa Tompo sy ny asam-panavotana nataony. Fantatrao àry fa tsy hiharan'ny fitsarana intsony ianao, ka afaka miteny hoe : “Ny rany no nanadio ahy tamin'ireo fahotako rehetra !”

Tsy mba mitory fifalian-dehibe akory, nefa, izato teninao. Mety ho efa nahatsapa izany ihany ianao, saingy toa efa tsy anananao intsony indray izany, ankehitriny. Tsy mila manontany anao ny zava-nitranga aho. Ny toe-javatra efa niainako dia manambara ny amin'izany ary ny Tenin'Andriamanitra rahateo manamafy izany.

Kivy amin'ny tenanao ianao. Nanantena mantsy ianao fa hiova tante-raka ny fiainanao rehefa niova fo ianao, ka hiadana ny eritreritrao. Kanjo ny mifanohitra amin'izany no tsapanao. Mbola ireo eritreritra ratsy teo aloha ihany no miverina ao an-tsainao, ary mbola ao ihany koa ireo toetranao sy fahalemana talohan'ny niovanao fo. Mbola mora sosotra sy mora mirintona toy ny teo aloha ihany ianao. Mihevitra ianao fa tsy izany no tokony ho fandehan-javatra (ary marina ny anao), ary tsy ankasitrahin'Andriamanitra izany. Ianao rahateo tsy te hitoetra amin'izany intsony, ka miezaka miady amin'izany, nefa dia toa zava-poana ihany izany. Toa vao mainka aza miharatsy ihany ny toe-javatra. Indraindray dia toa hitanao ho misy fihatsarany kely, saingy miverina ho ratsy ihany, avy eo. Nivavaka mafy ianao mba hanampian'ny Tompo anao handresy, saingy toa tsy nandaitra ihany koa izany. Angamba aza ianao mahatsapa ny nolazain'ity mpino iray ity, izay nanao hoe : “Arakaraka ny ivavahako amin'ny maraina, no vao mainka maha-ratsy kokoa ny zava-mitranga amiko !”

Fantatro tsara ny amin'izany, satria efa mba niainako ihany koa. Nandritra ny taona roa voalohany taorian'ny fotoana nahatsapako filaminan-tsaina, dia nahatsapa ny tenako ho ory dia ory aho, ka tsy sahy nilaza tamin'olona akory ny efa niovako fo. Nandritra izany fotoana izany, nefa, dia niteny imbetsaka tamiko ny reniko hoe : “Mila miova fo ianao.” Tsy sahy nilaza taminy akory aho, hoe efa niova fo anie aho. Heveriko tokoa fa tsy hino izay lazaiko izy, raha nahita ny fitondrantenako.

Ahoana no fomba hanazavana an'izany ? Tsy ara-dalàna, mantsy, raha toa ka tsy miova vokatry ny fiovam-po ny fiainan'ny zanak'Andriamanitra iray ; na, raha toa ka mbola manohy manota hatrany ihany ny mpino iray ka mahatsiaro fahoriana lalina, na dia tsy sitrapony aza.

Antony roa no mahatonga izany toe-javatra izany :

1. Tsy fantatsika marina ny tena hevitra ny asam-panavotana nataon'i Jesoa Tompo, araka izay anambaràn'ny Tenin'Andriamanitra azy.
2. Na koa, na dia mahalala ny amin'izany fahamarinana izany aza isika, dia tsy mandray izany kosa ho antsika, tsy mampihatra izany, satria tsy araka ny maha-izy azy no andraisantsika azy, tsy raisintsika tsotra hoe izany no lazain'ny Tenin'Andriamanitra.

Ny toetran'ny olombelona

Tao amin'ny taratasiko farany, dia nasehoko anao, araka ny voalaza ao amin'ireo toko voalohandohany ao amin'ny epistily ho an'ny Romana, fa ny olombelona rehetra dia efa nanota avokoa, ka noho izany dia meloka eo anatrehan'Andriamanitra ; nefa koa, izay rehetra manaiky an'i Jesoa Tompo dia mandray ny famelàna ny helony, ka dia hamarinin'Andriamanitra. Araka izany, ny olona niova fo rehetra dia afaka miteny hoe : “Efa nohamarinina tamin'ny finoana isika”, ka dia manana “fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontosika” (Romana 5. 1).

Miandany amin'ny meloka Andriamanitra, ka namboatra ny zavatra rehetra ho azy, mba hahavonjy azy.

Manomboka ao amin'ny Romana 5. 12 dia lohahevitra vaovao no velabelarina. Tsy ny amin'ireo *fahotantsika* intsony, izany hoe ny asa ratsintsika, no lazaina, fa ny amin'ny *toetrantsika*. Nahoana moa ny olona no tsy manao afa-tsy ny manota ? Satria na ny toetrany na ny fony dia ratsy. “Ny fo dia maitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra, sady manana aretina tsy azo sitranina ; iza moa no mahafantatra ny aminy ?” (Jeremia 17. 9). “Avy ao anatin'ny olona, dia avy ao am-pony, no ivoahan'ny sain-dratsy, dia ny fijangajanganana, ny halatra, ny vonoana olona, ny fakàm-badin'olona, ny fieremena, ny lolompo, ny fitaka, ny fijejojejoana, ny maso ratsy, ny fitenenan-dratsy, ny avonavona, ny fahadalana”, hoy i Jesoa Tompo (Marka 7. 21-22). Ao amin'ny Titosy 3. 3 dia toy izao no anambaràn'i Paoly apostoly ny amin'ny toetrantsika : “Isika koa dia adala fahiny, tsy nanaiky, voafitaka, dia andevon'ny filàna sy ny fahafinaretana maro, ary velona teo amin'ny lolompo sy ny fialonana, sady hala no nifankahala.” Tsy ny asa ratsy ataontsika no tanisaina eto, fa famelabelarana ireo fihetseham-pontsika, ny toetrantsika, ny maha-isika antsika.

Tahaka ny endrik'Andriamanitra sy araka ny tarehiny

Ny Romana 5. 12-21 dia mampahafantatra antsika ny antony ananantsika izany toetra maha-mpanota antsika izany, izay tsy inona fa noho isika samy taranak'i Adama avokoa.

Nafahana tamin'ny herin'ny ota

I Adama dia natao ho tahaka ny endrik'Andriamanitra sy natao ho araka ny tarehiny (Genesisy 1. 26 ; 5. 1). Ny hoe "tahaka ny endrik'Andriamanitra" dia maneho ny toerana nomena azy eo anivon'ny zavaboary. Amin'ny maha-mpitantana voatendrin'Andriamanitra azy, izy dia misolo tena an'Andriamanitra eto ambonin'ny tany, ary noho izany, dia lohany manapaka amin'ny zavaboary manontolo. Na dia teo aza, nefa, ny fahalavoan'i Adama sy ny korontana naterak'izany, ary na teo koa aza ny fiovana lehibe vokatr'izany, dia mbola mitoetra amin'ny maha-endrik'Andriamanitra azy ihany izy, ary ny olombelona rehetra koa, amin'ny maha-taranany azy (1 Korintiana 11. 7).

Ny hoe "araka ny tarehin'Andriamanitra" kosa indray, dia manambara ny fahadiovan'i Adama sy ny tsy fananany tsiny. Nisy firaisam-po amam-panahy teo amin'Ilay Mpahary sy ny olona izay noariny. Indrisy, nefa, fa tsy naharitra ela akory izany. Nandika ny didin'Andriamanitra i Adama, ka dia very ny fahadiovany, ary dia lasa mpanota meloka izy. Tsy nolazaina intsony, tatỳ aorian' ny nahalavoan'i Adama, ny maha-araka ny tarehin'Andriamanitra azy na ny taranany. Ny zavatra nataon'Andriamanitra tamin'ny nahariny ny olombelona tany am-boalohany, ihany, no ampiasana izany fiteny izany (Genesisy 1. 26 ; Jakoba 3. 9).

Tahaka ny tarehin'i Adama sy araka ny endriny

Mazava dia mazava ny lazain'ny Genesisy 5 momba izany. Ao amin'ny andininy 1 no ahitantsika fa nataon'Andriamanitra ho tahaka ny tarehiny ny olombelona. Ao amin'ny andininy faha-3 kosa, nefa, rehefa niteraka i Adama, ny taranany dia tahaka ny tarehiny sy araka ny endriny, dia tahaka ny mpanota meloka, zavaboary nianjera lavitra an'Andriamanitra. Noho izany, ny zaza rehetra teraka dia efa mpanota sahady raha vao teraka, satria mitovy toetra amin'ny ray aman-dreniny.

Hoy i Joba : "Aiza no misy madio ateraky ny tsy madio ? Tsy misy na dia iray akory aza" (Joba 14. 4). Hoy ihany koa i Davida : "Tamin'ny heloka no niterahana ahy, ary tamin'ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko" (Salamo 51. 5). Ao amin'ny Romana 5. 12-21 no ahitantsika ny fehin-kevitra azo tsoahina avy amin'izany toe-javatra izany ; dia toy izao izany : noho ny fahadisoan'i Adama, dia maty ny olona maro, satria noho ny fahadisoan'ny olona iray, dia nanjaka ny fahafatesana (and. 15, 17). Ny vokatra ny fahadisoan'i Adama dia nahatratra ny olona rehetra, izay niara-voaheloka taminy avokoa (and. 18), ary noho ny tsy fankatoavan'i Adama, dia lasa mpanota avokoa ny taranany rehetra (and. 19). Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia toy izao : ny toetran'ny olombelona rehetra, eo am-pahaterahany, dia tahaka ny an'i Adama, razambeny voalohany, taorian'ny fahalavoany, dia mpanota miandry ny fahafatesana ary voaroaka niala tao amin'ny saha Edena, tsy ho eo akaikin'Andriamanitra.

Nafahana tamin'ny herin'ny ota

Eto àry dia ny *toetran'*ny olona no resahina, fa tsy ireo *fahotana* nataony. Raha mbola tsy manao fahotana iray akory ny olona iray, dia izao manaraka izao ny toetran'ny : mpanota izy, ka dia mendrika ny fahafatesana, ho fanamelohana azy. Tsy hoe *meloka* izy raha vao teraka ; tsy meloka izy raha tsy atỳ aoriana, noho ireo zavatra hataony, noho ireo fahotana ho vitany. Ao amin'ny Apokalypsy 20. 12 dia hitantsika fa ny maty dia hotsaraina araka ny asany avy, fa tsy araka ny *toetran'*. Ny toetran'ny olombelona, nefa, dia tsy ahafahany ho tonga any an-danitra velively. Andriamanitra, rahateo, tsy mahazaka olombelona mpanota manatrika Azy. Ilay Andriamanitra *masina* dia tsy maintsy mampanalavitra Azy mandrakizay ny olona tahaka izany. Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy (1 Jaona 1. 5), ary tsy mahazaka haizina eo anatrehany (Efesiana 5. 8). Hatsipiny any amin'ny maizina any ivelany ireny, ka "any no hisy fitomaniana sy fikitrohanify" (Matio 8. 12 ; 22. 13). Raha tsy nahatanteraka ny asam-panavotana àry i Jesoa Tompo, dia tsy ho nisy olona afaka niditra any an-danitra, na dia ny zazakely izay maty taorian'ny nahaterahany, aza, ka tsy nanatanteraka fahotana iray akory.

Tsy ampy ny hoe voavela heloka !

Araka izany, àry, dia tsy ampy ny hoe voavela heloka. Raha nitondra ireo fahotako rehetra teo amin'ny hazofijaliana ny Tompo, kanefa tsy nanao na inona na inona ambonin'izany, ho ahy, dia marina fa tsy hotsaraina noho ireo fahotako intsony aho, saingy ho very mandrakizay ihany. Afaka mamela heloka Andriamanitra, fa tsy afaka kosa mamela ny *toetra ratsy*, dia ilay *toetra ratsy sy mpanota*. Efa nampandalovin'Andriamanitra tamina tranga maro isankarazany ny olombelona, ahazoany maneho izay mety ho tsara ao anatiny. Toy izany, ohatra, ny talohan'ny Safodrano, raha mbola tsy nanome didy na fandrarana Andriamanitra ; sy ny taorian'ny Safodrano, izay nametrahan'Andriamanitra fahefana hanafay ny faharatsiana (Genesisy 9. 5-6) ; ary tatỳ aoriana, nony nanokana ny Israely ho olony lzy, ka nanome azy ireo ny didiny sy ny fitsipiny, ary nanaiky ny honina eo aminy, noho ny fahatsaram-pony (Deoteronomia 4. 6-8). Avy eo, moa, lzy dia nanome azy ireo mpitsara sy mpaminany ary mpanjaka. Nitaiza azy ireo tamin'ny fitsipiny lzy. Ary tamin'ny farany, dia tonga teto an-tany mihitsy lzy, ho "Andriamanitra tonga nofo", tamin'ny fahasavana. "Andriamanitra ao amin'i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy, ka tsy nanisa ny fahadisoany" (2 Korintiana 5. 19). Inona nefa no nitranga ? "Tonga tany amin'ny Azy lzy, fa ny Azy tsy nandray Azy" (Jaona 1. 11). "Ary ny mazava dia namirapiratra ao amin'ny maizina ; fa ny maizina tsy nandray azy" (Jaona 1. 5). "Aleon'ny olona ny maizina, toy izay ny mazava" (Jaona 3. 19). Ratsy indrindra ny olombelona, ka dia vitany hatramin'ny nanilikilika sy nandà Ilay Andriamanitra izay niseho tamin'ny fahasoavany, ary nanombo

Nafahana tamin'ny herin'ny ota an'i Jesoa, "Ilay Andriamanitra tonga nofo", tamin'ny hazofijaliana (1 Timoty 3. 16). Ny hazofijaliana dia naneho miharihary fa ratsy tanteraka ny olombelona, ka tsy misy azon'Andriamanitra atao, afa-tsy ny manameloka azy.

Izany no antony ilazan'i Jesoa Tompo, ao amin'ny Jaona 3, tsy hoe : "Raha tsy voavela heloka ny olona, dia tsy hahita ny fanjakàn'Andriamanitra", fa hoe : "Raha tsy ateraka indray ny olona, ..."

Ny valin-teny omen'Andriamanitra

Ny Romana 5. 12-21 dia manome antsika vahaolana avy amin'Andriamanitra, mikasika izany zavatra toa sarotsarotra raisina izany. Ilay olona voalohany, dia ilay Adama voalohany, izany, dia nampita tamin'ny taranany rehetra (izany hoe amin'ny olona rehetra hatrany am-bohoka) ny toetra maha-mpanota azy. Noho izany dia nirahin'Andriamanitra ho etỳ an-tany i Jesoa Tompo, ilay olona faharoa sy Adama farany (1 Korintiana 15. 45-47), mba ahazoany manome ny toerana novidiny tamin'ny alalan'ny asany (dia ilay fanavotana nataony teo amin'ny hazofijaliana), ho an'izay rehetra tafaray aminy. Izany, moa, dia mitondra antsika amin'ny fanontaniana hoe : Manao ahoana moa izany toerana izany ?

I Jesoa Tompo dia "nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany, teo ambonin' ny hazo", noho ny fanamelohan'Andriamanitra (1 Petera 2. 24). Tsy izay ihany, nefa. Ny Romana 8. 3 dia manambara fa Andriamanitra dia "naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin'ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo". Ao amin'ny 2 Korintiana 5. 21 ihany koa, dia ahitantsika ny hoe : "Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika." Ireo andinin-tSoratra Masina roa ireo dia tsy miresaka ny amin'ny fahotantsika, tsy akory, na ny amin'ny asa ratsintsika, fa miresaka ny amin'ny ota, dia ny fitsipika fototry ny atao hoe ratsy, sy ny loharanon'ny ota, ary ny toetra ratsy maha-isika antsika mihitsy. Ny Romana 8. 3, moa, dia miresaka ny amin'ny "nofo ota" sy ny amin'ny "ota ao amin'ny nofo". Ny toetra ratsy maha-isika antsika dia voafarit'ireo teny ampiasaina ao amin'ny Romana 5. 8 ireo.

Ao amin'ireo andinin-tSoratra Masina ireo dia hitantsika fa nataon'Andriamanitra ho ota i Jesoa Tompo, nony nihantona teo amin'ny hazofijaliana. Tsy hoe nitondra ny fahotantsika fotsiny ihany ny Tompo, tamin'izany, fa nandray mihitsy ny toetra ratsy maha mpanota antsika. Nohelohin'Andriamanitra àry Ilay tsy mba nahalala ota akory, ka nataony tahaka ny olona mpanota, izay manana toetra ratsy maha mpanota. Nohelohin'Andriamanitra avokoa na ny toetra maha mpanota ny olona, na ireo fahotany (ny asa ratsy nataony) ; ary dia samy nampihariny tamin'i Jesoa Tompo avokoa ny fanamelohana ireo zavatra roa loha ireo. Noho izany, dia maty ny Tompo ary nalevina.

Nafahana tamin'ny herin'ny ota

Ilay Adama farany

Ny herin'Andriamanitra kosa, nefa, dia nanangana an'i Jesoa Tompo tamin'ny maty (Efesiana 1. 20), ka nampiharihary fa afa-po tanteraka ny fitsaràny, raha ny amin'ny fahotantsika sy ny toetra ratsy ao amintsika. Nitsangana tamin'ny maty ny Tompo, ary efa tanteraka ny fitsarana. Sata vaovao, izao, no ijoroany eo anatrehan'Andriamanitra, dia Ilay niaritra tanteraka ny fanamelohana, noho ny ota sy ireo fahotana, kanefa kosa natsangan'Andriamanitra, mba ho porofo fa afa-po tanteraka tamin'ny asany ny fitsaràn'Andriamanitra ; ary ankehitriny Izy dia miaina fiainana fitsanganana amin'ny maty. Izany no satan'i Jesoa Tompo, Ilay olona faharoa, dia Ilay Adama farany, hatramin'ny nahatonga Azy ho lohan'ny ankohonana vaovao, dia ny ankohonan'Andriamanitra.

Ny Romana 5. 12-21 dia milaza amintsika fa izay rehetra ampitoviana aminy dia mitovy sata aminy koa. "Ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanomezana amin'ny fahasoavan'ny Olona iray, dia Jesoa Kristy, no tonga be ho an'ny maro kosa" (and. 15). "Noho ny fahadisoana maro ... no nisehoan'ny fanomezam-pahasoavana ho fanamarinana" (and. 16). "Izay mahazo ny haben'ny fahasoavana sy ny fanomezan'ny fahamarinana no hanjaka amin'ny fiainana noho ny nataon'ny Anankiray, dia Jesoa Kristy" (and. 17). Ampy ho fanamarinana ho fiainana ny asam-panavotana nataon'i Jesoa Kristy ; ary noho ny fankatoavany, dia natao ho marina isika (and. 18-19). Ny fahasoavana dia manjaka amin'ny alalan'ny "fahamarinana ho fiainana mandrakizay" (and. 21). "Fa raha nampiraisina taminy tamin'ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa, amin'ny fitsanganany" (Romana 6. 5). Ny Efesiana 2. 6 dia manambara zavatra lalindalina kokoa, momba izay. Andriamanitra dia namelona antsika miaraka amin'i Kristy, nanangana antsika niaraka tamin'i Kristy, ary nametraka antsika ihany koa niaraka aminy any an-danitra, ao amin'i Kristy Jesoa.

Fantatsika àry fa ny asam-panavotana nataon'i Jesoa Tompo dia tsy mijanona eo amin'ny famelàna ny helotsika ihany, fa misy dikany lalindalina kokoa. Rehefa manatona an'Andriamanitra ny mpanota iray, amin'ny alalan'ny fiaikeny ny helony, sy noho ny finoany an'i Jesoa Tompo, dia raisin'Andriamanitra ho anisan'ny ankohonany, ka tonga fananan'i Jesoa Tompo. Natao ho toy ny azy ny asam-panavotana manontolo notanterahin'i Jesoa. Izany dia midika fa ny fanamelohana ireo fahotany sy ny ratsy vitany dia efa nentina teo amin'ny hazofijaliana avokoa, ka dia efa voaisotra. Ny toetra maha mpanota azy ihany koa, nefa, dia efa voaheloka, ka dia efa maty tamin'ny nahafatesan'i Jesoa Tompo teo amin'ny hazofijaliana. Ankehitriny izy dia efa mandray anjara amin'ny fiainam-baovaon'i Jesoa Tompo natsangana tamin'ny maty. Ilay Adama farany (ilay "fanahy mahavelona" —1 Korintiana 15. 45) dia nanome fofonaina azy, sy nanome azy ny fiainany manokana, tamin'ny nitsanganany ta-

Nafahana tamin'ny herin'ny ota min'ny maty (Jaona 20. 22). Manana ny fiainana mandrakizay izy, ary i Jesoa Tompo mihitsy no fiainany (Jaona 3. 15-16 ; 1 Jaona 1. 1-2 ; 5. 11-13, 20).

Maty niaraka tamin'i Kristy

Ny olona izay mahatakatra tsara izany dia tsy miezaka intsony ny hi-hatsara amin'ny herin'ny tenany. Fantany mantsy fa tsy hainy atao ny mana-tsara izay efa nolazain'Andriamanitra fa hoe very mandrakizay. Fantany ihany koa nefa izy, fa novonoin'Andriamanitra ho faty teo amin'ny hazofijaliana, tao amin' i Jesoa Tompo. Izany rahateo no ambaran'ny batisa. Natao batisa ho amin'ny fahafatesan'i Jesoa Tompo izy, ka dia niara-nalevina taminy tamin'ny alalan'ny batisa, ho amin'ny fahafatesana (Romana 6. 3-4). (Tsy manamaivana izany fahamarinana izany ve ny fanaovana batisa amin'ny famafazana ny rano, fa tsy amin'ny fanatsobohana ?) Fantany àry fa Andriamanitra dia tsy mijery azy afa-tsy ao amin'ny maha-olom-baovao azy, dia olom-baovao izay tsy te hanota, ary tsy afaka manota. Tahaka izany indrindra koa no ijereny ny tenany, dia olona maty ny amin'ny ota, saingy velona kosa ho an'Andriamanitra, ao amin'i Kristy Jesoa (Romana 6. 11). Tsy afaka hiady amin'ny ota ao anatin'ny, tsy akory, ny kristiana; tsy voalaza, na aiza na aiza, ao amin'ny Soratra Masina, hoe tokony hanao izany izy ; ny mifanohitra amin'izany aza, ny ataony dia ny mihevitra ny tenany hoe efa maty ny amin'ny ota. (Marihina moa fa ny Hebreo 12. 4, eto, dia tsy miresaka momba ny ota izay mitoetra ao anatintsika, fa ny amin' ny ota eto amin'ity izao tontolo izao, izay manohitra antsika, ity.) Marina fa mbola te hitraotra ihany ny ota izay mitoetra ao anatin'ny kristiana iray. Te haneho izy fa mbola velona ihany, nefa tsy tokony havelan'ny kristiana hiseho intsony. Tsy tokony hihevitra azy akory izy, fa mila mijery an'i Jesoa Tompo. Koa rehefa miasa ao anatin'ny foko ny ota, ka misintona ny saiko hitodika any aminy, dia tsy tokony hohenoiko akory, fa tokony hafantoko amin'ny Tompo Jesoa ny saiko. Tsy ny ota intsony no hameno ny saiko, amin'izay. Rehefa mibanjina an'i Jesoa Tompo mantsy isika, dia afaka mivelatra eo amintsika ny fiainam-baovao : "Isika rehetra kosa, amin'ny tava tsy misarona, dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra, avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin' ny Tompo, dia ny Fanahy" (2 Korintiana 3. 18).

Raha manao izany aho, dia anjaran'ny Fanahy Masina, izay mitoetra ao anatiko, ny miady amin'ny nofo (ilay toetra maha-mpanota) (Galatiana 5. 17). Tsy anjarantsika ny miady. "Ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin'ny ota, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa" (Romana 6. 11).

Zavatra tsapa eo amin'ny fiainana

Nafahana tamin'ny herin'ny ota

Koa ahoana àry, araka izay nosoratako tany am-piandohana, no misy kristiana maro, misento eo ambanin'ny herin'ny ota ? Ary nahoana no tsy misy kristiana, na iray aza, tsy mahatsapa izany toe-javatra nandalovany teo amin'ny fiainany izany, sy ny ady atao amin'izany ? Tsy hoe haharitra mandritra ny androm-piainan'ny mpino manontolo, tsy akory, izany ady izany. Hisaorana anie ny Tompo, satria tsy ho izany tokoa. I Jesoa Tompo dia nandresy an'i Satàna sy ny ota ; noho izany, ireo rehetra manana anjara ao aminy, dia mitoetra ao amin'ny fahafahana (Galatiana 5. 1, 13, 16) ary mivelona amina fiainampandresena (Romana 8. 1-4). Ireo rehetra mahatsapa ny ambaran'ny Romana 8. 1-11 dia afaka amin'ny herin'i Satàna sy ny ota ary ny fahafatesana. Ny vokatry ny Fanahy no hita ao amin'izy ireo (Galatiana 5. 22), ary ho tanteraka ao aminy ihany koa izay zavatra marina takian'ny lalàna (Romana 8. 4).

Fantatry ny tsirairay, nefa, ny amin'izany ady izany, satria araka izay zavatra efa niainantsika ihany no ahalalantsika ny amin'ny hoe fanafahana.

Rehefa miova fo ny olona iray, dia mahita sy mahatsapa ireo fahotany, ary mahatsiaro mavesatra ny amin'izany, satria manoloana azy ny fitsaràn'Andriamanitra. Mandray ny fiainam-baovao izy, ary tonga manana sitrapo vaovao izay mifono faniriana hanompo an'Andriamanitra. Ny sitrapon'Andriamanitra no katsahiny, ka tiany hotanterahina tahaka ny lalàna. Amin'izany, nefa, dia ny toetra maha mpanota azy ihany no fantany. Ny Romana 7 moa no milazalaza ny amin'izany.

Ao amin'ny andininy efitra voalohany, dia ahitantsika ny foto-pampianarana milaza ny amin'ny toerana misy antsika. Isika dia maty raha ny amin'ny lalàna, ary nampiraisina amin'ilay Kristy, Izay efa nitsangana tamin'ny maty. Ny andininy faha-5-6, indray, dia manambara ny zavatra miseho eo amin'ny fiainana. Ny zavatra tsikaritra voalohany, amin'izany, dia ny hoe : tsy manana hery ny lalàna. Ny lalàna dia masina sy marina ary tsara. Natao ho an'ny "fiainana" izy, satria mantsy voasoratra hoe : "izay manao izany zavatra izany dia ho velona." Araka izay zavatra niainako, nefa, dia tsapako fa fahafatesana no entiny ho ahy, satria noho izany lalàna izany, dia mitsiry ao am-poko ny fitsiriritana. Nefa ny lalàna mandrara ahy tsy hitsiriritra. Mitarika ahy hahalala marina ny tena toetrako izany : "Fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin'ny nofoko" (and. 18). Na izany aza, nefa, ny fahalalako fa te hanao ny tsara aho, saingy ny ratsy izay hâlako ihany no tanterahiko (and. 15), dia mitarika ahy hanavaka ilay "izaho", izay te hanatanteraka ny tsara ka mankasitraka ny lalànan'Andriamanitra, araka ny toetra anaty (and. 22), sy ny hery ato anatiko, ny ota, izay mahatonga ahy hanao ny ratsy (and. 20). Tsapako amin'izany àry aho fa andevon'ny ota, izay mitoetra ato anatiko. Manota aho : "lalànan'ny ota" izany, fitsipika tsy azo ovàna ary tsy ananako hery anoharana azy. Andevon'izany lalàna izany aho.

Noho izany, ny Fanahy Masina dia mitarika ahy hahita ny toetrako tsy misy fanantenana, ka mahatonga ahy hikiaka koa hoe : "Indrisy ! Olo-mahan-

Nafahana tamin'ny herin'ny ota tra aho ! Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity ?” (and. 24). Ny tenin'Andriamanitra nefa dia manome valin-teny ho antsika ny amin'izany, ao amin'ny andininy 25, hoe : “Misaotra an'Andriamanitra aho, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontosika.”

Fanafahana

Afaka amin'io tenan'ny fahafatesana io aho ! Voaheloka izy, tao amin'i Kristy, teo amin'ny hazofijaliana (and. 3). “Tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko” (Galatiana 2. 20). “Ao amin'i Kristy” aho, dia eo amin' ilay toerany taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Koa amin'izany, dia tsy misy fanamelohana ho ahy intsony (Romana 8. 1). Ny Fanahy Masina dia nanome fiainana vaovao ao anatiko, dia fiainana tsy manota intsony, ary mihoatra noho izany, tsy afaka manota, fa miombom-po tanteraka amin'Illy nanome azy (Jaona 3. 5-6). Ambonin'izany dia monina ao anatiko ny Fanahy Masina, ary lzy no hery mahatonga ilay fiainana vaovao hivelatra araka ny maha-izy azy (1 Korintiana 6. 14 ; Jaona 4.14 ; 7.38-39). Izy ihany koa no manatanteraka ny ady amin'ny nofo (Galatiana 5. 17). Araka izany, ny lalànan'ny Fanahin'aina ao amin'i Kristy Jesoa (lalàna izay tsy hay ovàna) dia nanafaka ahy tamin'ny lalànan'ny ota sy ny fahafatesana (Romana 8. 2 ; ampitahao amin'ny 7. 23). Tsy ao amin'ny nofo (izay toetra taloha) intsony aho, fa ao amin'ny Fanahy. Ny toerana misy ahy dia voafaritry ny fananako ilay fiainana natolotry ny Fanahy Masina ahy tamin'ny fahateraham-baovao (Jaona 3) sy ny fonenan'ly Fanahy Masina rahateo ato anatiko (Romana 8. 9). Midika izany fa an'i Kristy aho, ka dia kristiana tokoa.

Ny toetra tokony ho izy, ho an'ny mpino, dia olona afaka —nafahana tamin'ny fanandevozan'i Satàna sy ny ota ary ny fahafatesana, nafahana mba hanompo an'Andriamanitra—, olona afaka mba hisitraka ny fiombonana tsy tapaka amin'Andriamanitra sy hanana fifaliana tonga lafatra (1 Jaona 1. 3-4).

Ny Tompo anie hanome anareo, sy ahy koa, ny hitoetra mandrakariva ao amin'izany toetra tokony ho izy izany.

*Mirary soa indrindra.
Hoy ny rahalahinareo ao amin'ny Tompo.
H. L. H.*

Nanokana olona ho very ve Andriamanitra ?

NANOKANA OLONA HO VERY VE ANDRIAMANITRA ?

Ry sakaiza malala isany,

Somary sahiran-tsaina angamba ianareo, satria nisy feo nilaza fa tsy mety ho fantatra dieny etỳ ambonin'ny tany etỳ raha ho voavonjy ny olona na tsia, satria tsy fantatra raha ho voafidy ho amin'izany na tsia.

Azonareo novaliana tsotra tamin'ny alalan'ny Baiboly nefa izany. Hoy ny Tenin'Andriamanitra : “Mba tsy ho very izay rehetra mino azy, fa hanana fiainana mandrakizay” (Jaona 3. 16). Raha milaza ny marina, izany, Andriamanitra, dia afaka mahazo antoka ny famonjena antsika isika. Tsy misy olona handà fa milaza ny marina ny Tenin'Andriamanitra. Nanontany olona iray niasalala toy izany aho, raha noheveriny fa teo anilan'Andriamanitra i Paoly apostoly, ka nahita ny boky firaketany. Tsia, hoy izy, mazava loatra. Ka hoy aho tamin'ny hoe : Koa ahoana àry no nahafahany nanoratra ho an'ny Tesaloniana hoe : “Fantatrareo ny nifidianana anareo” ? Ary ahoana ihany koa no nahafahany niantso ny olona nanoratany, hoe olona masina, amin'ireo taratasy rehetra nosoratany ? Tsy nanan-kavaly, moa, io olona io, fa ny ampitso kosa izy dia tonga nanatona ahy, ary nanao tamiko hoe : “Izaho koa ankehitriny dia mahafantatra fa voavonjy aho”. Araka izany, ny Tenin'Andriamanitra dia miresaka mazava ny amin'ny hoe fifidianana. Zanak'Andriamanitra iza àry no mbola tsy namaky am-panajana ny teny ao amin'ny Efesiana 1. 4-5, ny Romana 8. 29-30, ny 1 Petera 1. 2, sy ny hafa ihany koa, ka tsy nankalaza llay Andriamaniny, noho ny nanomezany azy izany fahasoavana lehibe izany ?

Sori-dahatra mialoha

Indrisy, moa, fa ny olombelona dia tsy nijanona teo amin'izay voalazan'ny tenin'Andriamanitra, fa mbola nampiasa lalina ny sainy, mba ahazoany manatsoaka izay heveriny ho marina ara-drafikevitra. Ny vokany nefa dia mi-harihary, fa ireny fanambaràna ireny dia mifanohitra amin'ny tenin'Andriamanitra, ka manala baraka ny anarany. Ny foto-pampianarana milaza ny sori-drafitra mialoha ho an'ny olona rehetra dia faniratsirana ny voninahitr'io fifidianana io, araka ny anambaràn'ny Tenin'Andriamanitra azy.

Hoy mantsy izany fampianarana ny amin'ny sori-drafitra mialoha izany, hoe Andriamanitra dia nifidy olona vitsivitsy hahazo ny famonjena mandrakizay, ary nanapa-kevitra hanary ny hafa kosa. Ny Romana 9. 8-23 no anorena-na io fampianarana io. Ndeha hovakiantika sy hodinihintsika tsara izany teny izany.

Tsy natao ho an'ny Jiosy irery ny fahasoavana

Ny toko valo voalohany amin'ny bokin'ny Romana, dia mamariparitra ny toerana misy ny olombelona, sy ny valiny omen'Andriamanitra mikasika izany. Very tanteraka ny olombelona, araka ny voalaza hoe : “Samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra, nefa haminina maimaimpoana amin'ny fahasoavany” (Romana 3. 23-24). Voavonjy noho ny fahasoavana irery ihany ny olona, ary tsy noferana ho an'ny Jiosy ihany izany fahasoavana izany, fa natao ho an'ny jentilisa koa —ireo izay tsy Jiosy.

Tsy nanaiky izany nefa ny Jiosy. Nanana toerana niavaka sy azy manokana mantsy izy ireo, ka tsy te hizara izany. Vao mainka moa niseho niharihary ny fankahalan'izy ireo, rehefa notorina tamin'ny jentilisa izany filazantsara izany. Hitantsika izany, ohatra, ao amin'ny Asa 13. 45-50 ; 15. 1 ; 17. 5 ary ny 28. 25-29.

Ao amin'ny toko faha-9 ka hatramin'ny faha-11 amin'ny Romana, i Paoly apostoly dia mandinika izao fanontaniana izao : Ahoana no fomba ampifanarahana izany toerana iombonan'ny Jiosy sy ny jentilisa izany, raha ny Filazantsara no jerena, sy ny toerana miavaka nomen'Andriamanitra ny Jiosy ?

Ny maha-taranak'i Abrahama

Ny zavatra voalohany izay nireharehan'ny Jiosy, dia ny maha-taranak'i Abrahama azy. Tsara izany, hoy ny apostoly, saingy tsy maintsy ekena ihany koa, izany, i Ismaela, satria zanak'i Abrahama koa. Ary raha lazaina aza fa andevovavy ny renin'i Ismaela, izay niavian'ny Arabo, dia mbola tao ihany koa i Esao. I Jakoba sy Esao, mantsy, dia iray ray sady iray reny, ary kambana. Na dia zokiny aza nefa i Esao, dia tsy izy no loharano nipoiran'ny vahoakan'Andriamanitra. Tsy hoe i Jakoba koa, nefa, no tsaratsara kokoa. Talohan'ny nahaterahan'izy mirahalaha ireo, dia efa nilaza Andriamanitra fa ny zokiny hanompo ny zandriny.

Tsy hoe zon'ny Jiosy, izany, ny nanana izany tombon-dahiny izany, fa noho ny herin'Andriamanitra sy ny fahasoavany, izay samy miasa amin-kalalahana tanteraka. Raha mitaky ny zony ny Jiosy, dia tsy maintsy manaiky ihany koa ny maha-olon'Andriamanitra ny Arabo sy ny Edomita, ary izay indrindra no tsy tiany. Fa raha noho ny fahasoavana sy ny herin'Andriamanitra kosa no maha-olon'Andriamanitra azy ireo, Andriamanitra ve tsy mahazo manitra izany fitahiana izany ho an'ny hafa ihany koa ?

Hitantsika, amin'izany, fa tsy fifidianana na faniliana ho mandrakizay no resahina eto, fa tombon-dahiny ananan'ny Jiosy ety ambonin'ny tany fotsiny ihany.

I Jakoba no tiako, fa i Esao no hâlako

Ny teny ao amin'ny Romana 9. 13 dia ampiasaina manokana mba hanantitranterana ny foto-pampianarana mikasika ny faniliana. Izany nefa dia fampifangaroana ny voalazan'ny andininy faha-12 sy faha-13. Ny hitantsika ao amin'ny andininy faha-12 dia zavatra efa nolazain'Andriamanitra tokoa talohan'ny nahaterahan'izy mirahalaha kambana ireo, nefa tsy talohan'ny naharina izao tontolo izao, tsy akory, araka izay hita ao amin'ny Efesiana 1. 4.

Anjara toerana tetỳ ambonin'ny tany ihany izany. Ary taloha kelin'ny nahaterahan'izy mirahalaha no nanambaràn'Andriamanitra ireo teny ireo (and. 10). Ny andininy faha-13 kosa dia fitanisana ny teny ao amin'ny Malakia 1. 2-3, izay fanambaràna nataon'Andriamanitra 1400 taona taorian'ny nahafatesan'i Jakoba sy Esao, rehefa hitany ny fiainan'izy ireo sy ny taranany. Ao amin'ny Hebreo 12. 16-17 dia sokajiana ho isan'ny mpijanganjanga sy olona tsy manaja ny masina i Esao, izay nivarotra ny fizokiany tamina hanina indraim-bava, ary tsy afaka nahita intsony izay fomba hibebahana. Hahagaga ve raha lazain'Andriamanitra fa halany izany olona izany, araka ny voasoratra hoe : “Halanao ny mpanao ratsy rehetra” (Salamo 5. 5) ?

Hiampita any amin'ny Romana 9. 15 isika, izay manao hoe : “Izaho hiantra izay hiantrako, ary hamindra fo amin'izay hamindrako fo.” Fitanisana ny Eksodosy 33. 19 izany. Nanangana ombilahy volamena ny Zanak'i Israely ka nandà an'Andriamanitra (Eksodosy 32. 4). Mendrika ny famaizan'Andriamanitra izy ireo (Eksodosy 32. 10) ; nefa dia nifona ho azy ireo i Mosesy. Maneho ny fahasoavany indray àry Andriamanitra, ka tsy nangringana ny vahoakany. Ireo teny ireo dia porofo manambara fa Andriamanitra dia manana fahefana haneho ny fahasoavany, na dia efa tokony hampiharina izao, aza, ny fitsarana. Ny maha-vahoakan'Andriamanitra ny Israely izany, dia tsy miorina afa-tsy amin'ny fahasoavana ihany. Ahoana àry no ampiasana ireo andinin-tSoratra masina ireo, hanohanana ny foto-pampianarana momba ny faniliana ? Ny Romana 9. 15 dia manorina mafy ny fitsipika fototra ny amin'ny fahasoavana. Ny olona rehetra dia mendrika hiharan'ny fitsarana, ka ny famindràm-pon'Andriamanitra irery ihany, sisa, no afaka manoro làlana hivoahana. Soa inona no ho azon'ny olona raha tsy hanota intsony (raha toa moa ka ho vitany izany !), manomboka anio ? Satria tsy maintsy hihatra aminy ihany ny fitsarana, noho ny fahotana vitany hatramin'izao.

Hamafisin'Andriamanitra ny fon'ny olona sasany !

Ny Romana 9. 17 dia fitanisana ny Eksodosy 9. 16. Nolazain'Andriamanitra tamin'i Farao fa hohamafisiny ny fony, mba hanehoany aminy ny heri-

Nanokana olona ho very ve Andriamanitra ?

ny. Mila mamaky ny voasoratra eo aloha, nefa, isika. Ao amin'ny Eksodosy 5. 2 dia hoy i Farao : “Iza moa Jehovah, no hekeko teny, handefasako ny Israely ?” Dia vao mainka nataony mafimafy kokoa ny fanompoana nataon'ny vahoaka Israely (5. 17). Na dia maro aza ny famantarana sy ny famaizana nalefan'Andriamanitra, dia tsy nety nankatò izany sitrapon'i Jehovah izany velive-ly izy. Tamin'izay vao nilaza Andriamanitra hoe : Izao dia hamafisiko ny fonao, mba hianjera aminao ny vesatry ny famaizako.

Marina fa efa nolazain'i Jehovah mialoha izany (Eksodosy 4. 21), satria fantany fa tsy hankatò ny teniny i Farao. Fantany mantsy ny toe-pon'i Farao (3. 19), ka tatỳ aorian'ny nitenenany imbetsaka tamin'i Farao sy ny nandefasany famantarana sy loza maro, sy taorian'ny nandavan'i Farao hatrany hatrany, tsy handefa ny vahoaka Israely, ary ambonin'izany, ny tsy nitanany ny teniny imbetsaka tsy tambo isaina, vao nohamafisan'i Jehovah ny fony (9. 12). Avy eo Andriamanitra vao nanambara taminy ny teny tanisaina ao amin'ny Romana 9. 17.

Tena marina fa manamafy ny fon'ny olona iray Andriamanitra, indraindray. Nataony tamin'i Farao izany, ary mbola ataony ihany koa, indraindray, ankehitriny. Aorian'ny hampakarany ny Fiangonana ihany koa, dia mbola hataony amin'ireo izay nandre ny Filazantsara, saingy tsy nety nandray azy (2 Tesaloniana 2. 11). Na izany aza, nefa, dia tsy manatanteraka izany Andriamanitra raha tsy efa nanome fotoana ahazoan'ny olona miova fo (Joba 33. 14-30). Izany dia mifanipaka tanteraka amin'ny foto-pampianarana momba ny fanilihana.

Afaka manao izay tiany hatao Andriamanitra

Ao amin'ny Romana 9. 19-21 dia somary amin'ny ankapobeny ihany ny filazana io lohahevitra io. Andriamanitra ve tsy manam-pahefana hanao izay tiany hatao amin'ny zavatra noariny ? Raha tiany hatao fanaka omem-boninahitra ny iray, ary ny iray hafa kosa fanaka halàm-baraka, tsy zony ve ny manao izany ? Ny zavaboary ve afaka manakiana ilay Mpahary azy ? Amin'ny maha-Mpahary Azy, Andriamanitra dia manana ny fahefana hanao izay tiany hatao amin'ny zavaboary. Azony atao ny mamindra fo amin'ny iray, ary manokana ny iray kosa ho amin'ny fahaverezana mandrakizay. Tsy nampiasa io fahefana faharoa io nefa lzy. Fahazavana sy fitiavana mantsy lzy, ka tsy manao zavatra mifanohitra amin'ny maha-lzy Azy.

Ny andininy faha-21 dia milaza tsara ny momba izany, izay somary mampahatsiahy ny Jeremia 19 ihany. Ao, mantsy, Andriamanitra dia mampiseho fa manana fahefana hanao izay tiany hatao amin'ny Israely. Ny mpanefy tanimanga dia mamboatra vilany amin'ny tanimanga, nefa raha toa tsy mety io vilany io, dia amboarany vilany iray hafa indray ny tanimanga.

Nanokana olona ho very ve Andriamanitra ?

“Dia tonga tamiko ny tenin'i Jehovah hoe : Moa tsy mahazo manao aminareo toy ny ataon'ity mpanefy tanimanga ity va Aho, ry taranak'i Israely ?” (Jeremia 18. 5-6).

Tamin'ny fomba ahoana nefa no nampiasan'Andriamanitra izany fahefany izany ? “Vetivety Aho dia milaza firenena sy fanjakana hongotako sy hazerako ary horavako ; nefa raha miala amin'ny ratsy izany firenena noteneniko izany, dia hanenenako kosa ny loza izay nokasaiko hamelezako azy. Ary vetivety kosa Aho dia milaza firenena sy fanjakana haoriko sy hamboleko ; nefa raha manao izay ratsy eo imasoko izy ka tsy mihaino ny feoko, dia hanenena-ko kosa ny soa izay nolazaiko hanasoavako azy” (Jeremia 18. 7-10).

Raha misy olona iray miala amin'ny ratsy, dia hanenina ny amin'ny fitsarana izay nokasainy Andriamanitra, ary hamindra fo aminy.

Toy izany no ampiasan'Andriamanitra ny fahefana tsy azo refesina izay eo am-pelatàny, amin'ny maha-Tsitoha Azy.

Ny fanaky ny fahatezerana voavoatra hosimbana

Izany no ampianarin'ny andininy faha-22 sy faha-23 amin'ny Romana 9, na dia ampiasaina matetika aza ireo andininy ireo mba hanohanana ny foto-pampianarana mikasika ny fanilihana. Raha ny marina, ireo dia porofo tsy azo hozongozonina manohitra izany fampianarana izany.

Ny andininy faha-22 dia miresaka momba ny “fanaky ny fahatezerana voavoatra hosimbana”. Iza no nanomana azy ? Tsy voalaza eto ny amin'izay. Araka ny hita, nefa, dia mazava fa tsy Andriamanitra, tsy akory, no nanomana izany. Isika ve afaka milaza fa nandefitra dia nandefitra tamin'izy ireny Andriamanitra, raha toa ka lzy ihany no nanomana azy hosimbana ? Mariho koa, eto, ny maha-samy hafa izany amin'ny voalazan'ny andininy faha-23, izay milaza mazava fa Andriamanitra dia nanomana mialoha ny fanaky ny famindràm-po. Mazava, araka izany, fa ny fanaky ny fahatezerana ihany no nanomana ny tenany hosimbana. Fa hoy ny voalaza : “Ny ditranao sy ny fonao tsy mibebaka no iraketanao fahatezerana ho anao amin'ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra” (Romana 2. 5).

Ny tenin'Andriamanitra dia tsy milaza ny fisian'ny fanendrena mialoha ho amin'ny fahaverezana

Tsy misy, na dia porofo kely akory aza, ao amin'ny Soratra Masina, milaza fa Andriamanitra dia nanendry mialoha ny olona sasantsasany ho very mandrakizay. Izany dia mifanohitra tanteraka amin'ny fanambaràna izay nataon' Andriamanitra momba ny Tenany, ao amin'ny Baiboly.

Nanokana olona ho very ve Andriamanitra ?

Ilay “Andriamanitra Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovanjena”, dia nanolotra an’i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana ho avotra “hisolo ny maro”, mba hahatonga ny olona *rehetra* ho voavonjy ; koa lzy ve dia nanendry ny sasany amin’izy ireo tsy hanana anjara amin’izany famonjena izany, fa ho very mandrakizay ? Ndeha hotsahivina fotsiny izay voalaza ao amin’ny Soratra Masina, toy ny ao amin’ny Jaona 3. 16, ny Romana 3. 22, ny 1 Jaona 2. 2, sy ny maro hafa tsy voatanisa.

Tsia, fa hisaorana anie Andriamanitra, satria misy tokoa ny fifidianana mpanota mahantra ho amin’ny voninahitra. Fa ny Tenin’Andriamanitra dia tsy milaza velively ny fifidianana ho amin’ny fahaverezana. Ny mifanohitra amin’izany aza no lazainy, araka ny voasoratra hoe : “Izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin’ny ranon’aina” (Apokalypsy 22. 17), sy hoe : “Andriamanitra Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovanjena ka ho tonga amin’ny fahalàlana ny marina” (1 Timoty 2. 4).

Ary raha tsy haintsika ny mampifandray ireo zavatra roa loha ireo, izany hoe : ny fifidianana antokon’olona sy ny fitaomana ny olona *rehetra*, dia aoka hotsaroantsika fa ny fihevitr’Andriamanitra dia ambony lavitra noho ny fihevitsika (Isaia 55. 9). Koa olona iza no afaka milaza fa mahatakatra amin’ny sainy na koa mitsara ny fahendrena sy ny làlan’Andriamanitra ? Ny finoana dia mandray izay efa nolazain’i Abrahamana hoe : “Tsy hitsara marina va ny Mpitsara ny tany rehetra ?” (Genesisy 18. 25).

Mirary soa ho anareo.

Ilay rahalahinareo ao amin’ny Tompo.

H. L. H.

Ny fifidianana

NY FIFIDIANANA

(Tohin’ny taratasy teo aloha)

Mipetraka indray àry, izao, ny fanontaniana hoe : Ahoana moa no aha-fantarako fa voafidy aho ?

Aoka homarihintsika, aloha, fa ny tenin’Andriamanitra dia tsy miresaka velively fifidianana amin’ireo tsy mino. Ny Soratra Masina dia maneho amin’ny tsy mino ny toeram-pahaverezana misy azy ireo sy ny fitsaràn’Andriamanitra, nefa koa ny antson’Andriamanitra ho amin’ny fibebahana, ka mametraka eo anatrehan’izy ireo an’i Jesoa Tompo sy ny asany, mba hinoany.

Rehefa miova fo izy ireo, ka mino an’i Jesoa Tompo, dia lazaina hoe voafidy. Ahoana moa no mety hahafantarany izany ? Ny 1 Tesaloniana 1. 4-6 no manome antsika ny valiny. Hoy i Paoly apostoly ao : “Fantatray, ry rahalahy malalan’Andriamanitra, ny fifidianana anareo.” Dia hazavainy eo ny antony, hoe : “Fa ny filazantsaranay tsy tonga teo aminareo tamin’ny teny ihany, fa tamin’ny hery koa sy ny Fanahy Masina ary ny fatokiana be, araka ny ahafantarareo izay toetran’ny fitondrantenanay teo aminareo, noho ny aminareo. Ary ianareo efa nanahaka anay sy ny Tompo, satria nandray ny teny tamin’ny fahoriana be mbamin’ny hafaliana avy amin’ny Fanahy Masina”. Nandray ny Tenin’Andriamanitra izy ireo, ary izay no porofo. Izay rehetra manaiky ka mandray ny Filazantsara, mantsy, ka vita fihavanana amin’Andriamanitra amin’ny alalan’izany, dia manana ny porofo fa voafidy.

Inona no ambaran’ny Soratra Masina, momba ny fifidianana ?

Na dia maro aza ny andinin-tSoratra Masina milaza ny fifidianana (ohatra : 1 Petera 1. 2 ; 2 Timoty 1. 9 ; Titosy 1. 2 ; sy ny hafa), dia ny Romana 8. 28-30 sy ny Efesiana 1. 3-14 no tena manambara ny foto-pampianarana momba azy.

Hoy ny teny ao amin’ny Romana 8. 29-30 : “Satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin’ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin’ny rahalahy maro lzy. Ary izay notendreny no nantsoiny koa ; ary izay nantsoiny no nohamarininy koa ; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa.”

Ny zavatra voalohany, izany, dia izao : misy olona fantatr’Andriamanitra mialoha. Tsy voalaza Andriamanitra, eto, hoe mahafantatra ny toetran’ny sy ny fomba fiainany, na koa ny mety hibebahany na tsia, fa izao ihany : fantany ny *olona tsirairay* avy. Ny Efesiana 1. 4 dia milaza amintsika fa “taloha”-n’ny fanorenana izao tontolo izao, izany hoe hatrizay hatrizay, no efa nahafantaràn’ Andriamanitra ny olona tsirairay avy.

Ny fifidianana

Ireo olona rehetra ireo, fa tsy misy latsaka na dia iray aza, dia *notendreny* mba hitovy endrika amin'ny Zanany. Izany àry no atao hoe fifidianana. Raha mbola tsy teraka akory isika, raha mbola tsy noarina akory i Adama ; eny, raha mbola tsy ary akory ny lanitra sy ny tany, araka ny lazain'ny Genesisy 1. 1, dia efa nihevitra antsika Andriamanitra, ka nanapa-kevitra fa hataony mitovy endrika amin'ny Zanany isika. Lazain'ny tenin'Andriamanitra, moa, fa i Kristy no “endrik'Andriamanitra tsy hita” (Kolosiana 1. 15). Ary eto dia ambara fa hatao mitovy endrika aminy isika. Izy no Lahimatoa amin'ny rahalahy maro. Na dia mitana ny toerana voalohany aza nefa lzy, dia hatao mitovy aminy isika.

Tsy amin'ny maha-Zanaka mandrakizay Azy, mazava loatra, no ahitantsika ny Tompo, eto. Amin'izany, mantsy, dia Andriamanitra mandrakizay lzy, ary lzy ireery ihany no izany. Eto kosa, dia amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, teraka tetỳ an-tany, ka nahatanteraka ny asam-panavotana teo amin'ny hazofijaliana, ary ahatanterahan'ny fikasàn'Andriamanitra rehetra, no ilazana Azy (Kolosiana 1. 19-21 ; Efesiana 1. 10, 20-23).

Eto dia ny loharanon'ny fitahiana antsika no ampifandraisina amin'ny vokatra farany —dia ny mandrakizay talohan'ny naharina ny lanitra sy ny tany, sy ny mandrakizay aorian'ny hahalevonan'ny lanitra sy ny tany. Ary ny fikasàn'ny fon'Andriamanitra, kosa, ampifandraisina amin'ny fahatanterahany tonga lafatra, araka izay ilazana azy ao amin'ny 1 Jaona 3. 2 hoe : “Fantatsika fa raha hiseho lzy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika lzy, dia izay tena endriny tokoa.” Isika dia haseho amin'ny maha-zanaky ny fitsanganana amin'ny maty antsika (Lioka 20. 36), sy amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, rehefa hovàny “ny tenan'ny fietrentenantsika, ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny voninahiny” (Filipiana 3. 21).

Nantsoina sy nohamarinina ary nomena voninahitra

Ao amin'ny Romana 8. 30 isika dia mahita ny fifandraisan'ny fikasàn'Andriamanitra sy ny fotoan'andro ankehitriny. Fony vao teraka isika, dia efa nitodi-damosina tamin'Andriamanitra, satria efa mpanota sahady. Niantso antsika nefa Andriamanitra. Tsy antso faobe mandidy ny olona rehetra hibebaka no ambara eto, fa, araka ny voalaza, dia ny asam-paharian'Andriamanitra, “Izay (...) miantso ny tsy nisy toy ny misy” (Romana 4. 17). Izay nantsoiny àry dia nohamarininy.

Ny zavatra rehetra, eto, dia hita avokoa araka ny fijerin'Andriamanitra sy araka ny fikasàny. Fony voasoratra ny epistily ho an'ny Romana, dia mbola tsy voantso tanteraka avokoa, tsy akory, ny olona nofidina rehetra.

Ny zava-misy, dia olona vitsy kely monja no voafidy, satria ny resahina, eto, dia ny fifidianana talohan'ny fanorenana izao tontolo izao, ary amin'ny Fiangonana ihany no iresahana izany. Ny Israely sy ny mino aorian'ny fampara-

Ny fifidianana

karana ny Fiangonana, dia samy voafidy hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao (Apokalypsy 13. 8 ; 17. 8 ; Matio 25. 34).

Mbola tsy voantso avokoa ny olona rehetra, ankehitriny. Aloha kelin'ny fampakarana ny Fiangonana vao ho tanteraka izany, satria izay vao ho feno izy ireo. Ao amin'ny fikasàn'Andriamanitra, nefa, dia efa voatendry mazava izany. Ary izany no mahatonga ny teny faminiana hilaza izany zavatra izany toy ny efa tanteraka sahady. Na dia ny fanafiana voninahitra, aza, dia aseho ho tahaka ny efa tanteraka, na dia ambaran'ny Romana 5. 2 ho fanantenana aza ny voninahitr'Andriamanitra, ka lazaina ao amin'ny Romana 8. 11 fa mbola hovelomina ity tenantsika mety maty ity. Fa efa mitoetra tsara avokoa ny zavatra rehetra. Izay rehetra ilaina mba hanomezana antsika ny anjara toerantsika, noho ny fifidianana ataon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ho tanteraka amin'ny alalany avokoa, fa tsy misy na inona na inona ataontsika. Izany no antoka ho antsika.

Andriamanitsika sady Raintsika

Ny Efesiana 1 dia mamelabelatra bebe kokoa ny amin'izany. Ao amin'ny andininy faha-3, Andriamanitra dia antsoina hoe “Andriamanitra, Rain'i Jesoa Kristy Tompontsika”. Amin'ny maha-olona Azy, i Jesoa dia manao hoe “Andriamanitra” (ohatra, ao amin'ny Matio 27. 46). Amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, dia Andriamanitra no Rainy (Jaona 17. 1 ; 5. 17-18 ; sy ny hafa). Taorian'ny nitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty, dia nakambany tao anatin' izany endri-pifandraisana amin'Andriamanitra izany ny mpianany, ka hoy lzy : “Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'Andriamanitra sy Andriamanitrareo” (Jaona 20. 17). Marina fa nisy, ary misy fahasamihafana, satria lzy tsy manao hoe “Raintsika” sy “Andriamanitsika”. Izy dia mitoetra hatrany ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro. Na izany aza, nefa, Andriamanitra dia tonga Andriamanitsika sy Raintsika ao amin'i Jesoa Tompo.

Ao amin'ny Efesiana 1. 4-5 dia mitovy amin'izany ny toerana natolotra antsika, noho ny fifidianana. Ao amin'ny andininy faha-4 dia hitantsika ny toerana misy antsika eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny maha-Andriamanitra Azy ; ary ao amin'ny andininy faha-5 kosa, ny toerana misy antsika eo anatrehan'ny maha-Ray Azy. Voafidy tao amin'i Kristy isika, mba hanana izany toerana izany ao anatin'ny fahatanterahana. Efa ananan'i Kristy rahateo izany, noho ny voninahiny manokana sy noho ireo zony manokana. Isika kosa dia mandray izany ao aminy.

Masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehan'ny amin'ny fitiavana

Ny fifidianana

Ny andininy faha-4 sy faha-5 ao amin'ny Efesiana 1 dia manao hoe : “Araka ny nifidianany (Andriamanitra) antsika tao aminy (tao amin'i Jesoa), fony mbola tsy ary ny fanorenan'izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika, rehefa notendreny rahateo amin'ny fitiavana.”

Eto, dia apetraka eo anatrehantsika ny toetra maha-Andriamanitra an'Andriamanitra. Andriamanitra dia masina, amin'ny maha-lzy Azy, tsy manan-tsiny raha eo amin'ny asany, ary fitiavana no maha-lzy Azy (1 Jaona 1. 5 sy 4. 8, 16). Koa raha tiany ho eo anatrehany isika, dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny maha-lzy Azy. Ahoana moa no ahazoan'izay olombelona maloton'ny fahotana, mijoro eo anatrehan'Andriamanitra, dia llay Masina indrindra, tsy mahazaka ny ota ka hanipy izay rehetra mamofona fahotana any amin'ny farihy afo, indray andro any ? Nifidy antsika lzy, mba hanahafantsika ny toetra maha-lzy Azy. Tsy izany ihany, nefa, fa isika dia mila sy afaka mizara izay ao anatin'ny fony sy izay ao an-tsain'llay Andriamanitra Fitiavana. Izany no ilazana hoe “eo anatrehany *amin'ny fitiavana*”.

Araka izany, rehefa tonga eo anilany isika, dia ho “masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany amin'ny fitiavana”. Izay rehetra mbola mampitamberina ny fahotana ao amintsika dia hesorina avokoa ; ireo fahalemena sy ny tsiny ary ny fahotana rahateo dia halàna. Tsy ao anatintsika intsony ilay atao hoe nofo. Efa tahaka izany sahady, nefa, no ahitan'Andriamanitra antsika. Tsy hitany afa-tsy ao anatin'ny fiainantsika vaovao isika, dia izay nomen'i Jesoa Tompo antsika. “Voaforona tao amin'i Kristy Jesoa mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo, mba handehanantsika eo aminy” (Efesiana 2. 10). “Fa ny fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hamasinina” (Hebreo 10. 14). “Fa tahaka Azy isika, eo amin'izao tontolo izao” (1 Jaona 4. 17). Fahasoavana lehibe ho antsika mpanota mahantra izany !

Mba ho Azy amin'ny fananganana anaka isika

Tsy izany ihany nefa. Afaka ho nahazo izany zavatra voatanisa rehetra izany isika, nefa dia mpanompo ihany, eo imason'Andriamanitra. Ny anjely koa, mantsy, dia tokony hifanaraka amin'ny voninahitra sy ny fahamasinan'Andriamanitra. Saingy “notendreny rahateo amin'ny fitiavana isika, mba ho Azy amin'ny fananganana anaka amin'ny alalan'i Jesoa Kristy” (Efesiana 1. 5). Araka izay voalaza eto, dia manana fifandraisana mazava amin'Andriamanitra isika, dia fifandraisan'ny ray amin'ny zanany, ary fifandraisan'ny zanaka amin'ny rainy. Noho ny asa fanavotana nataon'llay Zanak'Andriamanitra teo amin'ny hazofijaliana, dia nataony mitovy toerana aminy isika, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, ka tonga zanak'Andriamanitra. Eto, araka ny Efesiana 1, dia hitantsika fa Andriamanitra no efa nanendry antsika ho amin'izany, talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Efa tamin'izany no nanapahan'Andriamanitra fa izany no toerana tokony hisy antsika. Inona nefa no antony nanaovany an'

Ny fifidianana

izany ? Satria izany no “ankasitrahin'ny fony”. Ny fitiavany irery ihany no loharanon'izany fitahiana rehetra izany.

Ny kristianisma dia manana toetra mandrakizay

Misy fehin-kevitra lehibe kokoa, nefa, azontsika tsoahina amin'ireo andinin-tSoratra Masina ireo, dia ny hoe : Nofidiny tao amin'i Kristy isika, « fony mbola tsy ary ny fanorenan'izao tontolo izao ». Izany fifidianana izany dia ivelan'ny fotoana, ary efa natao talohan'ny niantombohan'ny fotoana aza, ka haharitra mandrakizay, fa tsy natao ho an'ny eto an-tany. Ny andininy faha-3, avy eo, dia miresaka momba ny *fitahiam-panahy any an-danitra*. Israely no vahoaka voafidy ho an'ny teto an-tany (Eksodosy 19. 5 ; Levitikosy 25. 2, 23 ; Deuteronomia 7. 6). Ao amin'ny Matio 25. 34 sy ny manaraka, kosa, dia voalaza koa ho an'ny ondry hoe : “... mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao.” Fitahiana ety an-tany izany (fanjakana), ary mifamatotra amin'ny fotoana (hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao).

Mampiseho ny toerana manokana omena antsika izany. Isika dia ao anatina vondrona iray (dia ny kristianisma), ary anisan'ny tena iray (dia ny Fiangonana), izay samy ivelan'ny fotoana avokoa. Ny fiandohan'ireo dia talohan'ny nanorenana izao tontolo izao, fony Andriamanitra nanorina azy ireo tao amin'i Kristy. Tsy an'izao tontolo izao ireo (Jaona 17. 14 sy ny manaraka), ary haharitra aorian'ny fahalevonan'izao tontolo izao. Sady ara-panahy ny toetran'ny, no mandrakizay koa. Manazava tsara amintsika ny toetran'ny kristianisma izany.

Noho izany, ny Efesiana 1. 3-5 dia tsy miresaka ny amin'ny andraikitra sy ny vokany. Izany mantsy dia nanomboka tamin'ny naharina an'i Adama sy ny nametrahana azy tao amin'ny saha Edena, ary hifarana aorian'ny fitsarana eo anatrehan'ilay seza fiandrianana fotsy lehibe (Apokalypsy 20).

Tao amin'ny saha Edena dia nisy hazo roa karazana : ny hazo fahalàlana ny tsara sy ny ratsy, izay manambara ny amin'ny andraikitra, araka ny voalaza hoe : “fa amin'ny andro izay ihinananao azy, dia ho faty tokoa ianao” (Genesisy 2. 17), ary ny hazon'aina, izay manambara ny amin'ny fiainana. Nihinana tamin'ilay hazo voalohany i Adama, ka dia tsy afaka nihinana tamin'ilay faharoa intsony, satria efa nandray ny sazy vokatry'izany, dia ny fahafatesana.

Eo amin'ny hazofijaliana dia ahitantsika ireo hazo roa ireo tafakambana. Ny Tompo Jesoa dia nitondra ireo vokatry ny andraikitra, ho an'izay mino Azy ; ary noho ny nitsanganany tamin'ny maty, kosa, dia nomeny azy ireo ny fiainana. Izy no ilay hazon'aina.

Izay rehetra momba ny andraikitra, nefa, dia miankina amin'ny fotoana, ary eto an-tany ihany, ka tsy tafiditra ao amin'ny fikasan'Andriamanitra momba ny mandrakizay. Nilaina nefa izany, ka izany no nampisy ny fifidianana

Ny fifidianana

“tao aminy”, dia tao amin’i Kristy izany. Koa ny teny sy ny fikasàn’Andriamanitra rehetra dia naseho avokoa taorian’ny hazofijaliana, nony tonga lohan’ny zavaboary vaovao, izany hoe ny ankehonana’Andriamanitra, Ilay Adama farany. Mahavariana ny mandinika ny halalin’ny fisainan’Andriamanitra sy ny fahendreny ! Ary isika ihany koa dia afaka mahatsiaro fa anisan’izay tao anatin’ireo fikasana ireo.

*Mirary soa sy manao mandra-pihaona.
Ilay rahalahinareo voafehin’ny fitiavan’Andriamanitra.
H. L. H.*

Kristy, mpisoronabentsika

KRISTY, MPISORONABENTSIKA

Ry sakaiza malala isany,

Rehefa mahafantatra izay zavatra ananan’ny mpino ny olona iray, izany hoe :

- voavela ny helony, ary vita fihavanana amin’Andriamanitra izy,
- noho ny fahateraham-baovao, dia efa nandray fiainam-baovao izy, toetra vaovao, dia fiainan’Andriamanitra izay tsy mahay manota,
- Andriamanitra efa nanameloka sy nanaisotra izany toetra mpanota izany teo amin’ny hazofijaliana, ka noho izany dia ao amin’ny fiainam-baovao ihany, sisa, no ijeren’Andriamanitra ny mpino ; ary dia tsy misy fanamelohana intsony, ho an’izay ao amin’i Kristy Jesoa,
- ny Fanahy Masina no monina ao anatiny, noho izany izy dia afaka tamin’ny herin’i Satàna sy izao tontolo izao ary ny ota, ka afaka manompo an’Andriamanitra,
- tonga ankasitrahina ao amin’Ilay Malala izy, ka dia afaka mifaly sahady amin’ny fanantenana ny voninahitr’Andriamanitra, satria *mahala* fa efa vonona ho azy izany,

dia afaka mihevitra fa tsy misy na inona na inona ilainy intsony, ambonin’ izany.

Eny, raha ny mikasika ny mandrakizay sy ny lanitra, dia azo antoka izany. Saingy ambonin’izany, dia mbola manana zavatra ilaina ihany ny kristiana, eto an-tany. Satria izy zanak’Andriamanitra sy mponin’ny lanitra (Filipiana 3. 20), dia vahiny ety ambonin’ny tany. Ary satria koa izy mizotra mankany an-danitra, dia mpivahiny ihany. Ambonin’izany, efa nafahana tamin’ny herin’ny devoly izy, ka te hanompo an’Andriamanitra, satria izany no fanirian’ny fony. Amin’ izany, nefa, dia mifanohitra tanteraka amin’ny devoly sy ny tsy mino ny toerana misy azy. Ny asan’ny devoly, raha tsorina, dia ny tsy famelana ny olona hankatò an’Andriamanitra. Noho izany, dia hasehony avokoa ny heriny sy ny hafetseny rehetra, mba hitaomana ny mpino tsy hankatò an’Andriamanitra, ka hanota. Eo amin’ny olona tsy mino, moa, dia tsy manana olana izy, ny amin’ izany. Tsy te hankatò an’Andriamanitra rahateo, mantsy, ireny. Te hanota ny fony, ary rehefa manota izy ireo, dia afa-po (Genesisy 6. 5 ; Marka 7. 20-23 ; Romana 3. 10-12).

Izany no fototra manetsika izao tontolo izao sy iarahan’ny olombelona miaina. Mba tsy hiankinany amin’Andriamanitra, sy mba hahazoany manao izay sitraky ny eritreriny, dia nivondrona izy (Genesisy 9. 1 sy 11. 4-9). Saingy satria tsy afaka ny hahaleo tena ny olombelona, dia naka ny devoly ho mpan-

Kristy, mpisoronabentsika

jakany ; ary rehefa nandà Ilay Zanak'Andriamanitra izy, dia nanao ny devoly ho andriamaniny (Jaona 12. 31 ; 2 Korintiana 4. 4).

Ny hetahetan'ny kristiana, izany, dia mifanohitra tanteraka amin'ny an'izao tontolo izao. Noho izany, ny kristiana dia mampihomehy sy manafintohina ny tsy mino, ary hâlany. Ao amin'ny Jaona 7. 7, ny Tompo Jesoa dia manao amin' ny olona tsy mino hoe : “Tsy mahazo mankahala anareo izao tontolo izao ; fa Izaho no hâlany, satria milaza fa ratsy ny asany.” Ny mino, kosa, dia lazainy, ao amin'ny Jaona 17. 14 hoe : “Halan'izao tontolo izao izy, satria tsy naman' izao tontolo izao, tahaka Ahy, tsy naman'izao tontolo izao”. Ary ao amin'ny Jaona 16. 33 dia hoy Izy amin'ny mpianatra : “Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana”.

Ny hany eken'izao tontolo izao, dia ny kristiana tsy mitondra tena araka ny maha-kristiana azy, fa tia ny zavatra tiany, ka mbola mipetraka eo ambany fanandevozan'i Satàna. Fivadihana amin'Andriamanitra nefa izany. Ankehitriny, ny kristiana tahaka izany dia hantsoina hoe “mpamadika” (izany hoe olona miara-miasa amin'ny fahavalo).

Eto no manomboka ny adin'ny kristiana. Taomin' i Satàna mandrakariva izy ireo mba hanota. Bitsihiny hevitra maloto sy feno ota. Anehoany zavatra maha-meloka. Ampandrenesiny teny tsy mendrika, ary taominy ho any amina toerana ratsy. Ambonin'izany, dia atosiny izao tontolo izao haneho ny fanoherany azy. Izany rehetra izany dia mampitondra fahoriana ilay olona vaovao. Ilay toetra taloha (izany hoe ilay toetra tsy maniry afa-tsy ny hanota, ka ahitan'i Satàna fomba maro ifandraisana) dia mbola ao anatin'ny mino ihany. Ary dia loza, fa mety handresy ny kristiana i Satàna, ka hitaona azy hanota.

Saingy soa ihany, fa eo koa, ny fitiavan'Andriamanitra dia efa nanomana ny zavatra rehetra.

Kristy, mpisoronabentsika

Izany dia aseho antsika ao amin'ny epistily ho an'ny Hebreo. Lazaina, ao, fa mpivahiny sy vahiny ny kristiana. Mizotra mankany amin'ny voninahitra izy (11. 40), satria mandray “fiantsoana avy any an-danitra” (3. 1). Saingy ankehitriny izy dia mbola aty an-taniefitra, izay misy zava-tsarotra sy loza maro. Noho izany, dia aseho antsika Ilay mpisorona. I Jesoa Tompo, Izay any an-danitra, no mpisoronabe mifona ho antsika eo anatrehan'Andriamanitra noho ny amin' ireo zava-tsarotra sy loza atrehintsika.

Heverin'ny maro fa ny fisoronana ataon'ny Tompo Jesoa dia misy ifandraisana amin'ireo fahotantsika, saingy amin'ny ankapobeny dia tsy tena marina loatra izany. Ekena fa ny niantombohan'ny asa maha-mpisoronabe Azy, dia noho ny fahotantsika. Ny Hebreo 2. 17 dia milaza hoe : “Mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin'Andriamanitra (Izy), mba

Kristy, mpisoronabentsika

hanaovany fanavotana noho ny heloky ny olona”. Ny Hebreo 10. 12 ihany koa, nefa, milaza amintsika hoe : “Izy kosa, rehefa nanao fanatitra iray monja ho mandrakizay noho ny ota, dia efa mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra.” Ary ao amin'ny andininy faha-14 dia ahitantsika hoe : “Fa ny *fanatitra iray ihany* no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hamasinina.”

Ny epistily ho an'ny Hebreo dia mijery ny fifandraisan'ny mpino amin'Andriamanitra, amin'ny maha-zavaboary azy. Efa notanterahin'i Jesoa Tompo teo amin'ny hazofijaliana ny asam-panavotana, ary izany dia nankasitrahin'Andriamanitra tanteraka, ka dia voaravona mandrakizay ny amin'ny resaka fahotana. “Nahazo fanavotana mandrakizay” Izy (9. 12). Ny mpino dia efa natao tanteraka ho mandrakizay (10. 14). Naseho i Kristy “mba hanafaka ny ota, tamin'ny nanaterany ny tenany” (9. 26).

Tsy resahina intsony ny fahotana eo amin'Andriamanitra sy ny mpino. Noho izany, dia tsy resahina intsony koa izany, ato amin'ny epistily ho an'ny Hebreo. Ireo fahotana izay mbola ataon'ny mpino taorian'ny niovany fo, dia tsy jerena intsony eo amin'ny fifandraisan'Andriamanitra amin'ny olona noariny, fa eo amin'ny fifandraisan'ny Ray amin'ny zanany. Izany no hitantsika ao amin'ny epistily voalohany nosoratan'i Jaona.

Mpisorona any an-danitra

Na dia teto an-tany aza, aloha, tamin'ny voalohany, no toerana nana-tanterahan'i Jesoa Tompo ny maha-Mpisoronabe Azy, ary izany fisoronany izany dia marina fa misy ifandraisany amin'ny fahotana, dia efa tsy izany intsony izy, ankehitriny.

Rehefa nahatanteraka ny asam-panavotana ny Tompo Jesoa dia efa “mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra”, any *an-danitra*. “Mpisoronabe tahaka izao no mendrika ho antsika, dia ... natao avo noho ny lanitra” (7. 26). “Koa raha ety ambonin'ny tany, dia tsy mba ho mpisorona akory Izy” (8. 4).

Isika, izany, dia manana Mpisorona any an-danitra, Izay efa nanefa ny trosam-pahotantsika rehetra, ary ankehitriny Izy dia “velona mandrakizay hanao fifonana” ho antsika (7. 25).

Iza moa io Mpisorona io ? Ny Hebreo 1 dia milaza fa Ilay Zanak'Andriamanitra izany. Noho izany, dia afaka mifona mandrakariva ho antsika eo anatrehan'Andriamanitra Izy. Iza moa no ho afaka manao izany, afa-tsy Andriamanitra ihany ? Saingy mba hahazoany mifona ho an'ny olombelona, dia tsy maintsy tonga olombelona Izy. Ny Hebreo 2 dia milaza amintsika fa tena tonga olombelona tokoa Izy. Izy no Zanak'olona. Olona Izy, ary olona noho i Adama, aza, satria “nateraky ny vehivavy” (Galatiana 4. 4).

Kristy, mpisoronabentsika

Zavatra mahatalanjona izany ! Andriamanitra tonga nofo ! “Ary ny Teny dia tonga nofo” (Jaona 1. 14). Ilay Nahary ny lanitra sy ny tany, Ilay Nahary ny olombelona, dia tonga olombelona.

Ny Hebreo 2 dia manome antsika antony roa nahatongavan'i Jesoa Tompo ho nofo. Ny andininy faha-14 ka hatramin'ny faha-17 dia milaza fa tonga olona lzy mba hanatanteraka ny asam-panavotana noho ny fahotantsika, ary hanafaka antsika amin'ny fahefan'ny devoly sy ny fahafatesana. “Mpisoro-nabe mamindra fo sy mahatoky” mantsy lzy (and. 17). Tsy manambara zavatra bebe kokoa amin'ny fantsika ve izany ?

Ny Tompo Jesoa dia nahafantatra izay ho toetrantsika. Fantany ireo loza sy zava-manahirana hodiavintsika. Izany no nahatongavany ho olona, ary niaina ireo zavatra rehetra iainantsika lzy, mba hianatra hahafantatra, sady hanandrana, ireo zava-tsarotra rehetra, ny fahoriana rehetra, ireo fakàm-panahy rehetra, mba hahazoany manampy antsika hiatrika ireo zavatra ireo, satria efa fantany.

Nianatra fanarahana lzy

Fantany ny atao hoe mankatò an'Andriamanitra, ho antsika, izay miaina eo anivona tontolo ratsy fanahy. Moa ve tsy nianatra fanarahana lzy (Hebreo 5. 8) ? Tsy tokony ho nankatò lzy, satria lzy no llay Andriamanitra Avo Indrindra. Saingy tonga olombelona sy niaina tetỳ an-tany lzy, ka nianatra nankatò. “Ampandrenesiny isa-maraina isa-maraina, eny, ampandrenesiny ny sofiko hihaino tahaka ny efa mahay. Jehovah Tompo nanokatra ny sofiko, ary lzyho tsy naditra na nihemotra”, hoy lzy ao amin'ny Isaia 50. 4-5. Tsapany koa, nefa, ny dikan'izany, ao anatin'ity izao tontolo izao mpankahala an'Andriamanitra ity. “Ny lamosiko atolotro amin'ireo mpikapoka ahy, ary ny takolako amin'ireo mpanongo-bolombava ; ny tavako tsy nafeniko ho difin'ny fanevatevana sy ny fandrora natao tamiko” (and. 6 DIEM). Nokapohina lzy, raha nilaza ny marina (Jaona 18. 23). Nanao ahoana moa ny nandraisany ny filazan'ny olona Azy, llay Andriamanitra masina, hoe : “Tsy marina va ny filazanay fa Samaritana lnao, sady manana demonia ?” (Jaona 8. 48-52) ! Tsapany ihany koa, nefa, ny herin' Andriamanitra, izay tsy miova fa azony itokisana, ka nanaovany hoe : “Jehovah Tompo no hamonjy Ahy, ka tsy resinkenatra Aho ; ary efa nohamafisiko tahaka ny afovato ny tavako, ka fantatro fa tsy ho menatra Aho. Efa akaiky lzy manamarina Ahy” (Isaia 50. 7-8).

Mila mianatra mankatò isika, satria zavaboary zatra tsy mpankatò sady mpanota. Tsapan'ny Tompo tsara izany ezaka tokony hataontsika izany. Raha noho ny fankatoavantsika no anarabian'ny olona sy anesoany antsika, ka mety hamoizantsika zavatra maro na hanimba ny asantsika, ary amin'ny ankapobeny, amin'izay zavatra diavintsika rehetra etỳ an-tany, dia afaka miombom-po tanteraka amintsika lzy, ary tonga manampy antsika (Hebreo 2.

Kristy, mpisoronabentsika

18) sy mivavaka ho antsika “mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana, ho famonjena amin'izay andro mahory” (Hebreo 4. 16).

Ny fankatoavana an'Andriamanitra dia midika fa mila mihataka amin'izay olona na zavatra mamin'ny fantsika isika. Eny, mety tsy ho ratsy ho azy, tsy akory, ireo, sady samy noraisintsika avy amin'Andriamanitra avokoa. Indraindray tokoa lzy dia manaisotra amintsika izay mamin'ny fantsika indrindra eto an-tany. Fantatr'i Jesoa Tompo izany, satria efa niainany. Takiany amintsika, angamba, ny miala amin'ny sakaiza tiana, ho fankatoavana Azy, satria mety tsy ho afa-miara-dàlana amintsika ireny. Mety mila mandao ny asa aman-draharahantsika koa angamba isika ; eny, fa na dia ny asa arapanahy nirintsika hatao ho an'ny Tompo sy efa nankininy tamintsika izao, aza, dia mety hasainy ilaozantsika. Afaka matoky isika fa mahafantatra ny zavatra rehetra ny Tompo. Nanaiky hietry lzy, dia nankatò hatramin'ny fahafatesana, dia llay fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana (Filipiana 2. 8). Niady mafy lzy tao Getsemane, ary nitaraina hoe : “Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity” (Lioka 22. 42). Tsy tokony ho nihemotra teo anoloan'izany làlan'ny fankatoavana an' Andriamanitra izany ve ny fanahiny masina ? Làlana sarotra dia sarotra tokoa ny nizoran'Illy Masina, lzy “nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany, teo ambonin'ny hazo” (1 Petera 2. 24), ka “natao ota hamonjy antsika” (2 Korintiana 5. 21) ; ary nandao Azy teo Andriamanitra, ary nampihatra taminy ny fanamelohana sahaza antsika (Matio 27. 46 ; Zakaria 13. 7 ; Romana 8. 3) ! Eny, nizotra tamin'ny làlan'ny fankatoavana tanteraka lzy, ary tsy hisy zanak'Andriamanitra, na iza na iza, handia izany làlana izany : tsy hahavita tahaka izany velively isika. Noho izany, dia tsy hisy koa sorona ataontsika ho fankatoavana, ka tsy hahafantaran'Illy Mpisoronabentsika izay ao am-pontsika, na tsy hahazoany ny adintsika. Saingy satria nahatanteraka hatramin'ny farany izany làlan'ny fankatoavana izany lzy, ka afaka nanao hoe : “Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao” (Lioka 22. 42), dia fantany koa, satria efa niainany, ny fandraisan'ny fo an'Andriamanitra, raha mandalo izany, ary ny fanampiana omen'Andriamanitra. Hoy ny voasoratra : “Ary nisy anjely avy tany an-danitra, niseho teo aminy ka nampahery Azy” (Lioka 22. 43). Izany no anampiany antsika, mba “hahitantsika fahasoavana, ho famonjena amin'izay andro mahory” (Hebreo 4. 16).

Ireo fakàm-panahy ataon'ny devoly

Rehefa tonga maka fanahy antsika i Satàna, dia ory ny fantsika. Manao ahoana ny fahorian'ilay olona vaovao ao anatintsika, rehefa tonga ny devoly, manisika saina tsy madio ao amintsika, na mitaona ny fantsika tsy hankatò, na mampitombo tsy mitsahatra ireo fanafihany, na mampivily ny saintsika rehefa mamaky ny Tenin'Andriamanitra isika, na koa mampitsiry

Kristy, mpisoronabentsika

hevitra ratsy ao anatin'ny fontsika rehefa mivavaka isika, sy amin'ny fotoana tokony hanandratantsika fanahy mandritra ny fivoriana.

I Jesoa Tompo dia nalain'i Satàna fanahy, ary mbola tsy nisy olona nandalo ny toy izany. Nalaim-panahy nandritra ny efapolo andro lzy (Lioka 4. 2). Namely llay masina sy madio, tamin'ny heriny sy ny hafetseny rehetra, i Satàna.

Nanomboka tamin'ny fahalavoana, dia tsy nanana olona velively ny amin' ny olona i Satàna. Nahita mpiray tsikombakomba mahery taminy izy, tao anatin'ny fo mpanota (finaritra ao amin'ny fahotana) izay ao anatin'ny olona lavo. "Izay fisainana rehetra avy amin'ny fony dia ratsy ihany, mandritra ny andro" (Genesisy 6. 5).

Tsy mba tahaka izany i Adama, talohan'ny fahalavoany. Noarin'Andriamanitra ho madio izy, saingy fanafihana iray monja dia ampy nahalavo azy, na dia tsy nahita lalana ifandraisana taminy tao anatin'ny fony aza i Satàna. Lavo i Adama, ary lasa andevon'i Satàna.

Tao amin'i Jesoa, dia olom-baovao no teto an-tany, olona tsy mba nanana fo mpanota. "Tsy nahalala ota" lzy. Namely azy koa i Satàna, saingy hafa ny fandehan'ny ady, teo.

I Adama dia voatafika tao anatin'ny saha Edena, izay feno zavatra naneho ny fahalehibeazan'Andriamanitra sy ny hatsaram-pony. I Jesoa Tompo kosa dia tany an-taniefitra —izay marika lehibe amin'ny ozona eto amin'ity tany ity—, ary tsy nisy na inona na inona ho Azy tany. Nanampatra ny heriny sy ny hafetseny i Satàna, teo, mba hahatonga llay Masina ho lasa mpanota. Naharitra efapolo andro ny ady, ary nandritra izany i Satàna dia nampiasa ny fiadiany rehetra, nefa dia resy. I Satàna no lasa, fa tsy ny Tompo Jesoa. Iza amintsika moa no afaka milaza ny amin'ny fakàm-panahy nahazo ny Tompo ? Iza no mahalala tanteraka ny hafetsen'i Satàna sy ny tetik'ady rehetra nampiasain' ilay andrianan'ny haizina ? Ireo karazana fakàm-panahy telo farany ihany mantsy no voatantara tamintsika. Nanao ahoana ny hamafin'izany, ho an'illay *madio*, *masina*, ho an'illay "tsy nahalala ota", nifanandrina tamin'izany karazam-piadian'ny maizina rehetra izany ? Nanao ahoana ny fahorian'ny fanahiny, izay masina ! Koa izany no hahatsapany tsara izay mianjady amintsika sy iombonany tanteraka amintsika, rehefa manampatra ny hafetseny amintsika i Satàna ! Misy tokoa ve fakàm-panahy ataony amintsika ka tsy efa nampandaloviny tamin'ny Tompo Jesoa ? Noho izany, dia tena afaka manampy antsika tokoa ny Tompo Jesoa. Nivavaka ho an'i Petera lzy, mba tsy hangozohozo ny finoany. "Satria nalaim-panahy ny tenany, tamin'ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa lzy" (Hebreo 2. 18). "Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miaramitondra ny fahalementsika, fa lzy efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra, tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota" (Hebreo 4. 15).

Kristy, mpisoronabentsika

***Ny fiombonam-pony amintsika
izay ao anatin'ny zava-tsarotra sy ny fahoriana manjo antsika***

Raha mamoy hava-malala isika, iza moa, mihoatra noho llay nitomany teo amin'ny fasan'ny sakaizany, no afaka hahatsapa ny alahelon'ny fontsika ? Rehefa mahatsiaro ho irery isika, iza moa no tena nanirery noho lzy, lzy niantsoantso hoe : "Tsy mahita tory aho, sady tahaka ny tsikirity irery eo an-tampon-trano" (Salamo 102. 7) ? Rehefa mandao antsika ireo namana, iza no afaka mahatsapa ny mahazo antsika mihoatra Azy, satria voalaza fa : "Samy nandao Azy izy rehetra, ka nandositra" (Marka 14. 50) ? Rehefa tsy azon'ny olona ny mahazo antsika, na koa raha toa ka tsy maneho fiombonam-po amintsika akory ireo izay itantarantsika ny zava-manahirana antsika, iza no afaka hahazo ny manjo antsika, mihoatra noho lzy, lzy navela ho irery tanteraka, ka niantsoantso hoe : "Niandry antra aho, fa tsy nisy, sy mpanony, fa tsy nahita" (Salamo 69. 20) ? Raha niteny tamin'ny mpianany lzy, fa hatolotra tamin'io alina io, ka ho faty ho azy ireo, ary ny iray taminy kosa hamadika Azy, dia tsy nahatsapa afa-tsy tsy firaharahàna lzy, teo amin'ireo izay nifanditra hahalala izay ho lehibe amin'izy ireo (Lioka 22. 19-24). Rehefa mila fahazavana isika, iza no afaka manampy antsika, tahaka Azy, lzy voalaza im-pito ao amin'ny filazantsara araka an'i Lioka, fa nandeha nivavaka ? Eny, nandany alina tontolo lzy mba hivavahana, rehefa misy zava-dehibe hataony.

Izany no llay Mpisoronabentsika any an-danitra, lzy "velona mandrakizay, hanao fifonana" ho antsika (Hebreo 7. 25). Tsy misy zava-tsarotra mahakasika ny tenany intsony, satria efa vita ny adiny. Amin'izany lzy dia afaka manampy antsika tanteraka, satria efa nandalo tamin'ireo ady mianjady amintsika sy ireo zavatra ilaintsika.

Raha mandalo zava-manahirana aho, ka mahatsiaro ho kivy eny andalana, dia manana llay mampahery sy manampy ahy, dia i Jesoa Kristy, lzy mifona ho ahy. lzy moa, raha mifona ho ahy, dia efa mahafantatra tsara ny fampiononana izay omen'ny fahasovan'Andriamanitra, satria efa nandray izany, nandritra ny niainany tetỳ an-tany, fony nandalo zava-tsarotra tahaka izany. Fantany fa ampaherezina sy ampiononina ny fanahy, rehefa mandalo zava-tsarotra. Manome ahy ny zavatra rehetra lzy, ary mangataka amin'Andriamanitra ho ahy, noho ny fahatsapany tanteraka ny manjo ahy sy izay ilaiko. Mila fanazavana ve aho, na koa mila fitarihan-dàlana ? Afaka manome ahy izany rehetra izany Andriamanitra, ary raisko avy aminy izay rehetra mahaso ahy. Izany, moa, dia noho ny asa sy fanampian'i Kristy irery ihany, llay Mpanalàlana ahy aminy.

Satria ve mivavaka aho, dia mahazo izany rehetra izany ? Ny Tompo Jesoa dia nivavaka ho an'i Petera, talohan'ny nahafantarany izay zavatra hitranga. Tsia ! Tsy miankina velively amin'izay mety ho vavaka ataontsika ny fifonany ho antsika. Ny fahasovanany, ao am-pony manokana, no manatantera-

Kristy, mpisoronabentsika

ka ny zavatra rehetra. Ampahafantariny antsika izany, mba hanatonantsika “ny seza fiandrianan’ny fahasoavany, amin’ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana, ho famonjena amin’izay andro mahory” (Hebreo 4. 16).

*Manao veloma finaritra anareo.
Ilay sakaizanareo
H. L. H.*

Ny fahateraham-baovao

NY FAHATERAHAM-BAOVAO

Ry sakaiza malala isany,

Araka izay hitantsika tao anatina taratasy iray tany aloha, dia maty mi-araka amin’i Kristy ny kristiana. Ratsy loatra ny toetran’ilay olona taloha, ka tsy maintsy nomelohin’Andriamanitra. Izany rahateo, miaraka amin’ny vahaolana omen’ Andriamanitra, no nohazavain’i Jesoa Tompo tamin’i Nikodemosy, ao amin’ny Jaona 3.

Raha ny tena izy, moa, dia manomboka ao amin’ny toko faha-2, andininy faha-23, ny resaka momba izany. Tao Jerosalema ny Tompo, tamin’io fotoana io. Nandritra ny fotoanan’ny fety, tahaka izay nataony tamin’ny Paska, dia nanao fahagagana Izy, hany ka “maro ny nino ny anarany, raha nahita ny famantarana izay nataony.” Iza nefa no voalaza, manampy izany : “Fa Jesoa tsy natoky azy, satria Izy nahalala ny olona rehetra ; ary tsy nitady olona hanambara olona Izy ; fa ny tenany nahalala izay tao am-pon’ny olona.” Ary nony avy nanatona an’i Jesoa ny iray tamin’izany olona izany, dia nahazo izao teny mavesatra izao taminy, hoe : “Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakàn’Andriamanitra.”

Ny Zanak’olona, Izay any an-danitra

Ao amin’ny andininy faha-11 sy faha-13 amin’ny toko faha-3, ny Tompo dia dia mampiseho hoe iza Izy. Izy no Zanak’olona, Izay any an-danitra. Izany dia isan’ny zava-miaina mahatalanjona momba ny Tenan’i Jesoa. Ny Jaona 1. 1 dia milaza fa Izy dia Andriamanitra tenany, izany hoe Jehovah. Ao amin’ny andininy faha-14, nefa, dia hoy ny voasoratra, hoe : “Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika”, dia Ilay “Andriamanitra ... naseho teo amin’ny nofo” izany (1 Timoty 3. 16). Andriamanitra sy olombelona, tafaray ao amina Persona iray, zavatra saro-pantarina izany !

Andriamanitra mandrakizay ny Tompo Jesoa, saingy nanetry tena, ka dia tonga olombelona. Tsy milaza nefa izany, hoe tsy Andriamanitra intsony Izy. Tsy azo heverina izany. Nandray nofo aman-dra Izy (Hebreo 2. 4), ary tonga olona tokoa (Galatiana 4. 4 ; 1 Timoty 2. 5) ; saingy na dia olona aza Izy, dia Andriamanitra mandrakizay koa (Isaia 9. 6). Zazakely nandry teo amin’ny fihinanam-bilona Izy, nefa koa mihazona sy mitahiry ny zavatra rehetra. Raha sasatry ny dia Izy, indray andro, ka noana sy nangetaheta, dia nangataka rano tamin’ilay vehivavy Samaritana. Nasehony taminy fa Tsitoha izy, ka manome ny Fanahy Masina, ary mahalala ny zavatra rehetra, koa dia mahafantatra tan-

Ny fahateraham-baovao

teraka ny fiainan'ilay vehivavy. Amin'ny maha-tena olona Azy, dia natory lzy, tao an-tsambokely ; saingy nitsangana kosa, nandidy ny rivotra sy ny ranomasina. Rehefa nanonona ny Anarany lzy, dia lavo tamin'ny tany ny miaramila. Fotoana fohy taorian'izany, nefa, dia nisambotra sy namatotra Azy ireo, ary nandrora ny tavany sy nanaraby Azy.

Sady tetỳ an-tany lzy, fony niresaka tamin'i Nikodemosy, no tany an-danitra. lzy dia afaka nilaza hoe : "Izay fantatray no lazainay" (Jaona 3. 11). *Nahafantatra* lzy, ary Andriamanitra irery ihany no tena *mahafantatra*, araka ny tena hevitr'io voambolana io. Tsy nisy olombelona tany an-danitra ; ka noho izany, tsy misy afaka milaza ny amin'ny zavatra ny lanitra. Ny Zanak'olona, kosa, dia nidina avy tany an-danitra. Eny, mbola tany an-danitra lzy. Raha niresaka momba ny lanitra àry lzy, dia nilaza ny zavatra efa hitany, sy mbola hitany. Zavatra fantany rahateo no nolazainy, dia ny amin'ny lanitra izay Azy sy voninahiny. Tafaray ao aminy Andriamanitra sy ny olona, satria lzy dia sady Andriamanitra no olona, ao amina Persona iray. Izany no nahazoan'ny anjely nanambara, fony lzy teraka, hoe : "Fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahiny" ! (Lioka 2. 14). Fantany Andriamanitra sy ny voninahiny, ary fantany ihany koa ny olombelona.

Ny toetra maha-olona ny olombelona

Hitantsika ao amin'ny Jaona 2. 23-25, ny amin'ny fijerin'ny Tompo ny olona. Tsy mba olona tsy nino, izay ho nandà Azy ampahibemaso, tsy akory, ireo niresahany ireo, fa olona izay nahafantatra sy nanaja Azy ary resy lahatra ny amin'ny maha-Mesia Azy, noho ny famantarana izay nataony. "Nino ny anarany" ireo. Raha mijery maimaika isika, dia alaim-panahy hihevitra fa ireo no anisan'izay nolazaina ao amin'ny Jaona 1. 12 fa nomena hery ho tonga zanak'Andriamanitra. Nefa izao no voalaza momba azy ireo : "Fa Jesoa tsy natoky azy, satria lzy nahalala ny olona rehetra ; ary tsy nitady olona hanambara olona lzy ; fa ny tenany nahalala izay tao am-pon'ny olona."

Resy lahatra ireo olona ireo, saingy mbola tsy *niova fo*. Nino ny Anaran'i Jesoa ireo, saingy tsy *nandray* Azy (Jaona 1.12). Nahita ny fahagagana nataony ireo ; *resy lahatra* ny fony sy ny sainy, tamin'izany, fa lzy no Mesia. Maro ny tahaka azy ireo, tamin'izany andro izany, ary mbola antapitrisany koa, ankehitriny. Tsy misalasala izy ireny, ny amin'ny fahamarinana kristiana. Ny sainy sy ny fony dia manampy azy ireo hahatakatra ny fahamarinana sy ny fahambonian'izany, ary izany no nanekeny ny finoana kristiana. Ny olombelona, amin' ny toetra maha-olona azy fotsiny izao, dia manaiky tsara izany, satria mipetraka ho ambonin'ny fahamarinana sy ho ambonin'Andriamanitra, amin'izany. Mihevi-tena ho mahalala ny marina izy, ka izay eken'ny sainy sy (na) ny fony ho tsara no inoany.

Ny fahateraham-baovao

Hafa tanteraka kosa, nefa, ny zavatra rehetra, rehefa ao amin'ny fahazavan'Andriamanitra ny feon'ny fieritreretana ! Eo vao hita ny toeram-pahavezana sy fahamelohana misy ny tena ; ka tsy ny hitsara an'Andriamanitra intsony, na ny hitsara izay nambarany, no mameny ny saina. Ny hany hita miarahary dia ny fahamelohan'ny tena, izay mahatonga hitalaho hoe : "Andriamanitra ô ! Mamindrà fo amiko, mpanota !"

Eken'ny olona ihany, amin'ny maha-olona azy, fa ilaina ny fahateraham-baovao, ho an'ny jentilisa sy ireo olona miaina ao amin'ny fahotana kivalavala. Fa ny tsy azon'ny olona, amin'ny maha-olona azy, dia ny hoe tsy maintsy ateraka indray ny *isam-batan'olona*, anisan'izany ny Jiosy, eny, na dia ny Fariseo aza, na dia ireo izay mankasitraka ny Tompo aza, ireo izay mino ny anarany, na dia i Nikodemosy aza, izay Fariseo, lehibe iray amin'ny Jiosy ary mpampianatra ny Israely, olona nanome voninahitra ny Tompo Jesoa, dia voninahitra faratampony azo omena ny olona, ary nanao hoe : "Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin'Andriamanitra lanao ; fa tsy misy olona mahay manao izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy" (Jaona 3. 2) ; na izany olona izany, aza, dia mila ateraka indray (Jaona 3. 7). Fa llay nanambara izany, moa, dia llay milaza izay *fantany* (Jaona 3. 11), satria lzy llay Andriamanitra mandrakizay. Tsy ny fahavalony ihany no itakiany an'izany, fa ireo manaiky Azy indrindra koa. Moa ve izany tsy mampahafantatra antsika ny toeram-pahavezana tanteraka misy ny olombelona, sy ny tsy fahaizany manatona an'Andriamanitra, amin'ny toetra maha-olombelona azy ?

**"Raha tsy ateraka indray ny olona,
dia tsy mahazo mahita ny fanjakàn'Andriamanitra"**

Ny Tompo, eto, dia miresaka ny amin'ny fanjakàn'Andriamanitra, araka izay nanehoana azy tamin'izany vanim-potoana izany. Rehefa haseho amin'ny voninahitra tsy ho ela izany, dia ho hitan'ny tany rehetra. Fa ankehitriny, aloha, dia mbola hafa dia hafa ny manoloana antsika, ao anatin'ny antsoiko hoe toetra maha-kristiana an'izany fanjakana izany, araka izay anehoana azy amintsika amin'ny alalana fanoharana maro.

Nony tonga tetỳ an-tany ny Tompo Jesoa, dia tonga *tao Aminy* ny fanjakàn'Andriamanitra. Izay nanaiky Azy sy nandray Azy marina, amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy ihany, nefa, no nahita izany fanjakana izany. Ireny irery ihany no nateraka indray.

Tsy manaitra antsika ve ny hoe na ny rahalahin'i Jesoa, aza, dia tsy nino Azy ? Voasoratra ao amin'ny Marka 3. 21, mantsy, hoe : "Ary ny havany, raha nandre, dia nivoaka hihazona Azy ; fa hoy ireo : Efa very saina lzy" (Jereo koa ny Jaona 7. 5).

Ny fahateraham-baovao

Nahafantatra ny Tompo nefa izy ireo ! Hitany isan'andro isan'ora, nandritra ny taona maro, ny fiainany masina sy tonga lafatra, tao Nazareta. Tsy nambaran'i Maria sy Josefa tamin'izy ireo ve ny nanambaràn'ny anjely ny amin'ny hahaterahany sy ny zava-mahagaga rehetra, tahaka izay voambara ao amin'ny Lioka 2, ohatra ? Izy ireo ve tsy nahare ny fanambaràna nataon'i Jaona Mpanao Batisa, izay zanak'olom-pirahavavy aminy ? Izy ireo ve tsy nahita maso ny famantarana amam-pahagagana nataon'i Jesoa ? Hoy i Jaona : "Hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray" (Jaona 1. 14). Raha nisokatra ny lanitra, ka re ny feon'Andriamanitra nanambara hoe : "Ianao no Zanako malalako, ianao no sitrako" (Marka 1. 11), ny havany kosa dia nilaza Azy ho very saina, ka te hihazona Azy. Izany no manaporofa ny fahamarinan'ny tenin'i Jesoa manao hoe : "Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakàn'Andriamanitra."

Nateraka indray

Tsy araka izay niheveran'i Nikodemosy azy, tsy akory, ny dikan'izany, na araka ny ambaran'ny filôzôfia sy ny anganonganon'ny jentilisa maro, ka ilazany fa hateraka indray tahaka ny zazakely ny olona efa antitra, na hiova ho toy ny zatovo fotsiny. Ny zaza vao teraka dia mitovy toetra amin'ny ray amandreniny, fa tsy ho tsara noho izy ireo velively, tsy akory. I Seta, zanak'i Adama taorian'ny nahalavoany, dia mitovy endrika amin'ilay rainy, izay mpanota ihany (Genesisy 5. 3). Hoy i Joba : "Aiza no misy madio ateraky ny tsy madio ? Tsy misy, na dia iray akory aza" (Joba 14. 4) ! Ary ny Romana 5. 19 dia manambara amintsika fa noho ny tsy nankatoavan'i Adama, dia tonga mpanota avokoa ny taranany rehetra. "Izay ateraky ny nofo dia nofo" (Jaona 3. 6). Na dia ateraka impolo tahaka ny teo ihany aza, mantsy, i Nikodemosy (izany hoe nateraka ray aman-dreny mpanota), dia tsy misy na inona na inona miova, raha ny amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

Mila *hateraka indray*² ny olona (Jaona 3. 3), izany hoe amin'ny fomba vaovao tanteraka, dia avy amina loharanon'aina vaovao. Lazain'i Jesoa ao amin'ny Jaona 3.5 ny amin'izany loharanon'aina vaovao izany, ka hoy izy : "Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakàn'Andriamanitra izy." Ny rano, ao amin'ny Soratra Masina, dia fantatra fa kisarisarin'ny

² Ny voambolana grika ampiasaina eto, « gennethei anôthen » (and. 3), dia tsy mitovy amin'ny ampiasaina ao amin'ny Titosy 3. 5 (« palingenesia »), izay anambaràna ny fiterahana indray sy ny fanavaozana entin'ny Fanahy Masina.

Ny fahateraham-baovao

Tenin'Andriamanitra izay miasa amin'ny olona, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Ny Efesiana 5. 26 dia manambara izany mazava ; tahaka izany koa ny Jaona 13. 10, izay ampitahaina amin'ny Jaona 15. 3.

Manadio izay rehetra sasàna aminy ny rano. Ny tenin'Andriamanitra, izay ampihariny ny Fanahy Masina, dia manadio ny fironan-tsain'ny olona sy ny eritreriny ary ny zavatra ataony. Miaraka amin'izany, ny Fanahy Masina dia mitondra fiainam-baovao ao amin'ny olona, amin'ny alalan'ny Teny, fiainana hafa tokoa, tsy manana ny toetran'ireo ray aman-dreny niteraka, fa kosa ny toetran'ilay manome fiainana. "Izay ateraky ny Fanahy dia fanahy" (Jaona 3. 6).

Hamafisin'ny Soratra Masina ombieny ombieny, moa, fa vokatry ny Tenin' Andriamanitra ny fahateraham-baovao. Hoy i Paoly, manoratra ho an'ny Korintiana : "Izaho no niteraka anareo ao amin'i Kristy Jesoa, tamin'ny filazantsara" (1 Korintiana 4. 15). Hoy ny voasoratra ao amin'ny Jakoba 1. 18 : "Tamin'ny sitrapony no niterahany antsika, tamin'ny teny fahamarinana." Hoy koa i Petera : "Satria efa nodiovinareo ny fanahinareo, tamin'ny fanarahana ny fahamarinana ... fa efa teraka indray ianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lo, fa tamin'ny tsy mety ho lo, dia ny tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra" (1 Petera 1. 22-23). Ao amin'ny 1 Tesaloniana 1. 5 dia voalaza miaraka ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina.

Ny Tompo dia manambara ny amin'ny tsy maintsy ahaterahana indray, mba hahazoana miditra ao amin'ny fanjakàn'Andriamanitra, satria Nikodemosy izay niresahany, dia anisan'ny lohan'ny Jiosy. Raha ny fomba firesaky ny Tompo no heverina, araka izay nanoratan'i Jaona azy hatrany hatrany, dia afaka misintona hevitra fototra iray isika, dia ny hoe : hatramin'ny fahalavoana tao Edena ka mandra-pahatongan'ny faran'izao tontolo izao, dia tsy maintsy ilaina ny fahateraham-baovao, mba hahazoana manana fifandraisana amin'Andriamanitra.

"Tsy maintsy asandratra ny Zanak'olona"

Raha manambara ny amin'ny zavatra ny lanitra ny Tompo, manomboka ao amin'ny Jaona 1. 12, dia misongadina ny zava-dehibe iray ilaina. Ny Zanak'olona, izay any an-danitra, dia mahalala ny voninahitry ny lanitra, izay fonenan'ilay "mazava", izay tsy misy maizina ao aminy (1 Jaona 1. 5). Raha hiditra ao amin'izany voninahitra izany ny olombelona, dia tsy maintsy voalamina, aloha, ny momba ny ota. Mila afa-po ny amin'ny momba ny ota ilay Andriamanitra, izay voatsiratsira loatra, noho ny fahotan'ny olombelona. Ny olombelona dia tsy maintsy voadio amin'izay rehetra manakana azy tsy hiditra ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra. Ahoana àry no hahazoan'ny olombelona, izay mpanota be lavitra noho ny tamin'ny nandroahana azy hiala tao Edena, miditra any amin'ny paradisa any an-danitra, izay fonenan'Andriamanitra ?

Ny fahateraham-baovao

Tsy mety ho tanteraka izany, raha tsy nanao asa fanavotana, handaminana izay *rehetra* ilaina momba izany, ilay sady Andriamanitra no olona. Tsy maintsy hasandratra ny Zanak'olona, “mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay” (Jaona 3. 14-16).

Tsy faran'izay lehibe sy avo ve izany fanomezana natolotr'Andriamanitra izany ?

Endrey ! Mbola maro ny zavatra mifandraika amin'izany. Afaka miantso isika hoe : “Aba, Ray ô !”, satria ny Fanahy Masina, noho ny fiainambaovao ao anatintsika, no manambara fa zanak'Andriamanitra isika (Romana 8. 15). Mpiara-mandova amin'i Kristy isika, ary tsy ho ela dia hiara-hanjaka aminy amin'izao rehetra izao sy hiara-hitsara aminy (Romana 8. 17 ; Efesiana 1. 10-11 ; 1 Korintiana 6. 2-3 ; sns.). Ny 1 Jaona 3. 1 dia mametraka antsika ho mitovy laharana amin'i Jesoa Tompo, izay tsy mba fantatr'izao tontolo izao. Ny andininy faharoa dia manambara fa rehefa hiseho lzy, dia ho tahaka Azy isika, ary “ho hitantsika lzy, dia izay tena endriny tokoa”. Ny 1 Jaona 4. 17 dia milaza fa, raha ny amin'ny fitsarana, na dia mbola etỳ ambonin'ny tany aza isika, dia efa tahaka Azy izay any an-danitra sahady. Ny andininy faha-19, indray, dia manambara hoe : “Isika tia, satria lzy efa tia antsika taloha.” Eny, manana ny toetran'Andriamanitra, izay fitiavana, isika. Mandresy izao tontolo izao isika (5. 4). Ary dia mbola mitanisa zavatra maro tahaka izany koa ny Soratra Masina.

Na izany aza, nefa, tsy ny firaisana amin'ny Ray sy amin'ny Zanaka ve no lehibe indrindra, amin'ny zavatra rehetra (1 Jaona 1. 3) ? Ary izany dia ho antsika, izay tsy nahazo nahita akory ny fanjakàn'Andriamanitra etỳ an-tany, araka ny lazain'ny tenin'ny Tompo ao amin'ny Jaona 3, na niditra ao aminy, isika izay mpanota very, tokony ho very mandrakizay, dia isika izay fahavalon'Andriamanitra sady tokony ho hālany ; isika dia *mahafantatra* ny Ray sy i Jesoa Tompo (1 Jaona 5. 20). Tsy tahaka ny fahafantaran'ny olombelona noarina an' llay Mpahary azy, nefa, no ahafantarantsika Azy, amin'izany, fa amin'ny tena maha-lzy Azy marina tokoa. Eny, manana firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany isika, ary izany dia tsy hoe rehefa tonga any an-danitra ihany, fa dieny etỳ an-tany. Raha ny amin'ny etỳ ivelany, tsy misy mampivavaka antsika amin'ny olombelona manodidina antsika, izay mbola eo ambany fahefan'i Satàna.

Rehefa azontsika izany, ka iainantsika marina tokoa, tsy ho feno sy tanteraka ve ny fifaliantsika ?

Manao veloma finaritra anareo.

H. L. H.

Firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany

FIRAISANA AMIN'NY RAY SY AMIN'I JESOA KRISTY ZANANY

Ry sakaiza malala isany,

Hitantsika tany aloha, fa na iza na iza mino an'i Jesoa Tompo, dia tsy hoe mahazo ny famelàna ny helony fotsiny ihany, fa mahazo fiainam-baovao mihitsy koa. Naterak'Andriamanitra izy, ka dia manana ny ain'Andriamanitra sy ny toetran'Andriamanitra (Jaona 1. 13 ; 2 Petera 1. 4). Izany fiainana izany, moa, izay fiainana feno tanteraka, no antsoina hoe “fiainana mandrakizay”, ary ny 1 Jaona 5. 20 dia milaza ny amin'i Jesoa Tompo, fa “lzy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay.” Ny Tompo Jesoa mihitsy izany no fiainantsika.

Miteraka vokany tsy tambo tononina izany, ho antsika. Tonga olona ankasitrahina isika, “ao amin'ny Malala” (Efesiana 1. 6), ary tafafindra ho ao amin' ny fanjakàn'llay Zanaka malalan'ny Ray (Kolosiana 1. 13). Noho izany, dia manaiky antsika tanteraka Andriamanitra, toy ny anekeny llay antsoiny hoe “Malala”. Mbola tsara lavitra noho izany, nefa, ny ambaran'i Jaona apostoly ao amin'ny epistily voalohany nosoratany. Lazainy fa natao mitovy Aminy isika. Tsy mahalala antsika izao tontolo izao, *satria* tsy nahalala Azy (1 Jaona 3. 1). Eto amin'izao tontolo izao isika, dia tahaka Azy, izay efa any an-danitra ankehitriny (4. 17). Ho tahaka Azy isika, ka hahita Azy amin'izay tena endriny tokoa (3. 2). Ampitahao ihany koa izay voalazan'ny 1 Jaona 4. 12-13 sy izay ao amin'ny Jaona 1. 18. Ny ao amin'ny 1 Jaona 5. 20 ihany koa, moa, dia manao hoe : “Fantatsika fa tonga ny Zanak'Andriamanitra, ka efa nanome antsika fahazavan-tsaina, *mba ho fantatsika llay marina*.” Voarakitr'izany avokoa ny zavatra rehetra.

Rehefa noarin'Andriamanitra i Adama, dia nomeny saina. Izay no mampivavaka ny olombelona sy ny biby. Ny fahazavan-tsain'ny olombelona, nefa, dia momba ny tany ihany, ka tsy mahatakatra afa-tsy ny zavatra ny tany. Na dia zavaboary ambony noho ny olombelona ihany koa aza, nefa, ireo anjely, dia tsy afaka mahafantatra an'Andriamanitra. Mpanompo mahery sy matanjaka ireny, ary vonona mandrakariva ny hanatanteraka izay sitrapon'Andriamanitra ; saingy naniry hahita sy handinika ihany koa ny zavatra izay nolazaina antsika (1 Petera 1. 12).

Ny mpanota very, izay fahavalon'Andriamanitra, nefa nandray an'i Jesoa Tompo, dia nomeny llay Zanany ho fiainam-baovao ; ka ao aminy sy amin'ny alalany, dia omeny azy koa fahazavan-tsaina hahafantarany an'Andriamanitra. Tsy hoe afaka mahita ny fisehoan'ny voninahiny fotsiny isika, araka izay hahitan'izao tontolo izao azy tsy ho ela, amin'ny fiverenan'i

Firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany Jesoa Tompo eny amin'ny rahon'ny lanitra, ka ho hitan'ny maso rehetra, fa hahita Azy amin'izay *tena endriny* tokoa, fa tsy araka izay hisehoany fotsiny ihany. Eny, ankehitriny isika dia efa afaka mahazo izany fisainany izany. Hitantsika ny tena voninahiny, izay mameno ny fontsika rahateo ihany koa. Manana fisainana sy fihetseham-po mitovy amin'ny an'Andriamanitra isika. Vohainy ho antsika ny fony, ka lazainy amintsika izay ao anatin'ny sy izay mameno izany ; ary dia azontsika sy iarahantsika mizara ny teniny sy ny fihetseham-pony. Tonga manana firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany isika.

Firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany

Inona moa no mameno ny fon'ny Ray ? Moa ve tsy ny Zanaka ary ny voninahitr'io Zanany io sy ny asany ? Raha mbola tety an-tany ny Zanaka, dia nitoetra tao aminy avokoa ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra (Kolosiana 1. 19). Na tamin'ny niantombohan'ny asa ampahibemaso nataon'ny Tompo (Lio-ka 3. 22), na teo amin'ny fiakaran'izany (Matio 17. 5), dia izao no fanambaràn'ny Ray : "Ity no Zanako malalako, Izay sitrako." Taorian'izany dia tonga ny asam-panavotana tany Golgota.

Nanao ahoana moa no nahitan'ny Ray izany asa izany ? Hoy i Jesoa : "Izany no itiavan'ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko, mba handraisako azy indray" (Jaona 10. 17). Ny Ray dia tia llay nandeha an-tsitrapo nanatona ny hazofijaliana, llay maty, mba hanome voninahitra ny anaran'Andriamanitra sy hanatanteraka ny sitrapony ; dia llay nanaiky hitondra ny fahotantsika tao amin'ny tenany, teo amin'ny hazo (1 Petera 2. 24), ka natao ho ota (2 Korintiana 5. 21), ary niharan'ny fitsaràn'Andriamanitra sy nafoiny. Eny, dia izay tsy nanan-tsiny, fa tanteraka tao anatin'izany rehetra izany : "Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny, ho an'Andriamanitra" (Hebreo 9. 14).

Hoy ny Ray amintsika : "Ity no Zanako malalako." Dia hoy kosa isika mamaly izany : "Izy no Mpamonjy malalantsika". Hoy ny Ray : "Noho ny fitiavany Ahy (Eksodosy 21. 5), dia niaritra ny fijaliana rehetra tany Golgota lzy, ka nahatanteraka ny asam-panavotana" ; ary hoy kosa isika : "Tia antsika i Kristy, ka nanolotra ny tenany ho fanatitra mba ho fanavotana antsika" (Jereo Efesiana 5. 2). Isika tsirairay avy, kosa, hanao hoe : "Ny Zanak'Andriamanitra ... efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20).

Izany Zanaka be voninahitra izany, Izay mameno ny fon'ny Ray, dia mameno ny foko ihany koa. Ny Ray dia maneho amintsika ny voninahitry ny Zanaka, ary isika kosa manambara amin'ny Ray izay rehetra hitantsika ao amin' ilay Zanaka. Izany no firaisana sy fiombonana : iray fo sy tombon-tsoa ; ary Olona iray ihany no miara-mameno fifaliana sy fahafaham-po ao anaty.

Firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany

Tsy izany indrindra koa, ve, no ataon'lay Zanaka ? Izy no naneho antsika ny Ray. Rentsika lzy nanao hoe : "Aba, Ray ô !" (Marka 14. 36). Ary isika koa, ankehitriny, dia afaka manao hoe : "Aba, Ray ô !" (Romana 8. 15).

Tsy izany ve no zavatra ambony indrindra, dia ny mahafantatra an'Andriamanitra, eny, mahalala Azy ? Tsy ny mandray sy misitraka ny fitahiany sy ny zavatra rehetra omeny ihany, fa ny mandray sy ny manana Azy ho Andriamanitra mihitsy ? Ary ny manana firaisana amin'lay Andriamanitra Ray sy amin' ny Zanany, noho izany ? Tsy misy ambony sy manan-danja noho izany. Ny fanatanterahana izany dia mitondra fahasambarana tanteraka ho an'ny fo, dieny ety an-tany.

Izany no nahatonga ny apostoly hanao hoe : "Izao zavatra izao no soratanany, mba ho tanteraka ny fifalianareo" (1 Jaona 1. 4).

Andriamanitra dia mazava, ary tsy mba misy maizina akory ao aminy

Io firaisana amin'ny Ray sy amin'ny Zanany io dia mazava ho azy fa tsy maintsy mifanaraka amin'ny toetra maha-Andriamanitra an'Andriamanitra. Andriamanitra dia mazava. Tsy maintsy ao amin'ny mazava, izany, isika vao afaka manana firaisana aminy. Isika nefa dia maizina fahiny, fa efa mazava ao amin'ny Tompo, kosa, ankehitriny (Efesiana 5. 8). Mandeha ao amin'ny mazava isika, ary izany no ananantsika firaisana amin'ny kristiana hafa, satria maintsy ny ran'i Jesoa Kristy, llay Zanak'Andriamanitra, no fototry ny toerana misy antsika ankehitriny sy porofon'ny maha-marina Azy.

Ao amin'ny 1 Jaona 1. 7 dia tsy ny amin'ny fomba andehanantsika amin' izany no resahina, fa hoe *aiza* no andehanantsika. Rehefa miresaka momba ny fandehanana ao amin'ny mazava isika, dia ny amin'ny fiainantsika sy ny fitondrantenantsika no tiana holazaina, amin'izany. Ny resaka àry, eto, dia ny hoe *aiza* no andehanantsika. Ary izay rehetra nateraka indray, ka afaka tamin' ny fahefan'ny maizina, dia tonga mendrika "hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina, eo amin'ny mazava" (Kolosiana 1. 12-13), dia mandeha amin'ny mazava. Ny ra izay nanadio tamin'ny fahotana rehetra no porofo manamarina an'izany toerana misy ahy izany. Andeha isika handray ohatra iray : raha mbola ao anatin'ny koveta feno ranon-tsavony ny tanako, dia tsy ho azon'ny loto velively. Ny herin'ny ranon-tsavony, izay nanadio ny tânako, dia manakana azy tsy haloto. Amin'ny fomba ahoana moa no hampaloto ny tanako, raha mbola mitoetra ao anatin'ny rano izay manan-kery hanadio izay rehetra maloto izy ? Dia tahaka izany koa, ny herin'ny ra, izay manjaka ao anatin'ny mazava, no porofo fa mifanindran-dàlana amin'ny mazava aho.

Tsy manova na inona na inona nefa izany, noho ny fananako ny toetrako fahiny, izay mbola ao anatiko ihany. Raha mandà izany aho, ka milaza fa tsy manana ota, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatiko. Ary raha milaza aho fa mbola tsy nanao zava-dratsy mihitsy, ary mbola tsy nanota,

Firaisana amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany dia mampanainga an'Andriamanitra ; satria mantsy Andriamanitra dia efa niteny hoe : “Samy efa nanota izy rehetra” (Romana 3. 23).

Ny 1 Jaona 1. 10 dia tsy milaza hoe : “Raha hoy isika : tsy manota isika”, fa hoe : “Raha hoy isika : tsy nanota isika”, matoanteny mitanisa ny lasa. Ny Soratra Masina dia tsy milaza velively fa tsy maintsy manota ny mino. Manana toetra vaovao mantsy isika, dia toetra izay tsy afaka manota, sady isika koa manana ny herin'Andriamanitra ao anatintsika, dia ny Fanahy Masina, izay manome antsika hery ahazoantsika mandeha araka ilay fiainambaovao ananantsika. Ao amin'ny mazava no andehanantsika, ka afaka manavaka tsara izay tsy mifanaraka amin'izany mazava izany isika.

Indrisy, nefa, fa isika dia voatery manao hoe : “Fa tafintohina amin'ny zavatra maro isika rehetra” (Jakoba 3. 2). Saingy tsy mahafa-tsiny antsika, tsy akory, izany.

Manantena aho fa ho afaka hiresaka bebe kokoa ny amin'izany, ao amin' ny taratasiko manaraka.

*Mametraka ny veloma finaritra.
Ilay sakaizanareo H. L. H.*

Kristy, Mpisolovava antsika

KRISTY, MPISOLOVAVA ANTSIKA

Ry sakaiza malala isany,

Manohy ny taratasiko teo aloha aho, ka te hiresaka izao zavatra manaraka izao :

Raha manota ny mpino iray

Inona no mitranga raha manota isika, amin'ny maha-mpino antsika ? Mety manova ny toerana maha-zanak'Andriamanitra antsika ve izany ? Ary tonga lavitra ny tavan'Andriamanitra ve isika ?

Ao amin'ny Hebreo 9 sy 10 no ahitantsika ny valin'izany fanontaniana izany. Nahazo fanavotana mandrakizay i Kristy. “Fa ny fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hohamasinina” (Hebreo 10. 14). Tafatoetra mandrakizay ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, amin'ny maha-zavaboariny antsika. Tonga fifandraisan'ny zanaka amin'ny Rainy, ny fifandraisantsika aminy. Tsy voaovan'onona na inona intsony izany fifandraisana izany.

Koa tsy miraharaha ny fahotan'ny zanany intsony àry ve, izany, Ilay Raintsika ? Ny Raintsika dia Ilay Andriamanitra mazava, ka tsy misy maizina mihitsy ao aminy. Madio dia madio ny masonry, ka tsy mahazaka ny ratsy ; ary tsy maintsy hamasinina ao amin'izay manatona Azy Izy. Zakany ny fahotan'ny tsy mino, ny fahotan'izao tontolo izao tsy mankatò Azy, fa tsy tantiny velively kosa ny fahotan'ny zanany. Izy Izay Masina, ve, mety hanana fifandraisana amin'ny ota, na amin'ny olona izay voaloton'ny fahotana ? Noho izany, tapaka avy hatrany ny firaisantsika amin'Ilay Ray sy ny Zanany, raha manana fisainana sy fiteny feno ota sy foana isika, na maneho tsy fankatoavana, izany hoe manota. Tsy ho tafaverina amin'ny laoniny izany firaisana izany, raha tsy voaisotra, araka ny fihevitr'Andriamanitra, izany fahotana izany. Ka “raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy, ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika, ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra” (1 Jaona 1. 9). Ny fiaikena ny fahotana sy ny fitsarantsika ny tenantsika ihany no hampahadio antsika.

Ny fitsarana ny tena no hany fomba hoenti-manarina indray ny fifandraisana

Foto-kevitra hitantsika ao amin'ny Soratra Masina iray manontolo izany, na ao amin'ny Testamenta Taloha na ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Kristy, Mpisolovava antsika

Andeha isika handray ohatra mikasika izany, ao amin'ny Testamenta Taloha. Ao amin'ny Levitikosy 4 sy 5 sy sombintsombin'ny toko faha-6 sy faha-7 dia ahitantsika ireo toro-làlana nomena ny Israelita izay nanota. Tsy mpanota mandroso ho amin'ny fibebahana, tsy akory, no resahina eto, na dia azon'ny mpitory filazantsara ampiasaina hanehoana ny foto-kevity ny filazantsara ihany, aza, ireo andinin-tSoratra Masina voalaza ireo. Ao anatin'ireo toko ireo, ny Israelita dia aseho ho toy ny vahoaka izay entina eo amin'Andriamanitra, amin' ny alalan'ny fanati-panavotana (Levitikosy 16), ary Andriamanitra dia mitoetra eo anivony, amin'ny alalan'ny fanatitra alatsa-dra izay atao tsy tapaka (Eksodosy 29. 38-46). Ankehitriny kosa, nefa, satria efa nampanatonina an'Andriamanitra, amin'ny maha-olony azy, ireo vahoaka ireo, sady tonga matoky fa ankasitrahina noho ny amin'Ilay Malala (Efesiana 1. 6 ; Levitikosy 1 ary 7 sy 8), ary satria efa nahazo zavatra tandrify ny fony izy, hoentiny mamakivaky ny efitra (dia ny mofa atao fanatitra, izany) (Levitikosy 2), ka manana firaisana amin' Andriamanitra, amin'ny fandraisana anjara sy fisitrahana zavatra iray loha ihany (dia ny fanati-pisaorana izany) (Levitikosy 3 sy 7. 11-34), dia tsy maintsy alamina ny amin'izay mety ho fahalotoana mahazo azy isan'andro.

Ny Levitikosy 5. 1-4 dia mamaritra amintsika ireo karazana fahalotoana telo lehibe miseho eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Ny karazany voalohany, lazain'ny andininy 1, dia rehefa tsy vita ny mijoro *hanohitra* ny ratsy, na *hiandany* amin'ny tsara. Araka izany, ny fanadinoana koa dia mety ho ota. Ny andininy faharoa dia milaza ireo fahalotoana vokatry ny mbola tsy fisarahantsika tanteraka amin'ireo zavatra avy amin'izao tontolo izao. Ny andininy faha-4 dia milaza ireo vokatry ny tsy fahampian'ny fahalalana onony sy ny fifehezantena, izany hoe fahalotoana mivoaka avy ao anatin'ny fontsika ihany. Manampy izany, dia lazain'ny andininy faha-15 ihany koa ny fahadisoana amin'ny zavatra voatokana ho an'Andriamanitra. Farany, ao amin'ny andininy faha-20 sy ny manaraka, dia resahina ny amin'ny halatra sy ny fihazonana zavatr'olona.

Ahoana no hahadio ny Israelita iray rehefa nanao fahadisoana izy ? Tokana ihany ny làlana, dia araka izay voalaza ao amin'ny Levitikosy 5. 5-6 hoe : “Raha meloka amin'ny anankiray amin'ireo izy, dia *hiaiky* izay zavatra nanotany, ary hitondra ny saziny ho an'i Jehovah, noho ny fahotana izay nataony.” Misy zavatra hafa koa, mety manampy izany (ohatra, tsy maintsy ampiana ampahadiminy ny zavatra izay averina, raha tamin'i Jehovah na tamin'ny rahalahy no nakana izany (Levitikosy 5. 6, 23-24)) ; fa ny zavatra voalohany, ny fepetra fototra, dia izao : miaiky ny fahotana ary mitondra fanatitra noho ny ratsy natao.

Ny fitsarana ny tena —fanambaràna ireo fahotana vita, izany hoe ny fahadisoana natao— no fepetra ilaina, amin'ny famelàn-keloka sy ny fanarenana rehetra (jereo, ohatra, ny ao amin'ny 1 Korintiana 11. 31 sy ny 1 Jaona 1. 9). Mba hahazantsika mitsara sy mandinika ny tenantsika —izany hoe tsy ny mandinika sy ny mitsara ny zavatra nahadiso antsika ihany, tsy akory, fa ny mandinika sy ny mitsara ny toetrantsika mihitsy koa, tahaka izay

Kristy, Mpisolovava antsika

nataon'i Davida ao amin'ny Salamo 51. 5-7— dia taomin'Andriamanitra isika hibanjina ny hazofijaliana, mba hahatsapantsika ny atao hoe ota. Tsy hoe halatsaka ho antsika indray, tsy akory, ny ran'i Kristy —vita indray mandeha izany, ary tsy miverina intsony—, fa ny mba hahatonga antsika hiaiky fa maharikoriko ireo fahotana rehetra, ireo izay vao nataontsika ihany koa, rehefa mandinika izay tsy maintsy niaretan'ny Tompo teo amin'ny hazofijaliana, *noho ny fahotantsika*, isika (fanatitra noho ny ota). Tsy ny hazofijaliana mivantana, tsy akory, no voalaza ao amin'ny Levitikosy 1 ka hatramin'ny 7, fa fampahatsiahivana azy ihany. Ao amin'ny Levitikosy 16 sy ao amin'ny Eksodosy 29 no ahitantsika ny hazofijaliana, izay fototra ahazoantsika manakaiky an'Andriamanitra.

Ny fibanjinantsika izay niaretan'ny Tompo Jesoa tany Golgota noho ny fahotantsika, ihany, no hahatsapantsika fa tena maloto sy maharikoriko tantearaka ny fahotana. Tsy maintsy nafoin'Andriamanitra Izy, teo, ka niaritra ny fanamelohana sy ny fahafatesana, satria “nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany, teo ambonin'ny hazo” (1 Petera 2. 24). Taomina àry isika handini-tena marina, ka halahelo noho izay nataontsika. Tsy hanamaivamaivana ny fahotana intsony isika, na koa hanadino fa ny *hany làlana* ahazoana mamerina indray ny fananana firaisana amin'Andriamanitra, dia ny fiaikena ny heloka eo anatrehan'ny aloha, sy eo anatrehan'ny olona ihany koa, raha izy ireo no nilanja ny vokatr'ilay hadisoantsika.

Ireo fahotana tsy tsapa

Misy zavatra tena manahirana, eto : manota isika, matetika, nefa tsy mahatsapa izany mihitsy, ary indraindray aza dia heverintsika fa zavatra tsara no ataontsika. Tsy mahafa-tsiny antsika, nefa, ny tsy fahalalana. “Raha misy olona manota, satria manao izay tsy tokony hatao, ka mandika ny anankiray amin'ny didin'i Jehovah, nefa tsy fantany izany, (dia) mahameloka azy (izany), ary mitondra ny helony izy” (Levitikosy 5. 17).

Izany no nahatonga an'i Davida hangataka, ao amin'ny Salamo 19, hoe : “Ataovy tsy manan-tsiny aho, ny amin'ny ota izay tsy fantatra.” Mila mahatsapa ny otantsika, aloha, isika, vao ho afaka miaiky izany, araka ny voasoratra ao amin'ny Levitikosy 4. 23, 28, hoe : “Misy mampahafantatra azy ny fahotany izay nataony.” Saingy iza no hampahafantatra izany, raha toa ka hevitra na teny sy zavatra natao tsy misy mpahalala izany ? Iza no handresy lahatra antsika, rehefa mihevi-tena ho marina isika ? Ny fitiavan'Andriamanitra dia efa nanomana ny amin'izany koa : “Anaka, izany zavatra izany no soratako aminareo, mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesoa Kristy, Ilay Marina” (1 Jaona 2. 1). Aoka hovakiansika sy hodinihintsika tsara izany teny izany.

Kristy, Mpisolovava antsika

Ny teny grika hoe “parakletos”, eto, izay adika hoe “mpisolovava”, dia tsy hitantsika afa-tsy ao amin’ny Jaona 14 sy 16 ary ao amin’ny teny izay dini-hintsika. Ao amin’ny Jaona 14 sy 16 moa izy dia adika hoe “Mpananatra”, na “Mpampionona”, ary iantsoana ny Fanahy Masina.

Io raharaha maha-mpisolovava io dia tanterahin’i Jesoa Tompo *ho antsika* any an-danitra amin’izao fotoana izao ; saingy tsy eo anatrehan’Andriamanitra, amin’ny maha-Andriamanitra Azy, satria efa vita sy tanteraka teo amin’ny hazofijaliana ny asa fanavotana antsika ; fa eo anatrehan’ny Ray.

Ao amin’ny iray amin’ireo taratasy tany aloha, dia hitantsika ny maha-Mpisoronabentsika ny Tompo Jesoa, izay mifona ho antsika, eo anatrehan’Andriamanitra, mikasika ny fahalementsika sy ny zava-manjo antsika ety an-tany. Eto, indray, dia ahitantsika ny fifandraisan’ny Tompo Jesoa amin’ny fahotantsika andavanandro. Mpisolovava antsika eo anatrehan’ny Ray kosa Izy, raha sendra manota isika. Tsy hoe Mpisolovava antsika rehefa malahelo ka miaiky ny fahotantsika fotsiny ihany, nefa. Amin’ny fotoana izay hanotako, dia efa misolovava ahy any an-danitra sahady Izy, ary mitsangana hiaro ahy sy ny tombontsoako, eo anatrehan’ny Ray.

Iza io Mpisolovava io ? I Jesoa Kristy, Ilay Marina. Izy no tandrify indrindra ny fahamarinan’ny Ray, sady fahamarinako ihany koa (1 Korintiana 1. 30). Ambonin’izany nefa Izy dia nanatanteraka asam-panavotana lavorary tanteraka, ka tsy avotra noho ny fahotantsika ihany, fa avotra ho an’izao tontolo izao mihitsy. Izy, izany, noho ny maha-Izy Azy sy noho ny asam-panavotana lavorary notanterahiny ka nankasitrahin’ny Ray, dia tonga Mpisolovava ho ahy, raha nanota aho.

Hitantsika teo aloha, nefa, fa aorian’ny fiaikena ny fahotana *irery ihany* no misy ny famelàn-keloka. Noho izany, ny fizarana faharoa amin’ny asa maha-mpisolovava ny Tompo Jesoa, dia ny fikarakarana *antsika* sy ny fitaomana antsika hiaiky ny fahadisoantsika.

Ny fanasana tongotra

Ny alina nanolorana ny Tompo, dia naneho izany asa fanompoana izany Izy, tamin’ny alalana fihetsika iray manambara zavatra. Te hanorina ny Fana-sàn’ny Tompo Izy, dia ilay famantarana ny fiombonan’Ilay Mpamonjy Izay maty, amin’ireo rehetra isan’ny momba ny tenany (1 Korintiana 10. 16-17). Saingy ahoana nefa no hisian’ny fiombonana amin’ny mpianatra izay maloto, sy Ilay Tompo, Izay tsy maintsy ho faty, mba hanafoana ny ota ? Tsy misy afa-tsy ny fitsarana ny maloto (1 Korintiana 11. 26-32).

Araka izany, ny Tompo, Izay mahafantatra tsara hoe iza Izy, noho ny fitiavany tapitra ohatra ka niaritra hatramin’ny farany, dia nandray ny toeran’ny mpanompo ka nanasa ny tongotry ny mpianany. Nampiasain’Andriamanitra ny tsy fahalàlan’i Petera (izay tsy nahatakatra fa izay rehetra nataon’ny Tompo dia tsara, ka na dia tsy azontsika aza, dia tokony hekentsika hatrany), mba hampahafantarana antsika mazava ny dikan’ity fanasana tongotra ity. Ny mpi-anatra dia efa madio, satria efa voasasa tanteraka (nampandroina), tamin’ny alalan’ny fahateraham-baovao. Saingy mba hahazoany *anjara* aminy, ka mba hiainany ny firaisana aminy, dia tsy maintsy nodiovina izy ireo, tamin’ny fahalo-toana nanjo azy ireo tamin’ny fizotrany andavanandro (Jaona 13. 8-11).

Ny nandàvan’i Petera

Asehon’ny filazantsara amintsika, ary amin’ny alalan’ny zavatra nandalovan’i Petera ihany koa, ny fomba anatanterahan’ny Tompo io asa maha-mpisolovava Azy io. Very ny firaisan’i Petera tamin’ny Tompo. Tsy dia nisy toe-javatra lehibe nitranga loatra, nefa, satria na izy tenany, aza, tsy nahatsapa izany, sady tsy nisy nampahafantatra azy rahateo. Rehefa nilaza tamin’ny mpianany nefa ny Tompo fa ho tafintohina ny Aminy izy rehetra, dia hita fa i Petera kosa dia nihevi-tena ho tsara, ka nanambara fa *ny fitiavany* sy ny *maha-mahatoky* azy dia be kokoa noho ny an’ireo mpianatra namany. Hoy moa izy, tamin’ izany : “Na dia ho tafintohina noho ny aminao aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina mandrakizay” (Matio 26. 33). Tsy ho niteny toy izany i Petera, raha tena nanana firaisana tanteraka tamin’ny Tompo. Tsy manan-toerana eto, mantsy, ny nofo sy ny avonavona. Nampiasain’ny Tompo hampitandremana an’i Petera izany teniny izany, nefa koa nataony hampahafantarana azy fa mahalala ny zava-drehetra Izy, mba hahatsiarovan’i Petera izany, rehefa avy nandà Azy izy. Hanampy azy hiarina, amin’izay, ny fieritreretana fa nahafantatra ny zavatra rehetra ny Tompo, saingy tsy mba nanilika azy ; ary hananany toky fa tsy hanilika azy velively, tsy akory, ny Tompo ankehitriny. Fahamoram-po sy fahasavana tsy hay lazaina izany ! Eny, fitiavan-dehibe sy fikarakarana fatratra ! Talohan’ny nanotan’i Petera dia efa nivavaka ho azy ny Tompo, nefa tsy ny hanakanana an’i Satàna tsy haka fanahy azy, tsy akory, no antony. Nila io fahalavoana io i Petera, hianarany mahafantatra ny tenany. Tsy nahatratra izany tanjona izany ny teny mamy sy feno fitiavana nataon’ny Tompo ; ary na ny fampitandremana mavesa-danja naloaky ny vavany, aza, dia tsy nisy vokany (and. 34). Noho izany, tsy ny fanafoanana ny fakàna fanahy an’i Petera no nangatahin’ny Tompo, fa ny tsy hahalevona ny finoany. Ary mba hiarovany azy tsy ho azon’ny hakiviana, taorian’ny nahalavo azy, dia nomen’ny Tompo andraikitra hotanterahina izy, aorian’ny fiverenany.

Kristy, Mpisolovava antsika

Sahirana nihevitra ny tenany loatra nefa i Petera, ka tsy nisy nahataitra ny fieritreretany, na inona na inona. Mety nampalahelo azy ny tenin'ny Tompo mivantana manokana taminy, hoe : “Hay ! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko, na dia ora iray ihany aza, ianareo !” (Matio 26. 40), nefa ireny dia tsy nahatonga azy hahatsapa tena ; ary mbola nandositra koa aza izy, namela ny Tompo ho irery, nanamparan'ny fahavalo ny heriny (Matio 26. 56). Eny, fa na dia efa nandà ny Tompo aza izy, rehefa nanomboka nianiana hoe : “Tsy fantatro *izany Lehilahy izany*” (Matio 26. 72), dia mbola tsy tonga saina ihany (kanefa dia io Petera io ihany no nanambara hoe : “Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona.”) Endrey ! Manao ahoana ny faharatsian'ny fon'ny zanak'olombelona !

Nefa, ô fitiavana mahatalanjona ! Tamin'ny fotoana izay nikapohan'ny miaramila sy namelahany tehamaina ary nandrorany Azy (Matio 26. 67), indrindra, dia nitodika nijery an'i Petera Izy. Io fijerin'ny Tompo azy io, tamin'izay fotoana izay, miampy ny fitamberenan'ny tenin'ny Tompo Jesoa tamin'ny fanenon'ny akoho, no nampisokatra ny mason'i Petera. “Ary rehefa nivoaka teny ivelany izy, dia nitomany fatratra” (Matio 26. 75).

Fanarenana

Tsy nifarana hatreo, tsy akory, ny asa nataon'ny Tompo. Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty Izy dia nandefa hafatra ho an'ny mpianatra, ary nanonona manokana ny anaran'i Petera, tao anatin'izany hafatra izany (Marka 16. 7). Taoriana kelin'izany, dia nanana fihaonana manokana taminy Izy (Lioka 24. 34). Tsy voatititra ao amin'ny filazantsara moa ny resaka nataony, tamin'izany. Manana teny manokana atao amin'ny olony tsirairay avy ny Tompo. Hitantsika koa ny fihaonana nangirifiry nefa tena nahasoa an'i Petera, voalaza ao amin'ny Jaona 21.

Tsy ho nilaza ve *isika* fa tsy nilaina io fampietrena ampahibemaso an'i Petera io ? Rehefa dinihina, tsy mafy loatra ve ny fahitantsika azy ? Nody ihany nefa ny sain'i Petera ! *Nitomany* fatratra izy !

Fa mahafantatra izay tsara indrindra ho an'i Petera Ilay sady mahalala tanteraka ny fon'ny zanak'olombelona, no feno fitiavana mitafotafo ny olony sy maneho izany amin'ny fahendrena tsy misy tomika.

Rehefa tena nitsara tena marina i Petera, tsy ny fihetsiny ihany no melohiny, fa ny tenany mihitsy koa ; rehefa niaiky izy fa nilaina tokoa ny fahala-lalan' Andriamanitra ny zavatra rehetra, mba hahitany ny fitiavana Azy tao anatin'ny, dia afaka nanarina azy tanteraka ny Tompo, ka nanendry azy ho mpiandry ny ondriny sy hamahana ireo ondry keliny sy ny andian'ondriny.

Izany no asa fanompoana tanterahin'ny Tompo, amin'ny maha-mpisolovava antsika Azy, eo anatrehan'ny Ray. Ho nankaiza moa *isika*, raha tsy nanana Azy ho Mpisolovava ? Samy manimba ny firaisana amin'Andriamanitra avokoa

Kristy, Mpisolovava antsika

ny eritreritra maloto sy ny teny foana ary ny fanehoana fahavitan-tena. Ary tsy ho tafaverina amin'ny laoniny velively izany firaisana izany, raha tsy amin'ny fiakena ny fahotana sy ny fitsarana ny tena.

Ilay Mpisolovava ahy dia efa mivavaka ho ahy, mialohan'ny hanotako, mba tsy ho levona ny finoako. Miteny amiko amin'ny alalan'ny Teniny Izy, mba hitarihany ahy handini-tena sy hitandrina, mialoha ny hanatanterahako fahotana iray. Mijery ahy amin'ny fotoana tena ilàna izany indrindra Izy, ka mampiasa ny rahalahy, ny famakian-teny, ny zava-misy, eny, na dia ny akoho aza, raha ilaina izany, mba hampahatsiaro ahy ny teniny. Mitarika ahy handini-tena sy hiaiky ny heloko Izy, mba hampiverina indray ny firaisako amin'ny Ray sy Ilay Zanak. Izy no Mpisolovava ahy, eo anatrehan'ny Ray. Tsy mba miala sasatra velively Izy, mandra-pameriny ahy sy mahatafarina tanteraka ny zava-drehetra. Na dia ao amin'ny toeram-boninahiny aza Izy, ankehitriny, dia mbola manohy manompo ahy ihany ka manasa ny tongotro, mba hahazoako manana anjara aminy, sy mba hahatanteraka sahady ny fifaliako, dieny mbola ety antany.

*Mirary soa ho anareo.
Ilay sakaizanareo H. L. H.*

FAHAMASINANA

Ry sakaiza malala isany,

Mbola te hiresaka aminareo ny amin'ny fahamasinana aho, izao ; nefa mialoha izany, dia ilaina ny mijery izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra momba ny dikan'izany. Raha amin'ny fitenenana andavanandro, aloha, ny antsoin'ny olona hoe masina, dia olona tsy manana fahotana ary tsy manantsiny na fahalemena, na farafaharatsiny, tsy fantatra ho manana an'izany. Araka izany, dia maro ny mpino no diso hevitra ny amin'ny foto-pampianarana momba ny fahamasinana, ka mihevi-tena ho masina, satria tsy tafalatsaka tanatina fahotana hita miharihary.

Toherin'i Paoly moa izany, ka dia hoy izy, ao amin'ny 1 Korintiana 4. 4, hoe : “Tsy hitako izay tsiniko, nefa tsy mahamarina ahy izany.” Ary ao amin'ny Salamo 19. 12 i Davida dia mangataka ny hodiovina amin'izay ota *tsy fantatra*. Jereo koa ao amin'ny 1 Jaona 3. 20 sy Levitikosy 5. Rehefa ho avy ny Tompo, dia “hampiharihary ny zavatra takona ao amin'ny maizina, ka hampiseho ny fikasan'ny fo ; dia samy hahazo izay derany avy amin'Andriamanitra avy izy rehetra” (1 Korintiana 4. 5). Ny tsy fahitantsika intsony zavatra ratsy ao amintsika dia tsy manaporofa velively fa tena tsy misy ratsy intsony tokoa. Nefa ve ny tsirairay tsy mahita zava-dratsy maro ao aminy, rehefa mandinika ny fiainany eo ambanin'ny fahazavan'Andriamanitra, araka ny Tenin'Andriamanitra ?

Ankoatra izany, ny Soratra Masina dia mampiseho amintsika fa tsy mitovy ny fahadiovana sy ny fahamasinana. Ny Eksodosy 28. 38 dia miresaka ny heloky ny zava-masina, ary ny 1 Tantara 23. 28, ny fanadiovana ny zavatra masina. Ao amin'ny Efesiana 1. 4 sy Kolosiana 1. 22 dia voasoratra hoe : mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika. Voavaka tsara, izany, ny atao hoe fahamasinana sy fahadiovana.

Inona no atao hoe fahamasinana ?

Raha jerentsika ireo andininy maro ao amin'ny Soratra Masina miresaka ny atao hoe “masina” sy “fahamasinana”, dia ataoko fa mazava, fa midika hoe fisarahana izany, ary raha ampiharina amintsika izany voambolana izany, dia midika hoe : fisarahana amin'izay rehetra namatotra antsika hatrizay, mba hanokanana antsika ho an'Andriamanitra ; kanefa midika koa izany fa isika dia mitondra ireo marika manokana mampiseho io fiombonantsika amin'Andriamanitra io, sy io fanokanana antsika io. Jereo, ohatra, ny Nomery 6. 1-11. Tsy fe-no ao anatintsika koa ny fahamasinana. “Tsy misy masina tahaka an'i Jeho-

vah, fa tsy misy afa-tsy lanao” (1 Samoela 2. 2). “lanao ihany no masina” (Apokalypsy 15. 4). “Ho masina ianareo, satria masina Aho” (1 Petera 1. 16). Ny Tompo irery ihany no masina tanteraka. Diso izay mampitaha ny tenany amin'ny tenany ihany, araka ny ambaran'ny Soratra Masina : “Tsy hendry ireny, satria manohatra ny tenany amin'ny tenany sy mampitaha ny tenany amin'ny tenany” (2 Korintiana 10. 12). Ary mazava fa Andriamanitra irery ihany no afaka hitsara ny dingana vitantsika, araka ny heviny.

Ao amin'ny Jaona 17. 17 ny Tompo Jesoa mangataka hoe : “Manamasina azy amin'ny fahamarinana ; ny teninao no fahamarinana.” Ny fahamarinana dia izay nambaran'Andriamanitra momba ny tenany, ary avy amin'izany no ahafantarantsika ny toetra, na ny tokony ho toetran'ny fifandraisantsika aminy. Izany no anambaràn'ny Tompo Jesoa fa Izy no fahamarinana (Jaona 14. 6). Izy no nanambara tamintsika an'Andriamanitra (Jaona 1. 18). Toy izany koa, ny tenin'Andriamanitra, izay nanambaràny ny Tenany, dia fahamarinana.

Noho ny fahamarinana —avy amin'ny nambaran'Andriamanitra momba ny Tenany sy ny zony amintsika— dia tafasaraka amin'izay rehetra nangeja antsika hatramin'izay isika, mba ho an'Andriamanitra.

Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia mbola tsy hitantsika, aloha, ny fanambaràna feno ny amin'Andriamanitra. Hita ao fa Izy no Jehovah, Ilay nanana tempoly tetỳ an-tany, izay tiany nonenana, teo afovoan'ny vahoakany. Noho izany, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia mifandraika amin'izany ny fahamasinana. Ny tendrombohitra, ny tanànan'i Jerosalema, ny fiaran'ny fanekena sy ny tempoly, ny mpisorona, ny levita, eny, ny vahoaka rehetra aza, ny fitaovana hanaovana fanompoana, ny fanatitra, sns., izany rehetra izany dia nohamasinina. Nisy ifandraisan'izany rehetra izany tamin'i Jehovah, satria Izy dia nonina teo afovoan'ny vahoakany. “Fahamasinana no mendrika ny tranonao” (Salamo 93. 5). “Amin'izay akaiky Ahy no hisehoako ho masina” (Levitikosy 10. 3).

Fa ankehitriny kosa, Andriamanitra dia efa naseho tanteraka ao amin'ny Tompo Jesoa : Andriamanitra tonga nofo. Na dia tena olona aza ny Tompo, ny mampivavaka ny fanompoany, kosa, dia satria Izy irery ihany no nanambara an'Andriamanitra. Ka rehefa naneho tanteraka izany teo amin'ny hazofijaliana Izy, ka nahazo fanavotana mandrakizay, dia nitsangana tamin'ny maty, ary naka ny toerany teo ankavanan'Andriamanitra. Amin'ny maha-olombelona Azy no nanaovany izany —izany no lazain'ny Jaona 17. 4-5 amintsika.

Amin'ny maha-Andriamanitra Azy, dia nanana ny voninahitra ho mandrakizay Izy, talohan'ny naharina izao tontolo izao. Fa ankehitriny kosa Izy dia afa-mitaky izany voninahitra izany, amin'ny maha-olombelona Azy koa, satria vitany ny asam-pamonjena teo amin'ny hazofijaliana tany Golgota ary nomeny voninahitra tanteraka Andriamanitra. Amin'izao fotoana izao Izy dia mipetraka eo an-tànan-kavanan'Andriamanitra, ao amin'ny voninahiny, amin'ny maha-olona nomem-boninahitra Azy. Olona any an-danitra.

Ny zavatra nokatsahin'Andriamanitra hatrizay dia ny hahatonga antsika hitovy endrika amin'ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro Izy

(Romana 8. 29). Ao amin'ny Jaona 17. 17-19 dia hoy ny Tompo Jesoa : “Ho an'ireto no anamasinako ny tenako.” Izy mihitsy no nanokana ny tenany tao an-danitra, mba ho an'Andriamanitra tanteraka, ary “mba hanamasinan'ny fahamarinana azy ireo” no nanaovany izany. Hitantsika eto ny fatran'ny fahamasinantsika sy ny fomba hahamasina antsika. Tsy inona izany fa i Kristy ao amin'ny voninahitra.

Fahamasinan'ny Fanahy

Rehefa mamaky ny Testamenta Vaovao isika, dia mahita fa fomba roa no ilazana ny fahamasinantsika. Voalohany, dia lazaina fa nohamasinina isika (1 Korintiana 6. 11 ; 2 Tesaloniana 2. 13 ; 1 Petera 1. 2 ; sns.). Noho izany, maro ireo tsongandahatsoratra iantsoana antsika ho olona masina (jereo, ohatra, ny fiantombohan'ireo epistily). Io fanamasinana io dia niseho tamin'ny fahateraham-baovao. Nosarahin'ny Fanahy Masina tamin'ny tontolo nisy antsika isika, tamin'ny nanomezany antsika aim-baovao, ny toetran'Andriamanitra (Jaona 3 ; 2 Petera 1 ; Efesiana 4. 24). Manaraka izany, dia voasoratra fa tokony hanamasina ny tenantsika isika, amin'ny fiainantsika andavanandro (Hebrea 12. 14 ; Efesiana 5. 25-27 ; sns).

Ireo lafiny roa amin'ny fahamasinana ireo dia atambatra ao amin'ny Apokalypsy 22. 11, amin'ny hoe : “Izay masina, aoka mbola hihamasina ihany.”

Tsongandahatsoratra maro no ahitantsika ny fomba fampihàrana izany. Araka ny hitantsika ao amin'ny Romana 8. 29 dia efa notendren'Andriamanitra hitovy endrika amin'ny Zanany isika. Io hevitra io ihany no ambaran'ny Efesiana 1. 4-5, fa amin'ny fomba hafa. Hoy ny ao amin'ny 1 Korintiana 15. 49 : “Toy ny nitondrantsika ny endriky ny amin'ny tany no hitondrantsika ny endrik'ilay any an-danitra (ny Tompo Jesoa) koa.” Lazain'ny 1 Jaona 3. 2 hoe rahoviana izany no ho tanteraka : “Fantatsika fa raha hiseho lzy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika lzy, dia izay tena endriny tokoa.”

Amin'ny tsongandahatsoratra sasany kosa, dia efa mitovy amin'ny Tompo Jesoa isika. Ao amin'ny 1 Jaona 3. 1 dia tsy fantat'izao tontolo izao isika, satria tsy nahalala Azy izao tontolo izao, ary ao amin'ny 1 Jaona 4. 17 dia voalaza fa tahaka Azy isika, eo amin'izao tontolo izao, izany hoe efa eo amin'ny voninahitra.

Ny anton'izany, dia satria miorina amin'ny asam-panavotana nataon'ny Tompo Jesoa ny zavatra rehetra. Raha ny toerana misy antsika, dia efa anantsika ny zavatra rehetra (1 Korintiana 1. 30). Tafasaraka tamin'izao tontolo izao isika, tamin'ny fahateraham-baovao, ary manana ny fiainana mandrakizay. Tanteraka noho ny fanatitra *iray ihany* isika, ary nohamarinina eo imason'Andriamanitra. Zanak'Andriamanitra isika, sady mpandova Azy, ary mipetraka any an-danitra, ao amin'i Kristy (Efesiana 2. 6). Manana ny zavatra rehetra, izany, isika, raha ny amin'ny fanahintsika ; fa mbola tsy mandray anjara amin'

ny zavatra rehetra ny vatantsika ; ary mbola eo ny nofo. Noho izany, ny toerana misy antsika, amin'izao fotoana izao, dia mbola tsy mifanaraka amin'ny toerana nasiana antsika noho ny asam-panavotan'ny Tompo Jesoa.

Fahamasinana iainana

Ireo fampirisihana rehetra —ary izany no tanjon'ny fanompoana rehetra (Efesiana 4. 11-16 ; Kolosiana 1. 28)— dia mikatsaka ny ahatanterahantsika izay ho toetrantsika rahatrizay. Fa hanao ahoana tokoa moa isika rahatrizay ? Hitovy Aminy isika, dia llay olona nomem-boninahitra any an-danitra. Izy koa, izany, no tokony ho fitaratry ny fandehantsika andavanandro. Noho izany, dia voalaza hoe : “Izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia manadio ny tenany, mba hadio tahaka Azy” (1 Jaona 3. 3 ; jereo koa 1 Tesaloniana 3. 12-13).

Ahoana moa no ahafahantsika hitovy Aminy bebe kokoa ? Amin'ny fiezahantsika andavanandro ve ? Sa amin'ny fikatsahana ny hanova ny fiainantsika ka hanana fiainana masimasina kokoa ? Ao amin'ny Romana 7 isika dia mahita olona manao toy izany. Vokany, dia mihiaka izy hoe : “Indrisy ! olo-mahantra aho ! Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity ?” (and. 24).

Manoro làlana tsara kokoa ny Tenin'Andriamanitra : “Isika rehetra kosa, amin'ny tava tsy misarona, dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovàna hahazo izany endrika izany indrindra, avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy” (2 Korintiana 3. 18).

Rehefa mibanjina ny Tompo Jesoa amin'izao maha-lzy Azy ankehitriny izao isika, lzy izay nomem-boninahitra any an-danitra, rehefa mamaky izay rehetra voasoratra momba Azy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra sy mandinika izany, dia miova ny fiainantsika. Voaova ara-môraly isika, hitovy Aminy. Izay zavatra ifantohan'ny fontsika dia hanisy ny tombo-kaseny eo amin'ny fiainantsika.

Toy izany koa ny fahamasinana. Ny ho toetrantsika : mitovy amin'ny Tompo Jesoa nomem-boninahitra, no fatran'ny fahamasinantsika. Ny maso mibanjina Azy no hanatanteraka izany fanamasinana izany. Ny fahamasinana, araka ny karazany sy ny toetrany, dia izay iainantsika rehefa mivelona ao anatintsika i Kristy.

Izany no ilazan'ny Tompo Jesoa hoe : “Ho an'ireto no anamasinako ny tenako, mba hanamasinan'ny fahamarinanao azy” (Jaona 17. 17-19). Amin'izao fotoana izao lzy dia efa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, amin'ny maha-olona nomem-boninahitra Azy : “Izay masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin'ny mpanota, ka natao avo noho ny lanitra” (Hebrea 7. 26), ary ny fibanjinantsika Azy no hahamasina antsika. Milazalaza amintsika ny momba Azy ny fahamarinana, ny Tenin'Andriamanitra, maneho Azy amin'

Fahamasinana

tsika ao amin'ny voninahitry ny Tenany. Ary fenon'ny fahatanterahany sy izay rehetra maha-lzy azy ny fonsika. Amin'izany, ao am-pontsika dia tsy misy toerana intsony ho an'izao tontolo izao na ho an'ny zavatr'izao tontolo izao. Amin'izany, ny fiainantsika dia hiha-mitovy amin'ny Azy, ary ho tafasaraka kokoa amin'izay etỳ an-tany, mba hatokana ho an'Andriamanitra irery. Izany no atao hoe fahamasinana.

Amin'izany làlana izany, dia tsy maintsy matoky ny tsy fivadihan'Andriamanitra isika. “Ho an'izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan'ny voninahiny, amin'ny firavoravoana, ho an'Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontosika, anie, ny voninahitra sy ny fahalehibeazana, ny fanjakana sy ny fahefana, hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay ! Amen” (Joda 24-25 ; jereo koa Matio 19 : 26).

*Manao veloma finaritra anareo.
Ny sakaizanareo H. L. H.*

Ny lanjan'ny famakiana ny Baiboly

NY LANJAN'NY FAMAKIANA NY BAIBOLY

Ry sakaiza malala isany,

Mba te hanontany anareo aho izao, raha mamaky isan'andro ny Baiboly ianareo. Ny tiako holazaina, amin'izany, dia tsy ilay famakiana azy rehefa tafavory ny fianakaviana, angamba eo am-pisakafoana, fa ny famakiana azy ao amin'ny fanginana, rehefa irery iny ny tena. Zava-dehibe tokoa ny anaovanao izany. Ny mpino manamaivana io famakian-teny io, dia tsy mitoetra ao amin'ny fiombonana amin'ny Tompo, ary tsy ho afaka ny tena ho sambatra.

Tsy ho azontsika an-tsaina mihitsy ny hasarobidin'ny Baiboly, satria io no *Tenin'Andriamanitra*. Amin'ny alalany irery ihany no ianarantsika mahafantatra an'Andriamanitra sy ny heviny. Naneho ny tenany tao amin'ny Testamenta Taloha Andriamanitra, tamin'ny Teny nambarany sy nasainy nosoratana. Tao no nanambaràny hoe Iza moa lzy, inona ny zavatra nataony, inona ny tiany hatao, ary ahoana ny fomba tokony hanompoan'ny olona Azy. Dia tonga tetỳ antany ny Zanaka, ary nanambara an'Andriamanitra tamintsika (Jaona 1. 18). Nefa ny Teny ihany no ahafantarantsika izay rehetra mikasika ny Zanaka : ny fahaterahany, ny fiainany sy ny fahafatesany, ny teniny sy ny asa nataony. Ary Andriamanitra Fanahy Masina, izay etỳ an-tany amin'izao fotoana izao ary monina ao anatin'ny mpino tsirairay, dia manambara amintsika ny zava-drehetra, amin'ny alalan'ny Teny. Noho izany, tsy tokony hisy mpino tsy hankafy ny Baiboly. Ary ny fitomboany amin'ny fahasavana sy ny fahafantarany an'i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika, dia mifamatotra amin'ny fitiavany ny Teny sy ny fampiasany izany.

Raha mamaky ny Salamo 119 isika, dia hitantsika fa ny dingana tsirairay eo amin'ny fiainam-panahin'ny mpanoratra ny Salamo dia mifamatotra amin'ny Teny. Voalohany, ilay fiainam-baovao vokatry

Ny fahateraham-baovao

dia asan'ny Teny (and. 93). “Tsy hohadinoiko mandrakizay ny didinao, fa ireny no amelomanao ahy.” Jereo koa ny andininy faha-25, 37, 40, 50, 88, 107, 116, 144, 149, 154, 156, 159 ary 175. Misy andininy sasany, manambara izany mazava koa : “Tamin'ny sitrapony no niterahany antsika, tamin'ny teny fahamarinana” (Jakoba 1. 18). “Efa teraka indray ianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lo, fa tamin'ny tsy mety ho lo, dia ny tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra” (1 Petera 1. 23). Izany koa dia ambaran'ny Tompo ao amin'ny Jaona 3 : “Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra

Ny lanjan'ny famakiana ny Baiboly amin'ny fanjakàn'Andriamanitra izy". Araka ny Efesiana 5. 26 sy tsongandaha-tsoatra hafa, ny rano, ao amin'ny Soratra Masina, dia kisarisarin'ny Teny, ampihariny Fanahy Masina amin'ny olona.

Ny tenin'Andriamanitra dia misarika ny sainan'ny olona mpanota ho eo amin'ny fahazavan'Andriamanitra. Eo no ahitan'ny olona hoe iza Andriamanitra, dia mandini-tena izy, ka miaiky ny fahotany eo anatrehan'Andriamanitra. Izany no fibebahana. Rehefa mandini-tena toy izany ny olona, dia voadio ny fony, ary ny Fanahy Masina no manome azy fiainam-baovao, araka an'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny Teny.

Noho izany rehetra voalaza izany, rehefa miresaka amin'ny tsy mpino isika, hitory ny Filazantsara aminy, dia tsy maintsy mahalala ny tenin'Andriamanitra. Ny tenintsika, irery, tsy hahatonga na oviana na oviana ny olona iray hiova fo. Ny tenin'Andriamanitra ihany no afaka manao izany : "Ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy" (Romana 10. 17). Fa ny tenin'Andriamanitra koa dia

Sakafo ho an'ilay fiainam-baovao

"Endrey ny hamamin'ny teninao, raha andramako ! Mihoatra noho ny tantely ato am-bavako aza !" (Salamo 119. 103). "Irina noho ny volamena ireny, eny, noho ny tena volamena betsaka aza, ary mamy noho ny tantely, eny, noho ny tantely mitete avy amin'ny tohotra" (Salamo 19. 10). Hoy ny Tompo Jesoa : "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra" (Matio 4. 4). Jereo koa Hebreo 5. 12-14 sy 1 Petera 1. 25 ; 2. 2.

Ilay fiainam-baovao novokarin'ny Teny dia mila sakafo mifanaraka amin' izany fiainana izany. Tsy inona izany fa ny Tompo Jesoa, amin'ny maha- 1° Mpamonjy maty Azy (Jaona 6. 56), 2° Ilay nandia ity tany ity, Olona masina sy marina, Azy (Jaona 6. 33), ary 3° Tompo nasandratra Azy any an-danitra, dia Ilay voa avy amin'ny tany (Josoa 5. 11). Tsy misy afa-tsy ao amin'ny Teny no ahitantsika ny Tompo. Ao amin'ny Testamenta Taloha, Izy dia hitantsika ao amin'ireo endrika "aloka" sy kisarisary rehetra, ary koa ao amin'ireo fanambaràn'ny mpaminany. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, Izy dia nambara miharihary tamintsika : tamin'ny fiainany tetỳ an-tany (ao amin'ireo filazantsara, ao amin'ny Asan'ny Apostoly ary ao amin'ny Epistily) sy amin'ny maha-Tompo nasandratra Azy (ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ao amin'ny Epistily ary ao amin'ny Apokalypsy).

Tsy mahagaga raha marefo sy marary ny fiainam-panahin'ny maro, ka tsy mahazaka afa-tsy ronono ara-panahy izy ireny, fa tsy ventin-kanina (Hebreo 5.12-14), raha manamaivana ny fivoriana isan-kerinandro sy ny fandinihana ny Teny, ary tsy mamakafaka izany isam-potoana.

Ny lanjan'ny famakiana ny Baiboly

Tsy mitombo isika, izany hoe tsy hatanjaka mihitsy ny fiainam-panahintsika, raha tsy omentsika sakafo ara-dalàna.

Ny tenin'Andriamanitra no mpitarika antsika

"Inona no hiarovan'ny zatovo ny làlan-kalehany tsy ho voaloto ? Ny fitandremana araka ny teninao." "Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako Aminao." "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny teninao" (Salamo 119. 9, 11, 105).

Hoy Jehovah tamin'i Josoa : "Mahereza sy matanjaha tsara ianao, hitandremana hanao araka ny làlana rehetra, izay nandidian'i Mosesy mpanompo-ko anao ; aza miala aminy, na ho amin'ny ankavanana, na ho amin'ny ankavia, mba hambinina ianao amin'izay rehetra alehanao. Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny làlana ity, fa saintsaino andro aman'alina, hitandremana hanao araka izay rehetra voasoratra eo ; ary amin'izany dia hahalavorary ny làlanao ianao sady hambinina" (Josoa 1. 7-9).

Ao amin'ny Asa 20. 32, raha nahatsapa ireo loza nitatao tamin'ny loholona tao Efesosy i Paoly, dia nanolotra azy ireo "ho amin'Andriamanitra sy ho amin'ny tenin'ny fahasoavany". I Timoty dia miresaka "ny Soratra Masina, izay mampahendry anao ho amin'ny famonjena" (2 Timoty 3. 15).

Ahoana moa no ahafantarantsika hoe inona ny ota, raha tsy mahalala ny tenin'Andriamanitra isika ? Tsy manafaka amin'ny fahamelohana, tsy akory, ny tsy fahalalàna (Levitikosy 5. 17). Ahoana no ahafantarantsika izay mety hatao sy izay araka ny sitrapon'Andriamanitra, raha tsy dinihintsika ny Teniny, izay anambaràny amintsika ny zavatra rehetra ? Ahoana no ahafantarantsika izay fanapahan-kevitra tokony horaisina, eo anoloana toe-javatra voafaritry iray, sy ny làlana tokony hiorana, raha tsy fantatsika ny Teny ?

"Mahazava ny famoahana ny hevity ny teninao, ka manome fahalalàna ho an'ny kely saina." "Ny didinao mampahendry ahy mihoatra noho ny fahavaloko, satria ato amiko mandrakizay ireny. Hendry noho ny mpampianatra ahy rehetra aho, satria ny teny vavolombelonao no fisaintsainako. Hendry noho ny anti-panahy aho, satria ny didinao no notandremako" (Salamo 119. 130, 98-100).

Ny Teny no fiadiana ho antsika

"Ny Tenin'Andriamanitra, ho sabatry ny Fanahy" (Efesiana 6. 17). "Hamaly izay miteny ratsy ahy aho" (Salamo 119. 42).

Toy inona no fampiasan'ny Tompo Jesoa io sabatra io ! Isaky ny manafika i Satàna, dia valiany hoe : "Voasoratra hoe" (Matio 4. 4, 7, 10). Hany ka tsy

maintsy nandositra i Satàna ; tsy nanam-pahefana mihitsy izy, teo anatrehan'ny tenin'Andriamanitra.

Fa ny Tompo koa dia nilaza izao teny izao tamin'ny olona : “Tsy voasoratra (...) va hoe” (Jaona 10. 34), “Ahoana moa izao voasoratra izao” (Lioka 20. 17), sns. “Velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra, ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo. Ary tsy misy zavatra ary, na inona na inona, izay tsy miseho eo anatrehan'ny ; fa ny zavatra rehetra dia mihanjahanja sy aharihary eo imason'izay iafaran'ny ataontsika” (Hebreo 4. 12-13).

Io no hany fiadiansika, sady iarovan-tena amin'i Satàna sy izao tontolo izao, no anafihana koa. Tsy tokony hohadinointsika mihitsy, fa io no tenin'ilay Andriamanitra velona, ka noho izany, mahery io. Raha io no ampiasaintsika, dia ho tsapan'izay rehetra iantefany ny hery avy amin'Andriamanitra. Na tsy manaiky izany aza ilay olona iresahantsika, ka mbola miseho ivelany ihany hoe tsy miraiky sy tsy mankasitraka, dia handresy lahatra azy ihany ny sainy, amin'ny fahamarinan'izay voalaza.

Nahatsapa izany mazava tsara mihitsy aho, indray mandeha, fony mbola tanora. Nizara trakta tao anaty fiaran-dalàmba aho, dia nisy rangahy iray namboka niady hevitra tamiko momba ny fivavahana kristiana. Noraisiko ny Baiboliko, dia namaky andininy iray manohitra izay nolazainy aho. Rehefa nanao izany indroa na intelo aho, dia hoy izy hoe : “O ry ingahy, tsy amin'ny Baiboly anie no tiako hiadiana hevitra, fa aminao e !” Novaliako izy hoe tsy mahalala na inona na inona ankoatra izay ao anaty Baiboly aho. Nanandrana niteny indroa na intelo ihany izy, dia nihodina, sosotra, ary lasa namaky teny. Tsy misy mahatohitra ny tenin'Andriamanitra.

Tamin'izany fotoana izany ihany koa, dia nisy trangan-javatra niseho, mitovitovy amin'izany. Tamin'izay kosa aho tsy nandray ny Baiboliko, fa nanomboka niady hevitra tamin'ilay olona niresahako. Tsy ela akory aho dia nahatsiaro fa resy.

Taona maro lasa, izay, dia teny ambony fiaran-dalàmba feno dia feno mpandeha aho ; nisy mpandeha nitaraina momba ny haratsian'izao vaninandro izao, ary nanamafy fa tsy hisy fiovàna mihitsy izany. Niditra tamin'ny resaka aho, ka nilaza fa azoko antoka fa hisy vaninandro tsara noho izao, ary mbola hiaina izany aho. Dia namakiako andinin-tSoratra Masina vitsivitsy izy. Noharabiany aho, saingy namakiako andininy hafa indray izy, momba ny toetran'ny olona sy ny famonjena ao amin'i Kristy. Nihodina izy, sady niresaka tamin'olon-kafa. Fahefatr'adinny tatỳ aoriana nefa aho dia nasainy niaraka taminy. Nentiny tamina toerana mangingina aho, dia sady nitomany izy no nangataka Baiboly tamiko, satria hoy izy, mba te hanana izany zavatra namakiako teny ho azy izany izy.

Ny fomba fanadiovana

Ny tenin'Andriamanitra koa no hany làlana hahatonga antsika ho voadio sy hohamasinina. “Tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, mba hahamasina azy amin'ny anadiovana azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny” (Efesiana 5. 25-26). “Manamasina azy amin'ny fahamarinana ; ny teninao no fahamarinana” (Jaona 17. 17).

Ny fampiharantsika lalandava ny tenin'Andriamanitra amin'ny fizotrantsika sy ny làlantsika no hany hahatonga ny fiainantsika ho voadio sy hisarahantsika amin'izay mety ho ratsy. Ilay mpisolovava antsika eo imason'ny Ray dia manasa ny tongotsika amin'ny alalan'ny Teny (1 Jaona 2. 2 ; Jaona 13) ; fa ny anjarantsika kosa, dia ny manaiky hosasana tongotra.

“Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao” (Salamo 119. 11). “Tompo ô, izaho mpanomponao dia hazavain'ireny (ny fitsaràn'Andriamanitra) tokoa ; fa lehibe ny tombontsoa ho an'izay mitandrina azy. Mety manao hadisoana ny olona, saingy tsy mahasikaritra akory” (Salamo 19. 12-13 DIEM [dkt. prot. : 11-12]).

Ny tenin'Andriamanitra dia ilay tokana koa.

Fisedrana ny fiainana andavanandro sy ny foto-pampianarana

“Mitandrina ny didinao sy ny teny vavolombenao aho ; fa ny làlan-kalehako rehetra dia eo anatrehanao” (Salamo 119. 168). “Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana” (Apokalypsy 2 sy 3). Ao amin'ny Fiangonana, ny zavatra rehetra dia tokony hodinihantsika daholo amin'ny fanazavana omen'ny Fanahy ny fiangonana, izany hoe amin'ny tenin'Andriamanitra, na ny zavatra momba ny foto-pampianarana izany, na ny momba ny fizotra andavanandro. “Aoka ny mpaminany roa na telo no hiteny, fa aoka ny hafa hamantatra” (1 Korintiana 14. 29).

Fa tokony hosedraintsika amin'ny tenin'Andriamanitra koa ny fandehantsika manokana, ireo hevintsika manokana. Tsy misy lanjany mihitsy, na kely aza, izay mety ho fisainantsika manokana, na inona na inona. Izay lazain'ny tenin'Andriamanitra ihany no tokony hekena (jereo, ohatra, ny Levitikosy 5. 14-19). Ao amin'ny Asa 17.11 dia lazaina fa tsara kokoa noho ireo Jiosy tany Tesalonika ireo tao Beria, satria nandinika, tamin'ny fanazavan'ny tenin'Andriamanitra, ireo fanambaràn'ny apostoly Paoly. Ao amin'ny 1 Korintiana 15. 3-4 dia ny apostoly mihitsy no maneho fa ny foto-pampianarany dia avy amin'ny Soratra Masina.

“Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra” (2 Timoty 3. 16-17).

Fankatoavana sy fanekena

“Ianao namoaka ny didinao mba hotandremana tsara” (Salamo 119. 4). “Amin’ny fitandremana, azy misy valiny lehibe” (Salamo 19. 11). “Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra amin’ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin’ny Raiko sy itoerako amin’ny fitiavany” (Jaona 15. 10). “Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy ; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izhay ka honina ao aminy” (Jaona 14. 23). “Izao no fitiavana an’Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny, sady tsy mavesatra ny didiny” (1 Jaona 5. 3).

Hitantsika amin’izany ny lanja omen’Andriamanitra ny fahafantarana ny Teniny sy ny fankatoavana ny Teniny. Tsy tokony hanontany foana ve isika hoe : “Tompo ô ! Inona no tianao hataoko ?”

Ny fahotana voalohany dia ny fandikana ny tenin’Andriamanitra. Marina tokoa fa ny fahotana dia ny manao na tsy manao zavatra, nefa tsy mieritritra ny fahefan’Andriamanitra amintsika : “ny ota no fandikana ny lalàna” (1 Jaona 3. 4). Koa na inona na inona ataontsika, nefa tsy anontanantsika izay sitrapon’Andriamanitra na tsy ankatoavantsika izany, dia fahotana.

Toy inona ny fiainam-pankatoavana hitantsika ao amin’ny Tompo Jesoa ! Tonga tetỳ an-tany lzy, hanao ny sitrapon’Andriamanitra (Hebreo 10. 7). Tsy maintsy nianatra nankatò lzy, tamin’izany (Hebreo 5. 8), satria zavatra tsy mba fantany izany hoe mankatò izany, noho lzy Andriamanitra mandrakizay. Nefa tetỳ an-tany lzy, dia afaka nilaza hoe : “Izaho manao izay sitrany mandrakariva” (Jaona 8. 29). “Ny haniko dia ny manao ny sitrapon’izay naniraka ahy, sy ny mahavita ny asany” (Jaona 4. 34).

Toy inona ny fijerin’Andriamanitra io Olona io, izay nanana sitrapo lavorary tanteraka sy avy amin’Andriamanitra, nefa tsy nanao afa-tsy ny sitrapon’Andriamanitra tetỳ amin’izao tontolo izao, tontolo tsy misy afa-tsy olona manao izay nahim-pony avy !

Ka ho toy inona ny hafalian’Andriamanitra, raha mahita, ankehitriny, olona maniry sy faly hanompo Azy ary marisika mandinika ny Teniny, mba hianatra hahalala Azy sy ny sitrapony !

Tsy hay saintsainina ny lanjan’ny famakiana ny Tenin’Andriamanitra, ho antsika, ny lanjan’izany amin’ny fiainantsika andavanandro, hianarantsika mahalala Azy avy amin’izany ! Ho faly ny fontsika, satria hahita eo ny voninahitry ny Tompo sy izay rehetra nomanin’ny fitiavan’Andriamanitra ho antsika. Mianatra ny hahalala bebe kokoa hatrany izany voninahitra izany isika, ka afaka hahalala kokoa ireo hevitr’Andriamanitra ; ary amin’izany isika dia manomana fiadiana ho azontsika ampiasaina, na hiarovantsika tena amin’ny fanafihan’i Satàna izany, na hanafihantsika koa, izany hoe hiresahantsika amin’ny olona momba ny famonjena ny fanahiny.

Izay mitaraina hoe ny fitadidiany dia toy ny fitatavànana tsy mitana na inona na inona, dia tokony hahalala fa na tsy mitana na inona na inona aza ny fitatavànana, dia voadio ihany. Ny rano dia mifaoka ny fakofakon-doto rehetra. Toy izany koa ny tenin’Andriamanitra. Aza vakiana fotsiny ny Teny, fa *saintsaino*. Ampiasao amim-pankasitrahana koa ireo asasoratra misy, nefa sedrao amin’ny fanazavan’ny Teny avokoa ny zavatra rehetra. Aza avela haka ny toeran’ny tenin’Andriamanitra, mihitsy, izay rehetra mety ho famelabelarana, na inona na inona, satria ho fitaka feno fangidiana izany.

“Anaka, raha raisinao ny teniko, ary raketinao ao am-ponao ny didiko, ka atongilanao amin’ny fahendrena ny sofinao, ary ampitandremanao fahalalàna ny fonao ; eny, raha miantso ny fahalalàna ianao ary manandratra ny feonao hahazo saina, raha mitady azy toy ny fitady volafotsy ianao ary mikatsaka azy toy ny mikatsaka harena afenina, dia ho fantatrao marina ny fatahorana an’i Jehovah, ary ho hitanao ny fahalalàna an’Andriamanitra” (Ohabolana 2. 1-5).

Manao veloma finaritra anareo.

H. L. H.

MIVAVAKA

Ry sakaiza malala isany,

Tamin'ny taratasiko farany aho dia nitaona anareo hisaina momba ny famakiana ny tenin'Andriamanitra. *Izao* aho dia te hanontany anareo hoe manao ahoana ny fiainam-bavakareo. Samy mavesa-danja indrindra ireo zavatra roa loha ireo, satria tena mifamatotra tanteraka. Raha ny tenin'Andriamanitra fotsiny no vakiana, ka atao an-tsirambina ny vavaka, dia avonavona sy fireharehana no ho vokatr'izany. Raha mionona amin'ny vavaka fotsiny, fa tsy mamaky ny Teny, dia fizirizirin-tsaina no ho tonga, sy ny fahajambana tsy maintsy miaraka aminy, satria tsy fantatra ny hevitr'Andriamanitra. Marina tokoa fa ny tsy fianarana ny tenin'Andriamanitra dia porofo fa tsy raharahana ny fihevitr'Andriamanitra sy ny zony. Noho izany, raha izay no miseho, dia ny sitraponao manokana no hifehy ny fiainam-bavakao, ary ny "izaho" no lasa ivony, na dia miseho ho mpivavaka aza io "izaho" io, ohatra, amin'ny farisihany mitory ny filazantsara na zavatra hafa. Fa rehefa ampiarahina amin'ny fandinihana ny tenin'Andriamanitra kosa ny vavaka, dia fitahiana lehibe ho an'ny fiainam-panahy no vokany.

Ao amin'ny Soratra Masina, dia tsindriana mafy ny momba ny vavaka. Nomboka ny asany tamin'ny vavaka ny Tompo Jesoa (Lioka 3. 21). Niforona ny fiangonana, ary olona telo arivo no niova fo, taorian'ny fivoriam-bavaka nandritra ny folo andro (Asa 1. 13-14), ny asa lehibe natao tamin'ny jentilisa dia niantomboka niaraka tamin'ny vavaka (Asa 13. 2-3), ary toy izany koa, tamin'ny fampidirana ny Filazantsara tany Eoropa, dia nifamatotra tao ny tenin'Andriamanitra sy ny vavaka (Asa 16. 9-13). Namela ampahany tamin'ny raharaha nosahaniny teo aloha ny apostoly roa ambin'ny folo lahy, mba haharitra amin'ny vavaka sy ny fampianarana ny Tenin'Andriamanitra (Asa 6. 4). Rehefa vakiana ny Asan'ny apostoly, dia toa tsy nanao afa-tsy ny nitoriteny i Paoly ; ary rehefa ny epistily no vakiana, dia toa tsy nanao afa-tsy ny nivavaka izy. Jereo, ohatra : Romana 1. 9-10 ; 1 Korintiana 1. 4 ; Efesiana 1. 16 ; 3. 14 ; Filipiana 1. 4 ; Kolosiana 1. 3, 9 ; 1 Tesaloniana 1. 2. Ary izao no lazain'ny tenin'Andriamanitra amintsika : "Mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy, amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana" (Efesiana 6. 18), ary koa "Mivavaha, ka aza mitsahatra" (1 Tesaloniana 5. 17). Ary averimbrimbeny matetika amintsika izany, ao amin'ny tsongandahatsoratra maro ao amin'ny Soratra Masina.

Ny mivavaka dia mariky ny fahateraham-baovao

Ny mivavaka dia tsy mitovy amin'ny "mitanisa vavaka", tsy akory. An'arivony maro ny vavaka tanisaina isan'andro. Indray mandeha aza, dia izao no voasoratra tamina gazety amerikana iray mitantara ny zava-niseho tamina fanompoam-pivavahana : "Ny vavaka nataony no tena mirindra indrindra, miohatra amin'ny vavaka rehetra natao teo anoloan'ny fiangonana tao Boston." Mampahatsiahy ny nolazain'ny Tompo tamin'ny Fariseo izany : manao vavaka lava reny, mba ho fiolahana (Marka 12. 40).

Ny tena kristiana marina ihany no tena afaka mivavaka marina. Ny vavaka dia fanehoana ilay fiainam-baovao, izay nomen'Andriamanitra ary miaina ny fiainanana Aminy. Tsy midika tsy akory izany, hoe tsy mihaino mihitsy ny vavaka ataon'ny olona mbola tsy niova fo Andriamanitra. Ren'Andriamanitra ny feon'ny zana-goaika, ary omeny hanina izy ireny. Toy izany koa, mety mihaino ny vavaky ny tsy mpino Andriamanitra, rehefa avy amin'ny fo no anaovany izany. Tadidio fotsiny ny ao amin'ny Genesisy 21. 17 sy Jona 1. 14.

Nefa na dia nanonona vavaka an-jatony aza i Paoly fony izy mbola Fariseo, ary angamba tena vokatry ny fony, dia hoy ny Tompo tamin'i Ananiasy, nony niova fo i Paoly : "Indro, efa mivavaka izy." Izany dia porofon'ny fiovàny, porofo fa nandray fiainam-baovao izy, ka miankina amin'Andriamanitra.

Mahatsapa ny fiankinany ilay fiainam-baovao ary mampiseho izany, toy ny zaza menavava mamoaika tomany sy feo tsy fantatry ny olon-dehibe, ary tsy dia mahafinaritra henoina loatra. Nefa Andriamanitra dia mihaino vavaka tsy mirindra, na toa adaladala mihitsy aza, matetika. Ho an'ny fony, amin'ny maha-Ray Azy, dia mariky ny fanankinan-tenan'ilay fiainam-baovao aminy izany. Ary araka ny harenan'ny fitiavany, amin'ny maha-Ray Azy, dia "manome zavatra tsara" ho an'ilay mivavaka izy.

Tsy voatokana ho an'ny mpino efa manana traikefa ny vavaka

Marina izany, nefa raha toa ny olona vao niova fo mbola tsy tena mahay hoe *ahoana* ny fomba ivavahana, sady tsy mahalala raha marina ny vavaka ataony, tsy ho tsara ve raha miandry kely aloha izy ?

Vao am-bolana vitsy fotsiny no niova fo ireo Tesaloniana, raha nanoratra ny epistily voalohany ho azy ireo i Paoly ; nefa dia hoy izy hoe : "Mivavaha, ka aza mitsahatra" (5. 17). Ary mihoatra noho izany aza ! izy, ilay apostoly lehibe, izay nampiova fo azy ireo tamin'ny toriteniny ary nampianatra azy ireo ny fihevitr'Andriamanitra, dia nankasitraka ny vavak'izy ireo : "Ry rahalahy, mivavaha ho anay" (5. 25).

Aseho antsika, amin'izany, ny lanjan'ny vavaka sy ny fankasitranan'Andriamanitra izany. Dia hisy ve ray aman-dreny ho faly satria tsy miresaka na man-

gataka na inona na inona aminy mihitsy ny zanany, noho izy mbola tsy mahay miteny tsara, na koa satria mangataka zavatra tsy azon'ny ray aman-dreny omena izy indraindray, sao ratsy ho azy ? Ka noho izany, faly Andriamanitra mahita ireo zanany, izay vao nateraka indray, manatona Azy, matoky Azy, ary mametraka ny olany rehetra eo aminy. Fialiana ho Azy ny mamaly vavaka, ary raha tsy mamaly aza Izy, satria tsy hahasoa an'ilay mpangataka izany, dia manome fiadanana ho an'ny fony. "Aza manahy na inona na inona ; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra, amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanana'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesoa" (Filipiana 4. 6-7).

Fatokiana fa hahazo valim-bavaka

Izao no voasoratra ao amin'ny Romana 8. 31-32 : "Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika ? Izay tsy niaro ny Zanany lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra ?" Ary hoy ny Tompo Jesoa ao amin'ny Jaona 16. 27 : "Ny Ray dia tia anareo."

Raha momba antsika ilay Andriamanitra Tsitoha, raha tia antsika Izy ka te hanome ny zavatra rehetra ho antsika, dia toy inona tokoa ny herin'ny vavaka !

Nefa tsy izany ihany ! Ao amin'ny Jaona 14. 13-14 ny Tompo Jesoa dia mamela antsika hivavaka amin'ny anarany, ary mampanantena fa hohenoiny ny vavaka toy izany. Ampiany ao amin'ny Jaona 16. 23, hoe : "*Na inona na inona* hangatahinareo amin'ny Ray, dia homeny anareo amin'ny anarako izany." Tsy misy famerana, tsy misy fisalasalana.

Misongadina tsara koa izany, raha dinihintsika ny fiainan'ny Tompo Jesoa ao amin'ny Soratra Masina. Ao amin'ny Salamo 109. 4 dia milaza ny Tompo Jesoa fa nanokana ny fiainany tetỳ an-tany, ho amin'ny vavaka. Izay no nampivavaka Azy. Tena Olona tanteraka Izy, ary ny tena maha-olona, marina, dia ny fiankinana amin'Andriamanitra. Andriamanitra Mpahary dia tsy nahary ny olona hahaleo tena, ary satria ny olona tsy te hiankina amin'Andriamanitra, dia lasa miankina amin'ny devoly.

Ao amin'ny Tompo Jesoa no ahitantsika Olona marina sy tanteraka, ka noho izany, ahitantsika ny atao hoe fanankinan-tena tanteraka. Ao amin'ny Isaia 50. 4 no ilazany hoe : "Ampandrenesiny isa-maraina isa-maraina, eny, ampandrenesiny ny sofiko hihaino tahaka ny efa mahay." Hitantsika ao amin'ny Filazantsara ny fiainam-bavaka nananany.

Ao amin'ny Filazantsara nosoratan'i Lioka, ny Tompo dia aseho antsika amin'ny lafiny maha-Olona tanteraka Azy, toy ny Zanak'olona. Hitantsika ao amin'io filazantsara io ny Tompo mivavaka im-balo, ary, indraindray, mandany ny alina manontolo mihitsy, mivavaka (3. 21 ; 5. 16 ; 6. 12 ; 9. 18, 29 ; 11. 1 ;

22. 41 sy 23. 34). Impito isika no mahita azy mivavaka mandritra ny fanompoany, talohan'ny hazofijaliana, ary indray mandeha talohan'ny hahafatesany, teo amin'ny hazofijaliana. Mahavariana tokoa ny mandinika ny zava-niseho tamin'ny nivavahan'ny Tompo Jesoa, satria misy lesona goavana azo tsoahina amin'izany, ary diboky ny fitiavana Azy ny fontsika ; fa tsy hiresaka izany aloha aho, izao. Tiako fotsiny ny hisarika ny saintsika fa ny Tompo Jesoa, izay nahery nivavaka tokoa, dia afaka nilaza hoe : "Raha izaho, dia fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva lanao" (Jaona 11. 42). Izay vavaka rehetra nataony dia nohenoina avokoa, ary fantatry ny Tompo Jesoa mialoha izany, eny fa na dia fony Izy hanangana olona maty efa nalevina efatra andro aza.

Indroa Andriamanitra no nanao fanambaràna miharihary, momba Azy : "*Ilanao* no Zanako malalako, lanao no sitrako", ary izany dia satria nivavaka ny Tompo (Lioka 3. 21, 22 sy 9. 35, ampitovio amin'ny Matio 17. 5) ; ary hoy ny Tompo Jesoa : "Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'Izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany" (Jaona 4. 34) ary koa "... satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva" (Jaona 8. 29). Noho izany, novalian'Andriamanitra daholo izay zavatra nangatahin'ny, satria nifanaraka tanteraka tamin'ny fisainan'Andriamanitra ary tsy nikatsaka afa-tsy ny voninahitr'Andriamanitra.

Noho izany, raha mivavaka amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa isika, dia afa-ka matoky fa hovaliana, satria ny vavaka ataontsika dia miakatra eo anoloan'Andriamanitra, toy ny hoe vavaka ataon'ny Tompo Jesoa tenany mihitsy, ka mahazo valiny hatrany.

Inona no dikan'ny hoe mivavaka amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa ?

Afaka mametraka izany fanontaniana izany isika, satria efa hitantsika ny vokatry ny vavaka toy izany. Ny dikany dia hoe mivavaka amin'Andriamanitra amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa.

Midika ve izany fa tokony hofaranantsika amin'ny hoe "Amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa" ny vavaka ataontsika, izay angatahantsika izay rehetra heverintsika ho tsy maintsy ilaina ? Matetika isika no misaina sy manao izany, nefa na izany aza, dia tsy marina izany.

Ny mivavaka amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa dia midika hoe mivavaka *misolo toerana* Azy, ka noho izany, dia misalotra ny fahefany rehetra sy ny zony. Noho izany, ny vavaka atao dia tsy maintsy manana ny toetran'ny vavaky ny Tompo Jesoa.

Raha misy olona mankany amina mpivaroboky, hividly Baiboly, satria nirahin'olona iray fantatrilay mpivarotra fa mpino azo antoka, dia ho mora amin'io mpivarotra io ny hino azy. Nefa raha tonga izy hividly karatra ilalaovana sy boky misy tantara mamoafady, dia tsy hino azy ilay mpivarotra. Satria ilay mpiva-

rotra mahalala ilay mpino, dia fantany fa tsy hitady izany zavatra izany io olona io, ka noho izany, tsy amin'ny anaran'io mpino io no ahatongavan'ilay mpividy.

Dia tahaka izany, ny vavaka atao amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa dia tsy maintsy manana ny toetran'ny vavaka ataon'Izy Tompo mihitsy. Voalohany, maneho fiankinana tanteraka izany ; manaraka izany, ny vavaka toy izany dia tsy manana antony hafa ankoatra ny voninahitr'Andriamanitra ; ary fahatelo, mifanaraka tanteraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra izany.

Fepetra ilaina, mba hahazoana valim-bavaka

Ao amin'ny Jaona 15. 7 dia hoy ny Tompo : “Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo, na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.”

Hitantsika eto ny fanomezan-toky ngeza indrindra fa omen'Andriamanitra antsika izay tadiavintsika. Tsy misy fanavahana izany. Mety hisy mihoatra noho ny hoe “*izay tianareo, na inona na inona*” ve ? —“Angataho izay tianareo, na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.”

Io fanomezan-toky io, nefa, dia aorian'ny hoe : “Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko”. Io, izany, no fepetra hahatanterahan'ilay vavaka. Raha miray amin'ny Tompo Jesoa isika, dia hitovy Aminy bebe kokoa hatrany. Raha *mitoetra ao anatinantsika* ny teniny, ny fihetseham-pontsika, ny zavatra omentsika lanja, ary izay *tiantantsika* dia hifanaraka amin'ny fihetseham-pony, ny tombontsoany sy ny sitrapony, ary ho fantantsika fa tena araka ny sitrapon'Andriamanitra izany. Koa teny fampanantenana toy io ihany no omena ao amin'ny Jaona 16. 23-27 : “... satria ianareo efa tia Ahy, ary efa nino fa nivoaka avy tamin'ny Ray Aho.”

Mbola misy fepetra iray hafa, lazaina ao amin'ny Hebreo 11. 6 : “Izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino.” “Aoka hangataka amin'ny finoana izy, ka tsy hiahahanana akory ; fa izay miahahanana dia toy ny alondranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo izany olona izany” (Jakoba 1. 6-8).

Mamaly ny finoana Andriamanitra. Ahoana moa no hamaliany vavaka, raha tsy tena matoky Azy ilay mpangataka, ka mino fa hataon'Andriamanitra izany ?

Ao amin'ny Matio 21. 21-23 dia misy zavatra toy izany ihany koa, lazain'ny Tompo. Ny anampiny an'izay, nefa, dia ny porofon'ny finoana.

Indray andro, dia nisy mpanao tsingeringerina niampita ny riandranon'ny Niagara (renirano mampisaraka an'i Canada sy Etazonia) tambonina tady. Niverina fanindroany indray izy, nitondra biroety ; dia indray mandeha koa, nitondra sariolona mitovy habe amin'olona. Dia nanontany ny mpijery izy, raha mino izy ireo fa afaka hiampita mitondra olona velona izy ; nihiaka daholo ny re-

hetra, hoe eny. Nefa nony nangataka olona tsara sitrapo hampitainy izy, dia tsy nisy sahy nandroso.

Izany no antony iresahan'ny Tompo, tsy ny finoana ihany, fa koa ny *porofon'ny finoantsika*, miseho rehefa miteny amin'ny tendrombohitra isika hoe : “Mifindrà ianao, ka mianjerà any an-dranomasina” (Matio 21. 21).

Ireo sakana amin'ny valim-bavaka

Nahoana àry no maro dia maro tokoa ny vavaka tsy mahazo valiny ? Manome antony maro antsika ny Soratra Masina.

Ao amin'ny Daniela 10 dia hitantsika fa misy vavaka, izay tsara tokoa, nefa tsy valiana, satria mampiasa ny heriny rehetra i Satàna tsy hahatanteraka izany. Tsy ho hatramin'ny farany izany, fa raha avelan'Andriamanitra izy, dia afaka ny mampihemotra tsy hahatanteraka izany eo no ho eo. Ary avelan'Andriamanitra hisy izany, indraindray, hisedrana ny finoantsika sy ny faharetantsika.

Mety hisy koa, nefa, antony avy ao anatinantsika, izay tsy ahafahan'Andriamanitra mamaly ny vavaka ataontsika. Ao amin'ny Isaia 59. 2 dia izao no nola-zaina tamin'i Israely : “Ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino lzy.” Hoy ny mpanao Salamo : “Raha nankasitraka ota tao am-po-ko aho, dia tsy mba mihaino ny Tompo” (Salamo 66. 18). Hoy ny ao amin'ny 1 Jaona 3. 21-22 : “Raha tsy mba manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan'Andriamanitra isika. Ary na inona na inona no angatahintsika, dia raisintsika aminy, satria mitandrana ny didiny sy manao izay ankasitrahina eo imasony isika.”

Ny Soratra Masina dia mitanisa anaran-javatra maro momba izay anamelohan'ny fontsika antsika ka tsy amaliana ny vavaka ataontsika.

Ao amin'ny Marka 11.22-26 dia voalaza ny tsy fahavononana hamela heloka (jereo koa ny Efesiana 4.32). Ny ahafahantsika manatona an'Andriamanitra, dia satria efa navelan'Andriamanitra ny fahotantsika, noho i Kristy. Ahoana moa no hananantsika fahasahiana, raha tsy navelantsika tamin'ny fontsika manontolo koa izay *rehetra* nataon'olona antsika ?

Hoy i Jakoba : “Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filànaireo” (Jakoba 4. 3). Raha mangataka amin'Andriamanitra zavatra hahafa-po ny filàn'ny fontsika isika, ny sitrapon'ny *nofo*, ahoana moa no hanomezan'Andriamanitra antsika izany ? Halan'Andriamanitra ny nofo, ary efa nomelohiny teo amin'ny hazofijaliana (Romana 8. 3). Miantso antsika lzy mba hanao ny tenantsika ho efa maty ny amin'ny ota (Romana 6. 11), ka hamono ny momba ny tenantsika izay ety an-tany (Kolosiana 3. 5-17). “Izay an'i Kristy Jesoa dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filàny tamin'ny hazofijaliana” (Galatiana 5. 24). Ny fangatahana zavatra toy izany, ve, tsy efa porofo fa tsy mitoetra ao anatinantsika ny tenin'ny Tom-

po Jesoa (Jaona 15. 7), ka mifanohitra tanteraka amin'ny fisainan'ny Tompo sy ny sitrapon'Andriamanitra ny hevitsika ?

Mbola misy antony iray hafa koa, ambara ao amin'ny 1 Petera 3. 1-7. Ny fomba fifandraisana ao an-tokantrano, eo amin'ny mpivady, eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, eo amin'ny samy ankizy aza, dia mety hanapaka ny vavaka. Ahoana moa no hananantsika fahasahiana eo imason'Andriamanitra raha tsy milamina daholo ny ao amin'ny fianakaviana, na raha mbola misy olana tsy voavaha !

Mivavaka araka ny sitrapony

Noho izany, ny zavatra voalohany, aloha, dia ny mandinika ny tenantsika ao amin'ny fahazavan'Andriamanitra, miaiky izay rehetra ratsy eo imason'ny Tompo, ary raha ilaina, eo imason'ny olona, ka manadio ny tenantsika noho izany fitsaràntsika ny tenantsika izany. Dia hanana fahasahiana eo imason'Andriamanitra isika.

Manaraka izany, mba ahazoana antoka fa hahazo izay angatahintsika amin'Andriamanitra isika, dia tsy maintsy mivavaka araka ny sitrapony. Ka ahoana àry no ahafantarantsika ny sitrapon'ny Raintsika ? Nampitainy tamin-tsika tamin'ny Teniny ny heviny, ka raha miray aminy isan'andro isika, dia hahay hamantatra ny heviny ao amin'ny Teniny, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Izany no maha-zava-dehibe ny fianarana isan'andro ny Teniny. Ahoana moa no hanatanterahan'Andriamanitra vavaka angatahantsika zavatra efa nomeny antsika hatry ny ela ? Ohatra, ny fidinan'ny Fanahy Masina, nefa ny So-ratra Masina dia mampianatra mazava fa efa nomena ny Fanahy Masina, ary mitoetra etỳ an-tany ankehitriny, dia ao amin'ny Fiangonana sy ao amin'ny mpino tsirairay ! Na koa ny fanafahana amin'ny ota ao anatintsika, nefa efa nomelohin'Andriamanitra tao amin'ny Tompo Jesoa teo ambony hazofijaliana izany (Romana 8. 3 ; 2 Korintiana 5. 21).

Amin'ny Teniny sy amin'ny fiombonana amin'ny Tompo isan'andro no ianarantsika mahalala ny sitrapon'Andriamanitra. Amin'izany no ahafahantsika mivavaka araka ny sitrapony ka ahazoantsika antoka fa ho tanteraka ny vavaka ataontsika.

Mivavaka tsy mitsahatra

Ka raha izany, ny mpino efa lasa lavitra, ireo izay efa nandalina ny tenin'Andriamanitra ihany, izany, no afaka mivavaka ?

Soa ihany fa tsy izany ! Hiteny amin'ny zanany ve ny ray aman-dreny hoe tsy mahazo mangataka na inona na inona aminy intsony, alohan'ny hahalehibe azy, satria mbola mibadabada, ary indraindray aza, mangataka zavatra

adaladala ? Tsia ! Faly izy ireo, satria manatona azy miaraka amin'ny fangatahany ilay zaza. Ho azy ireo, dia izany no porofo fa resy lahatra ilay zaza fa izy ireo no ray aman-dreniny, ary tsy afaka hamaha olana izy raha tsy misy azy ireo. Mampiseho izy fa matoky azy ireo, ary na dia tsy mazava tsara ao antsaingy aza izany, indraindray, dia miandrindra ny fitiavan'izy ireo sy ny fikarakaràny ilay zaza.

Andriamanitra Raintsika dia tena faly mihitsy mandre ny feontsika, rehefa manatona Azy isika. Zanany isika. Hoy ny Tompo mantsy an'i Paoly, izay vao niova fo : “Indro, efa mivavaka izy.” Nasainy nosoratan'i Paoly ho an'ny Tesaloniana koa, izay vao niova fo, hoe : “Mivavaha, ka aza mitsahatra.” Ary io apostoly ngezalaha io, izay azo antoka fa nahatonga olona alikisa hiova fo noho ny toriteny nataony tamin'izany fotoana izany, izay nahazo fanambaràna manokana nanehoan'Andriamanitra taminy ny fisainany rehetra, eny, izy izay tany amin'ny lanitra fahatelo, “mandre teny tsy azo tenenina sady tsy tokony holazain'olona” (2 Korintiana 12. 2-4), io apostoly io dia natoky tanteraka ny herin'ny vavaka, ka nangataka tamin'ireo vao niova fo hoe : “Ry rahalahy, mivavaha ho anay” (1 Tesaloniana 5. 17,25). Ny porofo mazava indrindra hoe mandroso ny mpino iray, dia ny fahatsapany bebe kokoa hatrany ny lanjan'ny vavaka —eny, tsy misy dikany ny zavatra rehetra raha tsy misy vavaka.

Hoy Andriamanitra Raintsika amintsika, hoe : “Aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra, amin'ny zavatra rehetra.” Ary raha sanatria isika, indraindray, mangataka aminy zavatra tsy voahevitra, tsy azon'ny fitiavany omena antsika, dia mampanantena kosa izy fa “ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalàna rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo, ao amin'i Kristy Jesoa” (Filipiana 4. 6-7). Enga anie ka hotarihin'ny Tompo isika, izaho sy ianao, mba hahatsapa bebe kokoa hatrany ny lanjan'ny vavaka, ka hampiasa bebe kokoa io tombondahiny goavana io. Ho toy inona ny fahasambaran'ny fontsika, ary hanao ahoana ny lanjan'ny fijoroantsika ho vavolombelona, eo amin'ny fiainantsika !

*Manao veloma finaritra anareo.
Ny rahalahinareo ao amin'ny Tompo.
H. L. H.*

VITA BATISA VE IANAO ?

Ry sakaiza malala isany,

Saika hiresaka aminareo momba ny Fanasàn'ny Tompo aho, nefa misy lo-hahevitra iray tokony hodinihina, alohan'izany : Vita batisa ve ianareo ?

Manan-danja tokoa izany fanontaniana izany. Hoy ny tenin'Andriamanitra : “Izay mino sy atao batisa no hovonjena” (Marka 16.16a). Ary ao amin'ny 1 Petera 3. 21 dia lazaina, momba ny batisa, fa “mamonjy anareo koa ankehitriny ... izay tenan'io tandindona io”. Raha bangoina, amin'ireo teny ireo sy amin'ny hafa koa, dia ny famonjena mifandraika amin'ny batisa no resahina.

Toa vaovao aminareo izany hevitra izany, ary toa mifanipaka amin'izay no-soratako taminareo momba ny ilàna ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesoa Kristy, mba ho voavonjy. Ny olana dia satria rehefa miresaka “famondjena”, dia ny hoe “mankany an-danitra” na “miova fo sy voavela heloka” no ao an-tsaina, matetika. Nefa ao amin'ny Soratra Masina dia misy hevitra hafa ihany koa ny hoe “famondjena”. Hita mazava tsara izany ao amin'ny Asa 2. 40 : “Aoka hovonjena ho afaka amin'ity taranaka maditra ity ianareo.” Eto, dia tsy mety mihitsy ny mandika izany hoe “mankany an-danitra”, na “mahazo famelàn-keloka”.

Tsy misy ifandraisany amin'ny fankanesana any an-danitra ny batisa. Ny fifandraisantsika mandrakizay amin'Andriamanitra, ny toerana hisy antsika amin'ny mandrakizay, dia miankina amin'ny fiakentsika heloka eo anatrehan' Andriamanitra sy ny finoantsika ny Tompo Jesoa. Tsy natao batisa mihitsy ilay jiolahy teo ambony hazofijaliana, nefa dia nilazan'ny Tompo hoe : “Anio ihany dia ho tafaraka amiko any am-paradisa ianao” (Lioka 23. 43 DIEM). Ary tatỳ aoriana, dia an'arivony ireo olona niova fo teo ambavahoana, ka lasa any amin'ny Tompo Jesoa, na dia tsy natao batisa velively aza.

Fa ho an'ny toerana misy antsika etỳ an-tany, kosa, dia misy dikany lehibe ny batisa. Ny Jiosy izay nino ny teny nolazain'i Petera tamin'ny Pentekosta, dia nanamarika tamin'ny batisa ny fisarahany tamin'ny vahoaka jiosy, izay mbola teo ambany fanamelohan'Andriamanitra, noho ny nandavany an'i Kristy. Izany fitsarana izany dia efa tanteraka, tamin'ny fanafihan'ny miaramila romana notarihin'i Titosy tamin'ny taona 70. Nefa ny tenin'Andriamanitra dia mbola mihatra ihany amin'ny vahoakany, amin'izao fotoana izao. Hianjera amin'ity tontolo izay meloka ity ny fahatezeran'ny lanitra. Ireo izay mino sy atao batisa dia misaraka amin'izao tontolo izao sy ny fanamelohana azy. Ny batisa, izany, dia kisarisary maneho ny famondjena antsika ankehitriny, araka ny voalaza ao amin'ny 1 Petera 3. 21.

Inona no dikan'ny batisa ?

Ny batisa dia nekena tamin'ny ankapobeny teo amin'ny Jiosy. Amin'ilay natao hoe batisan'ny proselyta, ny jentilisa iray dia nisaraka tamin'ny fireneny ka niaraka tamin'i Israely. Hitantsika maneho izany hevitra izany koa i Jaona Mpanao batisa. Nilaza izy fa efa akaiky ny fitsarana ny Jiosy (Lioka 3. 7-9, 16-20). Ireo izay nino ny teniny dia natao batisa ary nisaraka tamin'ny sarababem-bahoaka tsy nino. Nasain'ny Tompo Jesoa natao batisa lzy, mba hahatonga azy ho isan'ireo Sisa tavela mino. Niditra teo amin'ny vavahady lzy, ho ao amin'ny valan'ondry (Jaona 10. 1-3).

Io hevitra io koa no ambara mazava amin'ny atao hoe batisa kristiana.

Ao amin'ny filazantsara araka an'i Matio, ny Tompo dia aseho ho toy ilay Mpanjakan'i Israely. Koa amin'izany, raha naniraka ny mpianany hitory ny teny lzy (Matio 10. 5), dia nanao hoe : “Aza mandeha any amin'ny làlan'ny jentilisa, ary aza miakatra amin'izay tanànan'ny Samaritana, fa aleo mankany amin'ny ondry very amin'ny taranak'i Israely.”

Nandà ilay Mpanjakany i Israely. Koa dia nilaza ny Tompo fa ny “fanjakàn'ny lanitra” dia mbola tsy apetraka amin'ny voninahiny, fa mbola vonjimaika ihany, fanjakana izay tsy misy mpanjaka ary mbola ahafahan'ny fahavalo manampatra ny heriny ihany (Matio 13). Miaraka amin'izany, nefa, dia milaza ny Tompo fa tsy tokony hoferana ho eo amin'i Israely ihany izany fanjakana izany : “Ny tanimbary dia izao tontolo izao” ; “Ny mpamafy ny voa tsara dia ny Zanak'olona” (and. 38, 37). Rehefa nolavina tanteraka sy nohombohana ny Tompo, dia namory ny mpianany tany Galilia, lavitra an'i Jerosalema. Teo no naniarahany azy ireo hanomboka hitory ny Filazantsara any amin'ny firenena *rehe-tra*. Izay rehetra mino izany Filazantsara izany dia tsy atao ho isan'ny Israely intsony, fa tsy maintsy atao batisa ho an'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Satria efa tonga ny fanjakana, tamin'ny alalan'ny Tenan' ilay Mpanjaka, dia naseho mazava, izany, ny Telo Izay Iray, ka tsy misy làlan-kafa intsony hanatonana an'Andriamanitra (ny Telo Izay Iray). Nefa satria etỳ an-tany dia tsy fantatra Andriamanitra raha tsy amin'ny alalan'ny Tompo Jesoa, dia matetika ny Soratra Masina no milaza fa atao batisa ho an'ny anarany ny mpino.

Atao batisa ho amin'ny Tompo Jesoa voahombo

Ny 1 Korintiana 10.2 dia mampiseho mazava ny dikan'ny hoe “manao batisa ho amin'i”. Ny dikan'izany dia hoe akambana amin'olona iray, atao mitovy toerana aminy. Ny Israelita dia “natao batisa ho amin'i Mosesy, tao amin'ny rahona sy ny ranomasina”. Toy izany koa, isika dia atao batisa ho amin'ny Tompo Jesoa (Asa 19. 5 ; sns.). Nefa isika tsy atao batisa ho amina Tompo velona, efa nasandratra any an-danitra. Marina fa efa miray amin'io Tompo io isika.

Ankehitriny isika dia efa afaka miombona Aminy, ary any amin'ny mandrakizay, dia hiara-mizara aminy izay rehetra ananany, noho ny asa vitany teo amin'ny hazofijaliana.

Ity izao tontolo izao ity, nefa, dia tsy mahalala Azy ho toy llay Nitsangana sy Nasandratra. Ny nahitany Azy farany, dia ilay nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana sy ny nandevenana Azy. Ho an'izao tontolo izao, lzy dia llay maty tamin-kenatra teo amin'ny hazofijaliana sy nalevina, llay novonoiny.

Fa isika, kosa, efa nandray an'io Voahombo io. Efa nampahafantarin'Andriamanitra antsika fa tsy misy famonjena afa-tsy amin'ny anarany, dia ny anaran'ilay olona nolavina (Asa 4. 11-12). Tamin'ny alalany no nahazoantsika famelàn-keloka sy fiainana mandrakizay. Hiaraka aminy ho mandrakizay isika, any amin'ny toerana misy Azy ao amin'ny voninahiny. Ankehitriny kosa isika dia miaina miaraka Aminy, eo amin'ilay toerana nisy Azy tetỳ an-tany, dia ilay nolavina.

Ary mifanaraka amin'ny hevitr'Andriamanitra rahateo izany : “Raha miaramaritra aminy isika, mba hiara-manam-boninahitra aminy koa” (Romana 8. 17).

Izao tontolo izao dia mitoetra eo amin'ilay ratsy avokoa (1 Jaona 5. 19)

Noarin'Andriamanitra nadio sy tsy nahalala ota i Adama. Tsy nankatò an'Andriamanitra nefa izy, ka lasa mpanota. Nikambana ireo taranany mba ho lehibe, mba ho tonga mahery hanohitra an'Andriamanitra, sy hanao izay tsy hatanteraka ny ozona etỳ an-tany. Nanorina ny tanàna voalohany i Kaina. Ny taranany dia olona mpamorona, nanatsara ny fiainana. Farany, dia nikambana ny olona mba ho lehibe sy hanan-kery (Genesisy 11. 4). Izany no niantombohan'izao tontolo izao, izany no fiaraha-monina naorin'ny olombelona. Nikarakara io tontolo io Andriamanitra. Nampitandremany izy, tamin'ny alalan'i Noa. Taorian'ny safodrano, dia nanomboka zava-baovao indray lzy, tamin'ny tany efa voadio. Rehefa niodina taminy indray ny olona, ka nanompo sampy, dia niantso an'i Abrahama lzy, niresaka taminy, nanokana ny ankohonany tsy hifangaro amin'ny firenena hafa, nanome azy ny didiny sy ny fitsipiny, nanao fanekem-pihavanana taminy, ary nitondra azy ho any amin'ny taniny, dia ilay tanin'i Imanoela.

Fantatsika ny vokatr'izany. Niodina tamin'Andriamanitra koa ny taranak'i Abrahama, na dia niresaka taminy aza Andriamanitra, tamin'ny fifehezany, tamin'ireo mpitsarany, ireo mpanjakany sy ireo mpaminaniny.

Dia nirahiny indray ny Zanany. Te hamela ny helok'izy ireo Andriamanitra, ka nanolotra azy ny Tompo Jesoa ho Mpampihavana : “Andriamanitra ao amin'i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy, ka tsy nanisa ny fahadi-soany” (2 Korintiana 5. 19). Nefa tsy noraisiny ilay tanana natolotr'Andriamani-

tra, fa aleony nandà ny Tompo Jesoa. “Tsy manaiky hanjakan'iny lehilahy iny izahay.” Ny antony nanamelohana Azy, dia satria lzy Zanak'Andriamanitra. Nohomboany lzy, ary mbola nanampy trotraka ny fahadi-soany koa ny namonoany Azy tamina fomba mahatsiravina.

Teo amin'ny hazofijaliana, dia niara-nioko nanohitra ny Tompo izao tontolo izao. Tonga mpisakaiza i Heroda sy i Pilato. Ny mpisoronabe sy ny mpanoradalàna, izay hery ara-pivavahana lehibe indrindra teto an-tany, dia niombona tamin'ny fanjakana romana, izay hery sivily sy politika lehibe indrindra. Ny so-ratra teo amin'ny hazofijaliana dia natao tamin'ireo teny telo fantatr'izao tontolo izao, tamin'izany fotoana izany. Notarihin'i Satàna izy rehetra, tamin'izany adiny tamin'Andriamanitra izany.

Nabaribary teo amin'io hazofijaliana io ny toetran'izao tontolo izao ; tsy ny toetran'ireo nanatrika ihany, fa koa ny toetran'ny fiaraha-monina naorin'olombelona. Ny fahefana rehetra teo am-pelatanan'io fiaraha-monina io, dia nampiasaina hiadiana tamin'Andriamanitra.

Tsy misy indrafo intsony, ho an'izao tontolo izao. Tsy manana atolotra intsony Andriamanitra, taorian'ny hazofijaliana. Tsy misy afa-tsy fanamelohana sisa, ary hotanterahin'Andriamanitra tsy ho ela izany, tsy hisy famindràm-po. Izany no ambaran'ny toko faha-6 ka hatramin'ny toko faha-20 ao amin'ny Apokalypsy.

Raha mbola tsy manatanteraka izany fitsarana izany Andriamanitra, ankehitriny, dia satria mbola misy indrafo tiany homena ho an'ny olona. Izy ireo no asainy mibebaka sy ilazany hoe : “Aoka hihavana Amiko ianareo !”

Ny hazofijalian'i Kristy

Teo amin'ny hazofijaliana, dia am-pahatezerana no nijeren'Andriamanitra izao tontolo izao. Ahoana moa no tsy ho izany, manoloana ny fanimbazimbàn'ny olona ny Zanany sy ny nanalany baraka Azy ? Teto an-tany nefa, dia nisy ihany toerana iray azony nojerena amim-pitiavana sy fahafaham-po. Tsy inona izany fa ny hazofijaliana, sy llay voafantsika teo. Raha niombona izao tontolo izao sy izay rehetra niaraka taminy, hanohitra llay teo amin'ny hazofijaliana, dia nasehon'Andriamanitra fa tsy misy ihambahambana ny fiandaniny amin'ilay Voahombo.

Izany no zava-misy eto an-tany, nanomboka tamin'ny hazofijaliana : anki-lany, izao tontolo izao izay namono an'i Kristy, ary tsy mahalala Azy afa-tsy toy llay Voahombo sy llay nalevina ; andaniny, ny hazofijaliana sy ireo rehetra miray aminy. Mbola manolotra ny fahasavany sy ny indrafony ho an'ny tsirairay ihany Andriamanitra, nefa amin'ny alalan'i Jesoa *irery ihany*. Natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty lzy, ary nataony Tompo sy Kristy (Asa 2. 36). Tsy misy voavonjy, izany hoe afaka amin'ny fitsarana, raha tsy mino ilay Voahombo sy mandray Azy ho Tompo. “Izahay kosa mitory an'i Kristy voahombo ta-

min'ny hazofijaliana, dia fahatafintohinana amin'ny Jiosy ary fahadalana amin'ny jentilisa, fa amin'izay voantso kosa, na Jiosy na jentilisa, dia Kristy, Izay herin'Andriamanitra sy fahendren'Andriamanitra" (1 Korintiana 1. 23-24).

Fantatrareo, izany, ankehitriny, fa ny Tompo Jesoa no hany lalana aha-zoan'ny mpanota manatona an'Andriamanitra ary ahazoany famelàn-keloka. Efa noraisinareo ho Tomponareo Izy. Ary hiombona aminy mandrakizay ianareo, ka hiara-mandray anjara aminy amin'izay vokatry ny asany rehetra feno voninahitra teo amin'ny hazofijaliana.

Fa inona no dikan'izany, amin'ny fiainana etỳ an-tany ? Midika izany fa manaiky ianareo fa tsy ara-drariny ny nanomboan'izao tontolo izao ny Tompo, ary mihoatra noho izany aza : niala tamin'izao tontolo izao ianareo, ka lasa niandany tamin'ny Tompo Jesoa, ary lasa ankohonan'Andriamanitra ; nefa tsy maintsy ambara ampahibemaso izany. Tsy ampy ny manao izany ao am-po fotsiny. Tsy maintsy misaraka amin'izao tontolo izao koa ianareo, etỳ ivelany. Tahaka izany no tsy naha-ampy ho an'i Israely ny nialoka teo ambany ran'ny zanak'ondry, fa tsy maintsy niala tany Egipta koa ny vahoaka. Ary rehefa tafita ny Ranomasina Mena izy vao lazain'ny tenin'Andriamanitra hoe voavotra. Ary ao amin'ny 1 Korintiana 10 dia efa hitantsika fa ny fiampitana ny Ranomasina Mena dia tandindon'ny batisa.

Noho izany, ny batisa no anambaràntsika ny maha-kristiana antsika, ary isokajiana antsika ampahibemaso ho mpiaraka amin'ny Tompo, Izay nolavin'izao tontolo izao sy nohomboany. Izany no tena fanekem-pinoana ataon'ny olona, satria izany no fiaikena fa Tompo i Jesoa Izay nohomboana : miandany Aminy ilay atao batisa, manohitra izao tontolo izao. "Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesoa, dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany ?" (Romana 6. 3).

Andriamanitra, izany, ao amin'ny fanjakàny, dia mahita antsika toy ny efa tafavoaka teo amin'izao tontolo izao, izay eo ambany fitsaràny, ka tonga eo ambany fahefan'ny Tompo iray Mpamonjy, namoy ny ainy, niharan'ny fitsarana noho isika. Toerana tsy misy fanamelohana intsony izany, fa ny mifanohitra amin'izany, fanafahana amin'ny herin'ny ota, ny herin'izao tontolo izao, ny herin'i Satàna ary ny lalàna. Izany no antony nilazan'i Ananiasy tamin'i Saoly hoe : "Mitsangàna, miantsoa ny anarany, ary aoka hatao batisa ianao ka hosasana ho afaka amin'ny fahotanao" (Asa 22. 16). Mbola tsy voasasa tamin'ny fahotany àry ve i Paoly ? Raha ny amin'ny famonjena mandrakizay ho azy, amin'Andriamanitra, dia azo antoka izany. Raha maty talohan'ny nanaovana batisa azy izy, dia tsy isalasalana fa ho lasa tany an-danitra. Antsoin'i Ananiasy hoe rahalahy izy. Fa ny amin'ny fanjakàn'Andriamanitra etỳ an-tany, dia mbola tsy afaka ny fahotany. Amin'ny endrika ivelany i Paoly dia mbola anisan'izao tontolo izao ihany, izay iharan'ny fanamelohana.

Izany no ilazana ao amin'ny 1 Petera 3, fa mamonjy antsika, ankehitriny, ny tenan'ny tandindon'ny rano tamin'ny safodrano, dia ny batisa. Toy ny nifindran'i Noa niala tamin'ny toerana eo ambany fanamelohana, ka tonga tamin'ny

toerana nahazo ny fankasitranan'Andriamanitra (tany voadio) (Genesisy 8.21), tamin'ny niaretany ny rano tamin'ny safodrano, dia toy izany koa, amin'ny alalan'ny ranon'ny batisa, izay manambara ny fanamelohan'Andriamanitra ny ota teo amin'ny hazofijaliana, no mahatonga antsika ampahibemaso ho eo ambany fifehezan'i Jesoa, Izay maty, ary nahafa-po an'Andriamanitra. Izany koa no ilazan'i Petera ao amin'ny Asa 2 hoe : "Aoka hovanjena ho afaka amin'ity taranaka maditra ity ianareo. Ary izay nandray tsara ny teniny, dia natao batisa."

Koa mbola mamerina manontany anareo aho, hoe : vita batisa ve ianareo ?

Raha tsia, dia mbola tsy kristiana ianareo etỳ an-tany, satria mbola tsy niditra ho kristiana, araka ny fomba tokana eken'ny tenin'Andriamanitra. Raha fantatrareo ny Tompo Jesoa ho toy Ilay maty nahatonga anareo ho voavela heloka sy nahazo ny fiainana mandrakizay, Ilay hiara-miombona aminareo amin'ny voninahitra mandrakizay, tsy tianareo ve ny hiara-dia aminy ampahibemaso, etỳ an-tany koa ? Na dia voazimbazimba sy hàlan'izao tontolo izao aza izany toerana izany ?

Tamin'izay voalaza rehetra teo, dia tsy ny lafiny rehetra momba ny batisa, tsy akory, no voalazako. Tsy noresahiko koa ny tombontsoa manokan'ny ray aman-dreny kristiana manolotra ny zanany hatao batisa. Nianina tamin'ny dikany voalohany monja aho, izay lehibe indrindra.

Mirary soa ho anareo.

Ny rahalahinareo ao amin'ny Tompo.

H. L. H.

NY FANASÀN'NY TOMPO

Ry sakaiza malala isany,

Araka ny nolazaiko taminareo tamin'ny farany teo, dia te hiresaka kely momba ny Fanasàn'ny Tompo aho.

Tsara homarihina fa ireo rafitra lehibe roa misy amin'ny fivavahana kristiana rehetra, ny batisa sy ny Fanasàn'ny Tompo izany, dia samy mampahatsiaro ny firaisana amin'ilay Tompo izay maty. Araka ny efa hitantsika, ny batisa dia mifandraika amin'ny toerana misy antsika ivelany, eo amin'izao tontolo izao. Ho an'ny tsirairay, izany, io. Na dia olona telo arivo aza no miaraka atao batisa, toy ny ao amin'ny Asa 2, dia zavatra mikasika ny tsirairay manokana izany. Ny Fanasàn'ny Tompo, kosa, na dia atao etỳ an-tany aza, dia mikasika ny toerantsika manokana amin'ny maha-tenan'i Kristy antsika. Noho izany dia zava-dehibe, eto, ny fiombonana. Noho izany, ny olona irery mandray mofo sy divay, hankalazany ny Fanasàn'ny Tompo, dia manohitra tanteraka ny tenin' Andriamanitra. Izany no mahatonga ny apostoly Paoly, izay nametrahana ny andraikitra manokana hanambara ny fahamarinana momba ny Fiangonana sy ny fiombonany amin'i Kristy, hilaza hoe : “Kristy tsy naniraka ahy hanao batisa” (1 Korintiana 1. 17), na dia natao batisa aza izy, sady mba nanao batisa olona vitsivitsy koa. Fa ao amin'io epistily io ihany izy dia miresaka ny fanambaràna manokana azony tamin'ny Tompo, momba ny Fanasàn'ny Tompo (11. 23), ary toko roa mihitsy no iresahany an'izany.

Manana toerana lehibe tokoa ny maha-tsirairay ny olona, ao amin'ny Soratra Masina. Ny olona tsirairay dia tsy maintsy miova fo ho azy irery, tsy maintsy manatona tsirairay an'Andriamanitra, mino ny Tompo Jesoa sy ny rany, ary mandray ny toerana izay nolavina, miaraka amin'ny Tompo izay voahombo (ao amin'ny batisa). Anisan'ny fahadisoana iray lehibe ataon'ny Eglizy katolika ny fandàvana izay lafiny mikasika ny tsirairay izay, ka manao ny zavatra rehetra ho toy ny tsy maintsy sahanin'ny Eglizy (“tsy misy famonjena ivelan'ny Eglizy”). Nefa anisan'ny fahadisoana lehibe ho an'ny protestantisma, koa, ny minia tsy mahita izay lafiny fiombonana izay : ho azy ireo, dia ny ataon'ny tsirairay ihany no zava-dehibe, tokony hanao araka ny fiheviny avy ny tsirairay, ary miaraka amin'ireo izay mitovy hevitra aminy. Nefa betsaka ny fitahiana mifandraika amin'ny fiombonana, lazain'ny Soratra Masina. Tsy kisendrasendra, tsy akory, raha *tafaraka* ny mpianatra raha nanorina ny Fanasàn'ny Tompo i Jesoa Tompo ; izay dia manaja ny *foto-kevitra* momba ny Fanasàn'ny Tompo, izay tokony ho tsangambato fahatsiarovana ny fahafatesan'ny Tompo. Tsy misy afa-tsy ny *tenan'i Kristy* ihany, nefa, no afaka manao izany (1 Korintiana 10. 16-17). Izay mety ho fihamboana hankalaza izany, nefa tsy manokana toerana

ho an'ny isan'ny tenan'i Kristy rehetra, izay miaina araka izany, dia manapotika ny toetran'ny Fanasàn'ny Tompo. Tamin'ny Tompo nanorina izany, dia ny milaza maro foana no nampiasainy, izany hoe ny mpianatra rehetra mikambana, ary toy izany koa no hitantsika ao amin'ny 1 Korintiana 10 sy 11, izay hany andalana miresaka ny Fanasàn'ny Tompo, ankoatra ireo ao amin'ny Filazantsara.

Ny fanorenana ny Fanasàn'ny Tompo

Ny Matio 26, Marka 14 sy Lioka 22 no miresaka izany amintsika. Ireo tsongandahatsoratra roa voalohany dia milaza fa naorina ny Fanasàn'ny Tompo raha vao avy niresaka ny amin'ny famadihan'i Jodasy sy ny nivoahany ny trano ny Tompo. Araka an'i Lioka, dia toa azo heverina fa tsy nandeha i Jodasy raha tsy *taorian'*ny Fanasàn'ny Tompo. Tsy milaza ny filaharan-javatra ara-po-toana, nefa, i Lioka. Ao amin'ny filazantsara nosoratany, dia ara-môraly daholo no anambaràny ny zavatra rehetra.

Araka ireo tsongandahatsoratra rehetra misy, dia hita fa nanorina ny Fanasàn'ny Tompo, tamin'ny fiafaràn'ny sakafon'ny Paska. Ny Paska dia tsangambato fahatsiarovana ilay zanak'ondry novonoina tany aloha (Eksodosy 12), ary ny ran'izany zanak'ondry izany no niaro ny vahoaka tsy hiharan'ny fitsaràn'Andriamanitra. Izao dia tonga ny fotoana tsy maintsy hamonoana ilay tena zanak'ondrin'ny Paska (1 Korintiana 5. 7), izay tsy maintsy handatsahana ny rany ho an'ny maro, ho famelàn-keloka (Matio 26. 28). Fantatry ny Tompo Jesoa fa io alina io no hakana Azy mba hohomboana. Fantany izy fa tsy maintsy hitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany, eo ambonin'ny hazo (1 Petera 2. 24), ary tsy maintsy hatao ota, hamonjy antsika (2 Korintiana 5.21). Fantany fa ny dikan'izany dia hafoin'Andriamanitra Izy. Fantany ny sanda tsy maintsy haloany, mba ahazoantsika ny fanavotana. Ary hitantsika, ora vitsy taoriana, tao Getsemane, ny lanjan'izany ho Azy, nony nasehon'i Satàna Azy izany, ka nitarahany Azy, raha azo atao, tsy hankatò indray, tamin'izay ora izay.

Amin'ny fotoana toy ireny, ny Tompo dia mitady ny fiombonana amin'ny sakaizany. Tatỳ aoriana, tao Getsemane, dia hoy izy tamin'izy ireo : “Mitoera eto, ka miaraha miari-tory amiko.” Raha nahita azy ireo natory izy, dia nilaza hoe : “Hay ! Tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko, na dia ora iray ihany aza, ianareo ?” (Matio 26. 38-40). Ary “tamin'iny alina iny, izay namadihana Azy” no nanorenan'ny Tompo ny Fanasàn'ny Tompo (1 Korintiana 11. 23).

Ho an'ny mpianatra, dia tsy zavatra mahagaga izany. Toy ny momba ny batisa, dia nanaraka ny fombafomba efa nisy ny Tompo, ary nanome an'izany dikany vaovao sy lalina, nampifandraisany tamin'ny Tenany sy ny fahafatesany. Araka ny Jeremia 16. 6-7 dia hitantsika fa fomba jiosy ny manao sakafo fisaonana, izay ihinanana sy isotroana, ho fahatsiarovana olo-malala izay maty. Tsy Andriamanitra mihitsy koa, ve, no nanorina ny sakafon'ny Paska, ho faha-

tsiarovana ny zanak'ondry novonoina sy ny fanafahana mahagaga, noho ny ran'ny zanak'ondry, tamin'ny fitsaràn'Andriamanitra sy tamin'ny fahefan'i Farao sy i Egypta ? Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny fankalazana ny Paska dia tsy misy resaka momba ny kapoaka, fa nampian'ny Tompo izany (Lioka 22. 17). Rehefa nofenoiny toy izany ilay tandindona, dia navelany (Lioka 22. 18), fa notazoniny kosa ny toetrany, ho an'ilay fanorenana vaovao hataony. "Ity no tenako, izay omena ho anareo ; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy. Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo ..." (and. 19-20).

Ny dikan'ny Fanasàn'ny Tompo

"Izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy." Fahatsiarovana ny Tompo, izany, io. Tsy fahatsiarovana ny voninahiny talohan'ny nahatongavany ho olona, na fahatsiarovana ny fiainany tetỳ an-tany. Tsy fahatsiarovana ny nanomboana Azy sy izay rehetra tsy maintsy hiaretany, noho izany. "Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny *fahafatesan'*ny Tompo ianareo" (1 Korintiana 11. 26). Ireo mari-ka nampiasaina dia manamafy izany tanteraka. Ny mofo, izay maneho ny tenany, araka ny nambaran'ny Tompo, dia *novakiny* talohan'ny nanomezany azy ho an'ireo mpianany. Ary nomeny mitokana ny divay, ho tandindon'ny rany. Ny fampisarahana ny vatana sy ny ra dia manambara mazava ilay Mpamonjy Izay *maty*.

Izany no dikan'ny Fanasàn'ny Tompo. Sakafo iaraha-mihinana io, ho fahatsiarovana ilay efa *maty*.

Tsotra tokoa ny zavatra ampiasaina. Misy ve zavatra mora hita tahaka ny mofo, izay hanin'ny olona isan'andro ? Any amin'ny tany tatsimo, dia zavatra mahazatra koa ny divay, izay sotroina toy ny kafe sy dite any amin'ny tany hafa. Nefa dika toy inona no nomen'ny Tompo izany sakafo izany !

Tena sakafo io natao io. *Mihinana* ny mofo sy *misotro* ny divay isika. Tsara isika raha mahatsapa izany, mba tena hihinana sy hisotro, fa tsy hoe maka sombintsombina mofo kely fotsiny, sy divay indray mitete ! Ny mofo dia mofo fahita andavanandro, ary ny divay koa torak'izany ; ary mijanona ho izany ireo. Tsy hoe niova noho ny fisaorana natao taloha, ny mofo sy ny kapoaka. Araka ny 1 Korintiana 11. 24 sy Lioka 22. 19 dia hitantsika fa ilay fisaorana ao amin'ny Matio 26. 26 sy ao amin'ny Marka 14. 22 dia midika hoe mankasitraka, mankalaza. Hita koa izany amin'ny andininy toy ny Efesiana 1.3, sy ny sisa, izay ahitantsika ny apostoly misaotra an'Andriamanitra. Ao amin'ny Matio 14. 19 koa ny Tompo dia misaotra, ary tsy hisy sahy hilaza fa ireo mofo dimy sy ireo trondro roa dia nivadika ho zavatra hafa, fa tsy mofo sy trondro intsony.

Zava-dehibe izany, mba ahafantarana fa mifanohitra tanteraka amin'ny Soratra Masina ny foto-pampianaran'ny Eglizy romana momba ny fiovàn'ny mofo sy divay ho vatana sy ran'i Jesoa Kristy (tena lasa vatana sy ran'ny Tompo ny

mofo sy divay, noho ireo teny litorjika ataon'ny pretra), sy ny foto-pampianaran'ny Fiangonana loterana momba ny fisia-miaraka (tena eo ara-batana i Kristy, ao anatin'ny mofo, miaraka amin'ny mofo ary isan'ny mofo), ary ny vokatry ireo foto-pampianarana ireo, dia fandàvana tanteraka ilay asa vita indray mandeha monja. Matetika ny Tompo no mampiasa sarin-teny, hanehoany ny Tenany. Hoy Izy : "Izaho no vavahadin'ondry", ary koa "Izaho no Mpiandry tsara" (Jaona 10). Ao amin'ny Jaona 14 dia hoy Izy : "Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana." Mazava fa sarin-teny no ampiasain'ny Tompo eto.

Ny fahafatesan'ny Tompo

Iza no tena mahazo tanteraka ny dikan'izany ? Izy, Izay Tompo, dia nandeha tany amin'ny fahafatesana. Fitiavana izany, fahasoavana izany, famindràm-po izany ! Hevitr'Andriamanitra mahagaga ! Ilay Mpanjakan'ny fiainana, ilay loharanom-piainana, maty sy nalevina ! Porofy tokoa izany fa naka ny toerantsika Izy ! Tsy nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany ihany Izy, fa natao ota koa. Rehefa mahita Azy ho toy izany isika, toy inona ny fihetseham-pontsika hankasitraka Azy, hidera Azy, ho tia Azy ! Ho *antsika* no nanekeny ny fahafatesana. Lehibe tokoa ny fitiavany antsika, hany ka sitrany ny handoa io vidiny io ho famonjena antsika. "Mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana, masiaka tahaka ny fiainan-tsy hita ny fahasaro-piaro ; ny lelafony dia lelafo midedadedada, eny, lelafon'i Jehovah. Na dia ny ony maro, aza, tsy mahavono ny afon'ny fitiavana, ary ny renirano tsy mahapaoka azy ; na dia misy olona manome ny fananany rehetra ao an-tranony, aza, hamidy fitiavana, dia hatao tsinontsinona izy" (Tononkiran'i Solomona 8. 6-7 ; jereo koa Salamo 69. 1-2).

Tena fankatoavana an'Andriamanitra tokoa izany ! Naleony maty (ary fahafatesana toy inona), toy izay tsy hanao ny sitrapon'Andriamanitra. Fanapahan-kevitra hentitra izany, nakany ny toerana hitondra Azy "hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazofijaliana" !

Noho izany, ny Tompo dia manasa antsika hiombon-databatra Aminy, toy ny vahiny asaina, mba hanambara ny fahafatesany, ary ho fahatsiarovana Azy. Tsy tonga handray zavatra isika. Tsy sakramenta, tsy akory, ny Fanasàn'ny Tompo (izany hoe fomba ahazoana fahasoavana). Tsy misy milaza izany ao amin'ny Soratra Masina³. Ilay Tompo nasandratra ho amin'ny voninahiny dia manasa antsika hiara-hiombon-databatra Aminy, mba ahatsiarovantsika ny fahafatesany, ny nijaliany 2000 taona lasa izay. Mbola hanao izany koa isika, any amin'ny mandrakizay. Hitantsika ao amin'ny Apokalypsy 5 ny Zanak'ondry

³ Ny Jaona 6 no matetika ampiasaina ho porofy fa sakramenta ny Fanasàn'ny Tompo. Tsy mire-saka ny Fanasàn'ny Tompo, nefa, ny Jaona 6, satria mbola tsy naorina izany. Tsy miresaka ny tenany sy ny kapoaka koa ny Tompo, toy ny ambarany hatrany, ao amin'ny Fanasàn'ny Tompo, fa ny nofony sy ny rany, ary hevitra hafa mihitsy izany.

any an-danitra “nitsangana tahaka ny efa voavono”, toy ny nanaovana ny Tompo, fony lzy tetỳ an-tany.

Ary toy ny hahafeno ny lanitra amin'ny fankasitrahana sy ny fitsaohana, in-dray andro any, noho ny fahitana ilay Zanak'ondry voavono, no isian'izany amin'izao fotoana izao, etỳ an-tany, rehefa manambara ny fahafatesany isika. Rehefa mibanjina Azy isika, dia feno hafanana ny fontsika sady safononoka ; ary amin'ny hirantsika, amin'ny fisaorantsika sy amin'ny fanginantsika no hia-karan'ny fankasitrahantsika, ny hafanam-pontsika sy ny fiderantsika any Aminy.

Mazava ho azy fa tsy afaka ny hivory hanao fanompoam-pivavahana isika raha tsy amin'ny maha-kristiana antsika. Ny hany afaka mandray izany toerana izany, dia ireo *mahalala* fa voavela ny helony, ary vita fihavanana amin'Andriamanitra izy. Izany fandraisana anjara izany no anehoany ny fiombonany Aminy sy ny fandraisany anjara amin'ny asany (1 Korintiana 10. 16). Raha eo amin'io toerana io, ny ahiahy momba ny fahotana vita, ve, tsy fandàvana ny asa lavorary nanaovany ny olony ho *tanteraka* ho mandrakizay ? (Hebreo 10. 14).

Vokatry'izany koa, eo amin'io toerana io, tsy misy fanomezam-pahasoavana miasa, fa mivory fotsiny isika, amin'ny maha-mpisorona antsika, mba hanao fanati-piderana sy fankasitrahana, “vokatry ny molotra izay manaiky ny anaran'ny” (Hebreo 13). Eo, ny apostoly iray dia toy ny mpino tsotra ; raha manatrika eo ny mpitondra ny fiangonana sy ilay manana fanomezam-pahasoavana lehibe hanompoana, dia mivory toy ny mpivavaka tsotra, anisan'ny mpivavaka rehetra.

Efa nahare ny Tompo manasa anao ve ianao, ary nihaino izany fanasàny izany ?

Oviana ary impiry no tokony handray ny Fanasàn'ny Tompo ?

Any amin'ny mandrakizay, isika dia hidera sy hankalaza ny Zanak'ondry mandrakariva. Tamin'ny fotoana tsy nisian'ny olana, tamin'ny niandohan'ny Fiangonana, dia natao isan'andro ny Fanasàn'ny Tompo (Asa 2. 46). Nony niova ny zava-nisy, tatỳ aoriana, ka tsy afaka nivory isan'andro intsony ny kristiana, dia hitantsika fa nanao izany isaky ny andro voalohany amin'ny herinandro izy ireo. Nolazain'Andriamanitra ao amin'ny Teniny izany, mba hahalalantsika azy, satria tiany hampahafantarina antsika lalandava ny sitrapony. Vakiantsika ao amin'ny Asa 20. 7 fa nivory hamaky ny mofo ireo rahalahy. Tsy nivory hihaino an'i Paoly izy ireo, na dia apostoly aza izy. Anton-javatra avoavo kokoa noho izany no nivoriany ; nefa tao amin'io fivoriana io, dia nomena fotoana itenena-ina ihany koa i Paoly. Ny fomba itantarana izany amintsika dia mampiseho fa fahazarana ny mivory, manana izany tanjona izany.

Raha azontsika, na dia kely fotsiny aza, ny tombontsoantsika hanana iza-ny toerana izany sy hanao io fanompoana io, izany hoe “manambara ny fahafatesan'ny Tompo (...) mandra-piaviny” ; ary raha rentsika ilay fanasana nataon'ilay Tompo malalantsika, ilay “Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy”, izay mangataka hoe : “Izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy”, tsy ho satrin'ny fontsika ve hanatanteraka izany foana ?

Ary inona ny andro tena mendrika izany, mihoatra noho ny “andron'ny Tompo”, ilay andro nitsanganany tamin'ny maty sy nisehoany indroa misesy nifanao herinandro, tamin'ireo mpianatra tafangona (Jaona 20) ?

Mandini-tena

Mifandraika amin'izany, nefa, dia mampirisika antsika ny Teny handini-tena, hamantatra ny tenantsika. Tsy hoe handinika raha mendrika haka io toerana io isika, satria izay tena kristiana dia mendrika izany. Raha misalasala ny amin'izany ianao, dia misalasala momba ny lanjan'ny asan'i Kristy.

Ny ilaina dia ny mahafantarana hoe mandray io toerana io *am-pahamen-drehana* ve isika sa tsia. Marina fa sakafo ny Fanasàn'ny Tompo, ary mofo sy divay ihany no raisintsika eo ; na izany aza, dia mitoetra ho Latabatry ny Tompo hatrany io, ary lzy Tompo no manasa. Ny mofo vakina sy ny divay atolotra dia mariky ny tenany nomeny sy ny rany nalatsany ho antsika. Tokony hotsaroantsika lalandava izany, rehefa manatona hanao io fanompoana io isika. Noho izany, dia tena ilaina tokoa ny fandinihantsika ny tenantsika, ny fitsarantsika ny tenantsika. Izay tsy mifanaraka amin'io toerana masina indrindra etỳ an-tany io dia tsy maintsy esorina, aloha, amin'ny fandinihana ny tena.

Nohadinon'ny Korintiana izany. Tsy “namantatra” ny tenan'ny Tompo izy ireo, satria nataony ho toy ny sakafo azy ireo samirery ihany izany. Hany ka tsy maintsy nanitsy azy ireo ny Tompo : “Noho izany, dia betsaka ny marary sy marofy eo aminareo, ary maro ihany ny efa nodimandry.” Raha tsy mieritritra ny voninahitra tokony homena ny Tompo isika, dia lzy kosa hitandro izany. Hevitra mavesa-danja tokoa izany !

Mirary soa hoa anareo.

Ny rahalahinareo ao amin'ny Tompo, Izay ho avy tsy ho ela.

H. L. H.

NY LATABATRY NY TOMPO

Ry sakaiza malala isany,

Tamin'ny taratasiko farany, dia hitantsika izay lazain'ny tenin'Andriamanitra momba ny Fanasàn'ny Tompo, ao amin'ireo filazantsara sy ny 1 Korintiana 11. Hitantsika fa izany dia sakafo ho fahatsiarovana ny fahafatesan'ny Tompo Jesoa. Te hiresaka aminareo lafiny hafa momba ny Fanasàn'ny Tompo aho izao, araka izay hitantsika ao amin'ny 1 Korintiana 10, dia ny fiombonana.

Ao amin'ny epistily voalohany ho an'ny Korintiana no amalian'ny apostoly Paoly fanontaniana samihafa napetraka taminy. Nanontaniana izy, ohatra, raha afaka mihinana ny henan'ny biby natao fanatitra ho an'ny sampy ny kristiana. Novaliany izany ao amin'ny toko faha-8, ary tohizany io lohahevitra io ao amin'ny toko faha-10.

Tany Korinto dia nisy mpino nihevitra toy izao : tsy inona ny sampy fa tapakazo na vato, ka tsy maninona isika raha mihinana ny fanatitra natao ho an'ireo sampy ireo ; mahazo milami-tsaina isika miditra any amin'ny tempolin'ireo sampy ireo ary mihinana any, satria tsy misy afa-tsy Andriamanitra iray, ka noho izany, dia tsinontsinona ny sampy. Zavatra ivelany ihany, tsy dia misy dikany, izany. Koa dia afaka mihinana izany isika, mba tsy hahatafintohina ny jentilisa.

Eken'ny apostoly fa tsinontsinona ny sampy. Nefa sarihiny ihany ny sain'ireo mpino, hahatsiaro fa ao ambadiky ny sampy no iafenan'ny demonia, araka ny nolazain'Andriamanitra ao amin'ny Deoteronomia 32. 17. Raha ny marina, izany, dia ho an'ireo demonia ireo no anaterana ny fanatitra. Nefa, na amin'ireo fanatitra ataon'ny jentilisa na amin'ireo fanatitra ataon'ny Israelita, ny olona dia miombona amin'ny alitara anaovana ny fanatitra na akana ny zavatra hohaniny. Noho izany ny olona dia mandray anjara amin'ny ratsy tsy nataony akory. Amin'ny zavatra toy izany, ny fahendrena dia ny tsy mandray anjara. Ratsy fampiasa ny fahalalana izay olona mandray anjara amin'ny zavatra toy izany —na miseho mandray anjara fotsiny, aza—, zavatra fantatra fa diso, ao amin'ny sehatry ny fanompoam-pivavahana. Tsy tokony hanala tena hoe tsy mandray anjara amin'izay atao ety ivelany ny fo. Izany dia tsy vitan'ny hoe tsy misy fahatsoram-po, fa manambany an'i Kristy koa, sady manamaivana ny hevipepsin'i Satàna. Tsy efa nafahana tamin'ny fanandevazan'i Satàna ve ny kristiana, mba hanompo ilay Andriamanitra velona sy marina ? Tsy efa novidina lafo ve izy, mba hanome voninahitra an'Andriamanitra ?

Miainga amin'izany ny Fanahy Masina no miresaka amintsika ny momba ny Fanasàn'ny Tompo, ary maneho ilay lafiny iray tsy voalaza ao amin'ny fila-

zantsara. Tsy voalaza tao izany, satria mbola tsy niorina ny Fiangonana ary mbola tsy naseho ny foto-pampianarana momba ny Fiangonana.

Manan-danja nefa izany lohahevitra izany, matoa noresahina alohan'ny iresahana ny fankalazana ny Fanasàn'ny Tompo (toko 11). Misy heviny lehibe mandrakariva ny filaharan'ny lohahevitra, ao amin'ny Soratra Masina. Tsy afaka hankalaza amin'ny fomba mendrika ny Fanasàn'ny Tompo isika, raha tsy mahazo tsara ny fampianarana ao amin'ny 1 Korintiana 10. 15-22.

Ny fiombonana amin'ny ra sy ny tenan'i Kristy

“Miteny toy ny amin'ny olo-manan-tsaina aho ; heveronareo izay lazaiko. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny ran'i Kristy va izany ? Ny mofo izay vakintsika, tsy firaisana amin'ny tenan'i Kristy va izany ?” (1 Korintiana 10. 15-16).

Mitodika amin'ny fahatakarantsika ara-panahy, aloha, ny Soratra Masina. Isika dia nahazo fiainam-baovao sy ny hosotra avy amin'Ilay Masina (1 Jaona 2. 20), dia ny Fanahy Masina, Izay hitarika antsika ho amin'ny fahamarinana manontolo (Jaona 16. 13 ; 1 Korintiana 2. 9-15). Heverin'ny tenin'Andriamanitra hoe ny mpino tsirairay dia mahay manavaka tsara ary mahalala izay ataony. Ny kristiana manao zavatra tsy fantany, na mandeha tsy misy fandinihina, araka ny fihetseham-pony, dia manohitra tanteraka ny foto-pisainan'ny fivavahana kristiana.

Noho izany, izay mandray anjara amin'ny Fanasàn'ny Tompo dia maneho fa manana anjara amin'ny zavatra marihin'ny mofo sy ny divay, dia ny tena sy ny ran'ny Tompo Jesoa. Nefa tsy izay ihany. Miombona amin'ireo rehetra manana anjara amin'izany koa izy. Ao amin'ireo andininy ireo, ny voambolana hoe “firaisana” dia midika ho fiaraha-mandray anjara amin'ny zo rehetra sy ny adidy rehetra entin'ilay zavatra ambara.

Misaraka ny ra sy ny tena. Noho izany, ilay Mpamonjy, Izay maty, no aseho antsika. Ao amin'ireo andinin-tSoratra Masina ireo, ny ra no lazaina voalohany, satria ny ran'ny Tompo no fototra iorenan'ny zava-drehetra. Tsy toy ny filaharana rehefa mankalaza ny Fanasàn'ny Tompo.

Misy, izany, ny firaisana naorina eo amin'ireo olona manana anjara amin'Ilay Mpamonjy, Izay maty. Miray amin'ny rany izy ireo ; tombondahiny ho azy izany ! Voasasa amin'ny rany isika (Apokalypsy 1. 5) ; navotana (Efesiana 1. 7 ; 1 Petera 1. 19) ; nohamarinina (Romana 5. 9) ; nohamasinina (Hebreo 13. 12) ; voavotra ho an'Andriamanitra (Apokalypsy 5. 9) ; nampanakaikazina (Efesiana 2. 13). Ny rany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra (1 Jaona 1. 7), ary noho ny rany, isika dia manana fatokiana hiditra ao amin'ny fitoerana masina (Hebreo 10. 19) ; noho ny ran'i Kristy, dia novidin'Andriamanitra ny Fiangonana (Asa 20. 28).

Ny voambolana hoe “tenan’i Kristy” dia hita ao amin’ny 1 Korintiana 10. 16 ; 12. 27 sy Efesiana 4. 12, ary manondro ny Fiangonana. Mbola hita koa izany ao amin’ny Romana 7. 4 sy Hebreo 10. 10 ; amin’ireo andininy ireo, izany dia toa mifandraika amin’ny nahafatesantsika miaraka amin’i Kristy ; amin’ny fanafoanana teo amin’ny hazofijaliana ilay olona ara-nofo. Izay toetrantsika rehetra, amin’ny maha-olombelona antsika, dia nofoanana tamin’ny nahafatesan’i Kristy. Jereo ny Kolosiana 1. 21 : “Ary ianareo, izay olon-ko azy fahiny sy fahavalo tamin’ny sainareo, noho ny fanaovan-dratsy, no efa nampihavaniny ankehitriny, tao amin’ny tenan’ny nofony, tamin’ny fahafatesana.”

Noho izany, ny resahina eto dia fiombonan’ny olona rehetra manana anjara amin’ny vokatra be voninahitra avy tamin’ny asan’ny Tompo Jesoa, nefa koa maty niaraka tamin’i Kristy, ary ankehitriny, miombona amin’ny maha-olom-baovao azy ireo. Na dia etỳ an-tany aza izany fiombonana izany, ilay “olona taloha”, izay toetrantsika amin’ny maha-olombelona antsika, dia tsy manan-toerana ao intsony.

Ilay tenan’i Kristy miafina : ny Fiangonana

“Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika, na dia maro aza ; fa isika rehetra dia samy mandray amin’izany mofo iray izany avokoa” (1 Korintiana 10.17). Azo adika koa hoe : Satria iray ny mofo, isika izay maro dia tena iray ihany, satria manana anjara amin’izany mofo iray izany isika rehetra.

Voalaza mazava eto izay efa hitantsika tamin’ny andininy faha-16. Miombona, ary lasa vatana iray, ireo rehetra mandray ny ran’ny Tompo Jesoa sy ny tenany nomeny ho antsika. Amin’ireo andininy ireo, dia tsy nohalalinina loatra ny foto-pampianarana momba ny tena, satria ny zavatra resahina eto dia ny fiombonana sy ny toetrany tsy manam-paharoa. Velabelarana amin’ny antsipiriany kokoa izany ao amin’ny 1 Korintiana 12, ao amin’ny epistily ho an’ny Efesiana, ary any amin’ny andininy hafa.

Ao amin’ny 1 Korintiana 12. 13 dia aseho amintsika ny niforonan’izany fiombonana izany. Ny fototra, ny fanorenana, dia ny asa vitan’ny Tompo Jesoa teo amin’ny hazofijaliana. Fa ny nandrafetana azy kosa, dia ny batisan’ny Fanahy Masina. Lazain’ny Soratra Masina mazava ny fotoana nanombohan’izany. I Jaona Mpanao batisa dia efa nilaza mialoha fa ny Tompo Jesoa dia hanao batisa amin’ny Fanahy Masina. Ao amin’ny Asa 1. 4-5, ny Tompo Jesoa dia milaza amin’ny apostoly fa rehefa afaka andro vitsivitsy dia hahazo io batisa io izy ireo, rehefa harotsaka ny Fanahy Masina.

Fomba roa samihafa no ilazan’ny Soratra Masina ny Fiangonana, amin’ny maha-tenan’i Kristy azy. Indraindray, araka ny fiheveran’Andriamanitra azy, izany hoe tahaka izay ho toetrany any an-danitra (Efesiana 1. 22). Amin’izay fotoana izay, ny mamorona azy dia ny mpino rehetra natao batisa ho tena iray tamin’ny Pentekosta (Asa 2) sy ireo izay nanampy izany tatỳ aoriana (Asa

2.47), mandra-paka azy am-boninahitra. Amin’io fotoana io, ao amin’ny indray mipy maso monja, dia ho feno tanteraka ny Fiangonana etỳ an-tany. Ny maty tao amin’ny Tompo dia hatsangana, ary isika, izay mbola velona, dia hovàna tanteraka. Nefa indray mipi-maso ihany dia ho tanteraka izany. Jereo ny voalaza momba izany ao amin’ny 1 Tesaloniana 4. 15-17 sy 1 Korintiana 15. 51-54.

Amin’ny ankapobeny —ary toy izany hatrany rehefa momba ny andraikitsika sy ny fizotrantsika etỳ an-tany— ny Fiangonana dia raisin’ny Soratra Masina ho toy ny fikambanan’ny mpino velona eto an-tany amin’ny fotoana iray. Ireo izay efa lasa, efa nodimandry ao amin’ny Tompo, dia tsy mila fampaherezana intsony. Efa tsy eto an-tany intsony izy ireo.

Ao amin’ny 1 Korintiana 12. 27 dia mazava tsara ny toetran’io tenan’i Kristy io, raha amin’izay lafiny izay. Izao no voalaza tamin’ny Korintiana : “Ianareo no tenan’i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa, araka ny anjaranareo avy.” Azontsika tsoahina avy amin’izany, fa ny mpino amin’ny toerana iray dia tenan’i Kristy. Dia hisy vatana isaky ny toerana misy mpino monina, izany. Mazava fa tsy izany velively, araka ny efa hitantsika tao amin’ny 1 Korintiana 10. 16-17. Maneho izany mazava koa ny andininy faha-28 ao amin’ny toko faha-12. Raha resahina ny fanomezam-pahasoavana nomen’Andriamanitra ny Fiangonana, ny voatonona voalohany dia ny apostoly ; ary fantatsika tsara fa tsy tany Korinto izy ireo. Ny Fiangonana tany Korinto, izany, dia tsy inona fa fanehoana teo an-toerana ihany ilay tena iray, izay hita tany Korinto amin’izay Fiangonana iray, dia ny vatan’i Kristy.

Fa ndeha isika hiverina amin’ny 1 Korintiana 10. 16 indray.

Ny Fanasan’ny Tompo dia fanehoana ny maha-iray ny tenan’i Kristy

Efa hitantsika fa ny batisan’ny Fanahy Masina no mahatonga ny tena ho iray, fa tsy ny fandraisana anjara amin’ny Fanasan’ny Tompo, tsy akory. Raha izany mantsy no izy, dia ho ireo izay mandray anjara amin’ny Fanasan’ny Tompo ihany no ho isan’ny Fiangonana. Mifanohitra tanteraka amin’ny fampianaran’ny Soratra Masina izany ; ary tsy milaza izany koa io andininy dinihintsika io.

Toy ny nilazan’ny Tompo Jesoa, raha nizara ny mofo Izy, hoe : “Ity no tenako”, nampisehoany marika hita maso, fanehoana hita maso ny tenany izay natolony ho antsika, dia toy izany koa no anampian’ny Soratra Masina eto fa ny mofo sy ny divay dia marika hita maso, fanehoana ilay vatan’i Kristy miafina, dia ny Fiangonana. Izay misotro ny divay sy mihinana ny mofo dia manambara fa isan’ireo mandray anjara amin’ny vokatra feno voninahitra azon’ny ran’ny Tompo Jesoa nalatsaka sy ny tenany natolony teo amin’ny hazofijaliana. Isan’ny tenan’i Kristy izy. Eto, izany, raha ny momba ny Fanasan’ny Tompo, dia ampianarin’ ny Soratra Masina antsika ny *maha-isika* antsika, fa ao amin’

ny toko faha-11 sy ao amin'ireo filazantsara kosa, dia aseho amintsika ny *ataontsika*.

Noho izany, dia tsy mandray samirery ny Fanasàn'ny Tompo isika, fa miaraka, amin'ny maha-isan'ny tena iray antsika. Ny voalaza hatrany dia ny hoe "isika", nefa raha ny resaka atao, dia "izaho" mandrakariva no lazaina. Rehefa mamaky ny mofo isika, dia maneho ny maha-iray antsika amin'ireo isan'ny tenan'i Kristy *rehetra*. Mazava, izany, fa ny isan'ny tena *rehetra* dia tokony ho afaka mandray ny Fanasàn'ny Tompo —nefa koa, dia izy ireo irery ihany. Raha manaiky olona tsy niova fo, izany hoe olona tsy azo antoka fa isan'ny tenan'i Kristy, dia tsy Fanasàn'ny Tompo izany, fa Fanasàn'izay vondron'olona nanao io sakafo io fotsiny ihany ; toy izany koa, raha tsy ekena handray anjara ny mpino izay isan'ny tenan'i Kristy, nefa tsy misy azo anakianana azy araka izay lazain'Andriamanitra hoe sakana tokony handavana azy, toy ny fitondràntena ratsy, foto-pampianarana diso na fifandraisana amina zavatra maloto. Raha vao mametraka fepetra hafa (toy ny fanekena fahamarinana sasantsasany izay tsy tena fototra), dia manjary tahaka ny sakafo ho an'ny tena ihany no anaovana ny Fanasàn'ny Tompo, ka esorina aminy ny toetra maha-Fanasàn'ny Tompo azy, araka ny fanambaràn'ny Soratra Masina azy.

Ho setrin'izany, araka ny hitantsika tany aloha, ny Soratra Masina dia manondro mazava ny toetran'ny Fanasàn'ny Tompo. Sakafo iombonan'ny Tompo amin'ny olony rehetra io. Izay rehetra mandray anjara amin'izany, dia efa maty niaraka tamin'i Kristy avokoa. Efa olom-baovao izy ireo, efa nahazo fiainambaovao, izay antsoin'ny Soratra Masina hoe "fanahy" (Jaona 3. 6), ary onenan'ny Fanahy Masina. "Raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy ; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo" (2 Korintiana 5. 17).

Tsy araka ilay olona taloha, izany, no ankalazana ny Fanasàn'ny Tompo. An'ny *Tompo* io Fanasàna io, Azy Tompo Ilay maty sy nitsangana tamin'ny maty, izay "efa nataon'Andriamanitra ho Tompo sy Kristy" (Asa 2. 36). Ny Tompo izay nitsangana tamin'ny maty dia manasa ny olony hihinana ny *sakafo*, amin'ny maha-olona *nasaina* azy ireo. Izy no mandray, ary izy irery ihany koa no manam-pahefana. Fanasàn'ny Tompo ve ny sakafo tsy anomezana io toerana io ho an'ny Tompo, fa andaminan'ny olona ny zavatra rehetra, amina fitsipika araka izay eritreriny ?

Ny toetra manavaka ananan'ny Fanasàn'ny Tompo

Efa hitantsika fa ireo mpino irery ihany no afaka mandray anjara amin'ny Fanasàn'ny Tompo. Misy tsongandahatsoratra hafa, toy ny 1 Korintiana 5 sy ny 2 Jaona, izay milaza zavatra sasantsasany manakana ny olona tsy handray anjara amin'izany, na dia fantatra fa tena mpino aza izy ireo.

Ao amin'ny 1 Korintiana 10. 18-22 dia tsipihin'ny Fanahy Masina fa ny fifandraisana maloto dia tena sakana tsy azo ihodivirana, na dia tsy nandray anjara manokana tamina faharatsiana aza ilay mpino.

Efa hitantsika fa tany Korinto, dia nisy rahalahy sasantsasany, nihevitra toy izao : tsy inona ny sampy fa tapa-kazo sy vy ihany, satria tsy misy afa-tsy Andriamanitra iray. Noho izany, tsy maninona isika na dia mihinana zavatra natao fanatitra ho an'ny sampy aza, na mihinan-kanina ao amin'ny tempolin'ny sampy.

Hazavain'ny Soratra Masina amin'ny fomba hentitra, fa tena diso izany fiasainana izany. Amin'ny ankapobeny, ny mpivavaka dia manana anjara amin'ny zavatra mampiavaka azy ireo amin'ny olon-kafa. Ho an'ny Fiangonana, dia ny ran'i Kristy sy ny tenan'i Kristy izany ; ka noho izany, ny mpino dia tsy afaka hiombona amina zavatra tsy mifanaraka amin'izany mariky ny fahafatesan'i Kristy izany. Velabelarin'ny Soratra Masina izany lohahevitra izany, miantomboka amin'ny fanatitra nataon'ny Israelita sy ny jentilisa. Ny hany fanatitra azon'ny Israelita ihinanana, dia ny fanati-pihavanana ao amin'ny Levitikosy 3 sy 7. Miainga amin'io, izany, ny Soratra Masina, ary mahagaga tokoa fa io fanatitra io no kisarisary tandrify indrindra momba ny Fanasàn'ny Tompo sy ny fanompoam-pivavahan'ny Fiangonana mifandraika amin'izany.

Fanatitra an-tsitrapo ataon'ny tsirairay izany ; tsy misy olona noterena hanao izany. Nefa rehefa feno fiderana sy fisaorana ny fon'ny Israelita iray (Levitikosy 7. 11 sy ny manaraka), ka te hanao fanati-pihavanana izy, dia nisy fitsipika avy amin'Andriamanitra, arahiny, momba ny zavatra entiny mba hankasitranan'Andriamanitra izany. Ambonin'ny zava-drehetra, dia voalaza mazava hoe aiza *no tokony* hanaterany izany : eo anoloan'i Jehovah, eo amin'ny varavaranan'ny trano lay fihaonana, izay nitoeran'Andriamanitra, sy any amin'ny toerana ahazoan'ny vahoaka mihaona Aminy, dia ny alitara. Hitantsika amin'izany fa tsy azo sarahina amin'ny alitara ny fanompoana ; iray ihany ireo. Nafafy manodidina ny alitara ny ra (Levitikosy 3. 2). Ny sabora sy ny voa dia naterina teo amin'ny alitara, ary ny tratrany dia nahevaheva ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan'i Jehovah (7. 29-31), ary antsoin'i Jehovah hoe : haniko (3. 3-5, 11, 16 ; Nomery 28.2). Ny mpisorona nanompo nandritra io fanatitra io dia nahazo ny sorony havanana. Ny anjaran'i Arona sy ny zanany kosa dia ny tratrany. Ary izay nanolotra ilay fanatitra dia mahazo mihinana ny henan'ny fanatiny, miaraka amin'ireo rehetra madio teo amin'ny vahoaka.

Ao amin'ny Levitikosy 7. 19-21 dia misy fitsipika lehibe tokoa momba ny fahalotoana. Ny nofo izay nikasika zavatra maloto dia tsy maintsy dorana amin'ny afo. Eo amin'ny toerana anaterantsika ny fanatitra koa, dia mety hisy zavatra maloto izay handoto ilay fanatitra madio ka tsy ahazoana mihinana azy in-sony. Nefa voarara mafy koa ny olona izay maloto mba tsy hihinana izany fanatitra izany, ary toy izany koa ny olona izay tsy maloto, nefa nikasika fahalotoan'olon-kafa —na fanahy iniana na tsy nahy. Jereo koa Nomery 19 sy Levitikosy 5. 17. Mitovy ny fanamelohana amin'ireo tranga roa ireo, toy ny samy

nanao izany ireo olona ireo : “hofongorana tsy ho amin’ny fireneny” izany olona izany. Melohin’Andriamanitra tanteraka ny fihevitra ny olona momba izany, hoe tsy mandoto anao ny fiombonana amin’ny foto-pampianarana diso na faharatsiana ara-môraly, raha tsy ianao no nanao io foto-pampianarana na faharatsiana io.

Momba ny fiombonana amin’ny alitara, dia mbola be noho izany ny zavatra hitantsika. Hitantsika ao amin’ny Levitikosy 7. 15-18 fa ny nofon’ny fanati-pihavanana dia tsy azo hanina afa-tsy amin’ily andro anaterana azy iny ihany teo anoloan’Andriamanitra (dia ny alitara). Tsy azo notapahina ny fiombonana tamin’ny alitara, mba tsy hahavery ny toetra amin’ny maha-fanatitra azy. Ny fanati-tsitraro sy ny fanati-panalam-boady dia azo hanina ihany ny ampitso, satria misy hery lehibe kokoa sy fanoloram-po bebe kokoa, hany ka maharitra kokoa ny fiombonana amin’ny alitara. Ao amin’ny Levitikosy 17 dia ahitantsika fanakanana tanteraka ny fanolorana fanati-pihavanana any amina toerana hafa ankoatra ny varavaran’ny trano lay fihaonana, mba hamafazana ny ra eo amin’ny alitara, sy handorana ny sabora. Izay nandika izany dia hofongorana tanteraka.

Ao amin’ny Testamenta Vaovao, dia mbola mazava kokoa noho izany ny fomba ilazana azy. Hoy ny Tompo Jesoa ao amin’ny Matio 23. 19 hoe ny alitara dia mahamasina ny fanatitra. Noho izany, tsy vitan’ny hoe lehibe kokoa noho ny fanatitra ny alitara, fa ny hahazoan’ily fanatitra ny fanamasinana azy dia ny fiombonany amin’ny alitara.

Ny Latabatry ny Tompo

Ny alitara anaterana ny fanatitra dia antsoina hoe “latabatr’i Jehovah”, ao amin’ny Malakia 1. 7, toy ny ao amin’ny Ezekiela 41. 22. Ao amin’ireo andininy roa ireo, dia hitantsika fa zavatra iray ihany no antsoina hoe “latabatra” sy “alitara”. Ny voambolana hoe “alitara” dia manambara kokoa ny fanatitra atao eo amboniny, fa ny hoe “latabatra” kosa dia mifandraika amin’ny sakafo sy ny fiombonana vokatr’izany. Ny fanati-pihavanana dia fiarahan’Andriamanitra misakafo amin’ny vahoakany. Nahazo ny anjarany Andriamanitra. Arona sy ny ankohonany koa (izay kisarisarin’i Kristy sy ny Fiangonana, amin’ny maha-fianakaviana mpisorona azy) dia nahazo ny anjarany. Ary ireo rehetra izay nadio tamin’ny vahoaka dia nahazo ny anjarany.

Izany koa no hitantsika ao amin’ny Testamenta Vaovao. Iza no lazain’ny Hebreo 13.10 : “Isika manana alitara, izay tsy ananan’ny mpanompo ny tabernakely fahefana hihinanana” (izany hoe ireo olona anisan’ny mpivavaka jiosy). Ao amin’ny 1 Korintiana 10. 18-20 koa dia azo ampifamadihana ny voambolana hoe “latabatra” sy “alitara”.

Averin’ny Fanahy Masina ihany ilay anarana nomeny ny alitara tany amin’ny Testamenta Taloha, ka ampifandraisiny amin’ny Fanasàn’ny Tompo sy ny toetra maneho fiombonana amin’io Fanasana io.

Amboaran-teny re izany : “Latabatry ny Tompo”, “Fanasàn’ny Tompo” ! Latabatry io, izay anasany ny olony hiara-hisakafo *Aminy*. Mazava fa tsy ilay latabatra fanaka hita maso misy ny mofo sy ny divay, no lazaina eto, fa ny Latabatry ny Tompo, izay maty sy natsangana tamin’ny maty, izay anasany ny olony maty niaraka taminy, mba hiara-hihinana aminy. Latabatra ara-panahy io, toerana ao amin’ny trano fanahiny, anasany ny olony hanatona Azy, ary ahafahan’izy ireo manakaiky Azy. Izany no atao hoe Fanasàn’ny Tompo.

Mbola misy ihany ve hisalasala fa eo amin’ny “Latabatry ny Tompo” dia tsy misy afa-tsy iray ihany no manam-pahefana ? iray ihany no afaka manapa-kevitra hoe iza no handray anjara eo ? iray ihany no afaka milaza hoe amin’ny fomba ahoana no hanatanterahana ny fanompoana ? iray ihany no afaka manapa-kevitra hoe iza no ampiasaina hanao io fanompoana io ? Ny Tompo no manapaka ny zavatra rehetra, ary lzy irery ihany no mitarika, amin’ny alalan’ny Fanahy. Tsy misy olona afaka miteny, tsy misy mila manao zavatra, raha tsy hoe tian’ny Tompo ampiasaina izy.

Eto ny Fanahy Masina dia manindry ny toetra manavaka ananan’ny Fanasàn’ny Tompo. Tsy azo atao ny handray anjara amin’ny Latabatry ny Tompo sy amin’ny latabatry ny demonia. Saro-piaro ny fitiavana. Tian’ny Tompo tokoa ny olony, ka niaretany ny fahafatesana ho azy ireo, ny fahafatesana teo amin’ny hazofijaliana, teo ambany fitsaràn’Andriamanitra. Tia ny olony tokoa lzy, hany ka “velona mandrakizay hanao fifonana ho azy” (Hebreo 7. 25). Tiany tokoa izy ireo ka namboarany toerana, dia ny Latabatry, anasany ny olony hanatona Azy hihinana ny sakafony. Tsy azony leferina ny tsy firaharahàna Azy, sy ny zon’ny fitiavany ary ny fiombonana masina Aminy. Nanafaka ny olony tamin’ny herin’i Satàna sy izao tontolo izao lzy. Natao ota ho azy ireo, mba hamonoana ilay olona ara-nofo, amin’ny fitsaràn’ily Andriamanitra marina sy masina. Koa ahoana no hanekeny ny fifandraisan’ny olony amin’i Satàna sy izao tontolo izao, hanaraka ny fitsipiky ny olona amin’ny maha-olona azy ? Ary indrindra indrindra, *eo amin’io toerana io*, izay iantranoan’izy ireo ao *Aminy*, mba hahatsiaro ilay asa mahagaga nataon’ny fitiavany, dia ny nanolorany ny tenany teo amin’ny hazofijaliana ; io toerana io, izay ametrahana izany rehetra izany eo anoloan’izy ireo, rehefa manome azy ireo ny mofo novakiana sy ny divay naidina lzy, ka milaza amin’izy ireo hoe : lty no rako, izay nalatsaka ho anareo. lty no tenako, izay nomena ho anareo, izao no ataovinareo ho fahatsiarovana ahy !

Dia mety hisy ve fo tia Azy ka hanamaivana ny zony eo amin’io toerana io ? Afaka manao zavatra ve izy, nefa tsy mangataka amin’ny fivavahana hoe : “Tompo ô ! inona no tianao hataoko ? Aiza ny toerana hanasanao ahy ? Aiza ny Latabatrao, ahazoako mandray ny Fanasàn’ny Tompo ?”

Na dia misy aza, nefa, zanak'Andriamanitra mahavita izany, dia tsy miova ny Tompo. Tsy ekeny ny hiombona amin'ireo olona manamaivana ny zo ananany eo amin'ny Latabany. "Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy" (Matio 12. 30).

"Mampahasaro-piara ny Tompo va isika ? Mahery noho Izy va isika ?" (1 Korintiana 10.22).

Efa naka ny toeranao eo amin'ny Latabatry ny Tompo ve ianao, dia ilay hany toerana ankalazana ny Fanasàn'ny Tompo ?

Manao veloma finaritra anareo.

Ny rahalahinareo voafatotry ny fitiavan'ny Tompontsika.

H. L. H.

FITSAOHANA

Ry sakaiza malala isany,

Rehefa avy niresaka momba ny Fanasàn'ny Tompo tamin'ireo taratasy teo aloha isika, dia te hidinika aminareo momba ny fitsaohana indray aho izao. Marina fa tena mifamatotra amin'ny Fanasàn'ny Tompo izany, nefa tsy mitovy. Ny fanaovana ny Fanasàn'ny Tompo, araka ny anehoan'ny Soratra Masina azy, dia mitondra antsika ho amin'ny fivavahana, nefa tsy izany no fitsaohana.

Inona no atao hoe fitsaohana ? Mety ho azontsika lazaina hoe mari-panajana omentsika an'Andriamanitra, noho ny maha-Izy Azy sy araka ny fandraisan'ireo izay mivavaka aminy Azy. Ny teny hebreo ampiasaina matetika ao amin'ny Testamenta Taloha, ilazana io "fitsaohana" io, dia midika hoe "miankohoka". Hitantsika izany, ohatra, ao amin'ny Genesisy 18. 2. Ny teny grika miverimberina matetika ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny hoe "proskuneo", ary milaza "mari-panajana" izany, na an'Andriamanitra na ny olombelona.

Mazava fa adidin'ny voary manan-tsaina rehetra ny mitsaoka an'Andriamanitra. Mitsaoka Azy ny anjely (Nehemia 9. 6). Mitsaoka Azy ny olo-masiny. Ao amin'ny filazantsara mandrakizay, dia asaina ny olona hanome voninahitra an'Andriamanitra sy hiankohoka eo anatrehan'ny (Apokalypsy 14. 7). Ary tsy ho ela dia hiankohoka eo anatrehan'ny zavatra rehetra ety an-tany (Zefania 2. 11 ; Zakaria 14. 16 ; Salamo 86. 9 ; sns.).

Fa raha miankohoka eo anatrehan'Andriamanitra ny anjely, satria mahalala Azy, ny olona izay mbola tsy nateraka indray koa, dia hiankohoka eo anatrehan'ny tsy ho ela, satria nahita ny herin'ny fitsaràny, na te hiaina eo ambany fahefan'ny Tompo Jesoa. Tsy izany fivavahana ivelany izany ihany, nefa, no tadiavin'Andriamanitra amin'ny olona. Ny tadiaviny dia ny fivavahana amin'ny fo sy fanajana vokatry ny fitiavan'ny olona an'Andriamanitra. Efa niresaka izany tamintsika tokoa Andriamanitra, ary ny Teniny no mampianatra antsika ny toeran'izany fivavahana izany, ny heriny ary ny toerana tokony hisy azy. Ao amin'ny Jaona 4, ohatra, ny Tompo dia miresaka amin'ny fomba tsotra sady maza-va.

Ny tena toerana tokony hivavahana

Hoy ilay vehivavy Samaritana tamin'ny Tompo : "Tompoko, hitako fa mpanany ianao. Ny razantsika nivavaka teto amin'ity tendrombohitra ity, fa ianareo kosa milaza fa any Jerosalema no tokony hivavahana."

Toy ny ankamaroan'ny olona amin'izao fotoana izao, izy dia tsy nitady afa-tsy izay hevitra ny olona. “*Ianareo kosa milaza.*” Tsy niteny indraim-bava akory izy, momba ny sitrapon'Andriamanitra mikasika izany zavatra izany. Tsy tonga ao an-tsainy akory ny hanontany raha efa nampahafantatra ny heviny momba izany ny Tompo na tsia, ary raha efa nifidy toerana atsy na aroa Izy. Tsy nontondroiny mazava ve i Jerosalema ? Azon'i Davida izany, nony nankasitrahin' Andriamanitra ny fanatitra nataony tao amin'ny famoloan'i Araona (1 Tantara 21. 28). Nahafantatra ny safidin'Andriamanitra i Solomona rehefa nanomboka nanorina ny tempoly (2 Tantara 3. 1). Nony vitan'io mpanjaka io ny fanorena-na, dia nanome toky azy Andriamanitra fa tsara ny nataon'i Solomona, ka hitoetra eo ho mandrakizay ny anarany (2 Tantara 7. 16).

Mazava fa tena tsy mahalala mihitsy izay voalazan'ny Soratra Masina momba izany ilay vehivavy. An'iza nefa ny fahadisoana ? Angamba manazava izany tsy fahalalany izany ny toerana misy azy hatramin'ny nahaterahany sy ny fiaviany. Saingy tsy mahafa-tsiny azy izany. Nilaza ho nanana fifandraisana tamin'ny Andriamanitra i Jakoba izy, nefa tsy nahalala, ary tsy niezaka hahalala raha efa nanambara ny heviny momba izany io Andriamanitra io.

Afaka nampahatsiahy ny zavatra nataon'ny “razany” izy. Nandritra ny taonjato maro, dia ilay tempoly teo amin'ny tendrombohitra Gerizima no ivon'ny toerana fanompoan'ny Samaritana ; nefa tsy antony mitombina mihitsy izany ihamboana fa io tempoly io no tena toerana marina ivavahana. Marina fa nanaraka ny dian'ireo razany ity vehivavy ity, raha nivavaka toy ny fanaon'izy ireo. Saingy mbola mipetraka ihany ny fanontaniana hoe : “Io ve no toerana voafidin'Andriamanitra hanatonan'ny vahoakany Azy sy hivavahany Aminy ?” Teny indraim-bava amin'ny tenin'Andriamanitra fotsiny, dia ny hoe : “Izao no lazain'i Jehovah”, dia ampy hanafoana izany heviny sy fomba fisainany ary fihetseham-pony izany.

Ary mihoatra noho izany : Raha toa ekena, aza, fa tsy nahalala na inona na inona tokoa izy, momba ny fanambaràna mikasika an'i Jerosalema, dia tokony nankasitrahin'Andriamanitra ve ny fanompoam-pivavahana nataony teo amin'ny tendrombohitra Gerizima ? Maro angamba ireo Samaritana resy lahatra an-kitsimpo fa tsara ny fomba fanatanterahany ny fanompoam-pivavahana. Nefa fanompoana toy izany ve dia azo ekena eo anatrehan'Andriamanitra ? Mihoatra noho ny fanambaràn'ny tenin'Andriamanitra ve ny sain'olombelona ? Tsia ! Noho izany, dia lavin'ny Tompo Jesoa tanteraka ny zavatra nolazain'ilay vehivavy Samaritana : “Ianareo mivavaka amin'izay tsy fantatreo ; izahay kosa mivavaka amin'izay fantatray, satria avy amin'ny Jiosy ny famonjena.”

Zavatra telo no aharihary amintsika, amin'izany fanambaràna izany :

1. Zava-doza sady ratsy ny manova zavatra efa nambaran'Andriamanitra momba ny heviny, ho lohahevitra azon'ny olombena ampiharana ny heviny manokana.

2. Ny fivavahana amin'Andriamanitra toy ny nataon'ireo razantsika, dia tsy antoka mihitsy, tsy akory, ilazana hoe tsara izany fomba ataontsika izany.
3. Na dia madio aza ny saintsika manao izany, dia tsy antony hankasitrahin'Andriamanitra izay ataontsika, tsy akory, izany. Izay lazain'Andriamanitra ihany no misy lanjany, raha misy fanontaniana mipetraka. Ny hany adidin'ny zanak'Andriamanitra, dia ny manaraka izay hevitra Andriamanitra. “Raha misy olona manota, satria manao izay tsy tokony hatao ka mandika ny anankiray amin'ny didin'i Jehovah, *nefa tsy fantany izany*, ka mahameloka azy, (dia) mitondra ny helony izy” (Levitikosa 5. 17).

Tsy miresaka an'i Jerosalema intsony ny Tompo. Asehony amin'ny fomba tsotra sady mazava ny fahamarinana, mba hanambaràn'ny zava-baovao aorian' izay.

Teo ambany lalàna, dia i Jerosalema no toerana tokony hivavahana, araka ny didin'Andriamanitra. Tatỳ aoriana nefa, dia tonga tetỳ an-tany ny Zanak'Andriamanitra. “Andriamanitra, dia ilay naseho teo amin'ny nofo” (1 Timoty 3. 16). “Ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy” (Jaona 1. 18). “Tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy” (Matio 11. 27). — Izany ve dia tokony tsy hisy akony amin'ny fomba ivavahan'ny olona amin'Andriamanitra ? Tsy miorina amin'ny fahalalana an'Andriamanitra ve ny fivavahana ?

Ny votoatin'ny fivavahana kristiana

Ao amin'ny Jaona 4.10 ny Tompo Jesoa dia efa manoro amin'ny teny fohy ny toetran'ny vanim-potoana vaovao, dia ny andron'ny Fiangonana.

“Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe : Omeo Aho hosotroiko, dia ianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona.”

“Ny fanomezan'Andriamanitra !” — Hitantsika eto ny fanehoana feno ny amin'Andriamanitra. Tamin'ny andron'ny lalàna, dia tsy izay toetra Mpanome izay no nahafantarana an'Andriamanitra, fa ilay Nitaky ! Notakiany hanompo Azy ny olona, ary arakaraka ny fankatoavana ireo didiny no anomezany ny fihahiany. Nitoetra tao amin'ny haizim-pito Izy (Deuteronomia 4. 11 ; 5. 22-23 ; Salamo 18. 12), izany hoe tsy naneho ny tenany, fa nanafina ny tena maha-Izy Azy. Tsy hoe ratsy, tsy akory, ny lalàna, fa mifanohitra amin'izany aza : masina, marina ary tsara. Ny olona nefa dia mpanota. Ary arakaraka ny anindriana ny fitakian'ny lalàna no mampibaribary ny fahotan'ny olona. Raha marina ny fanambaràn'ny sasany hoe ny lalàna dia endrik'Andriamanitra, dia ho very tsy misy fanafana ny olona ary hafoy. Nefa tsy marina izany. Ny lalàna —na dia

nomen'Andriamanitra aza— dia tsy Tenan'Andriamanitra na endriny. Fepetra ara-môraly ihany izy, izay mampiseho ny tokony ho fitondrantenan'ny olona mpanota manoloana an'Andriamanitra.

Andriamanitra dia fahazavana, ary Andriamanitra dia fitiavana. Rehefa tafalentika ao amin'ny fahantrana mangitsokitsoka ny olona, dia an-tsitrapo sy amin'ny fahatanterahana tokoa no anoloran'Andriamanitra ny fanomezany. Ilay naneho tanteraka an'Andriamanitra tetỳ an-tany dia nilaza, indray mandeha, hoe : “Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray” (Asa 20. 35). Dia tsy hataon'Andriamanitra ve izay lazainy hoe “mahasambatra kokoa” izay ?

Teo ambany lalàna —raha tsy nodikaina io lalàna io— dia Andriamanitra no ilay mandray. Fa ao amin'ny Filazantsara kosa, dia lzy hatrany no ilay mpanome. Ary mihoatra noho izany aza : Nomeny ny zavatra sarobidy indrindra taminy, nomeny ho antsika olombelona, izay tsy mendrika afa-tsy ny fahaverezana mandrakizay.

Aseho mazava ao amin'ny epistily ho an'ny Hebreo ny fahasamihafan'ny toerana nisy ny Israelita ambany lalàna sy ny kristiana. Ho an'ny Israelita, dia mbola tsy naseho ny lalàna mankany amin'ny fitoerana masina indrindra (9. 8). Ireo fanatitra natao dia tsy afaka nanala ny ota (9. 9 ; 10. 4, 11). Ny mpisoronabe koa dia rakotry ny fahalemena, ka tsy maintsy nanolotra fanatitra hanafaka ny ota ho an'ny tenany koa (5. 3).

Ny kristiana kosa dia notanterahina ho mandrakizay (10. 14) ary manana fieritreretana voadio (9. 14). Noho izany, dia afaka miditra malalaka ao amin'ny fitoerana masina izy, satria efa triatra ny efitra lamba ary novohana ny lalàna mankany amin'Andriamanitra. Manana mpisoronabe mitandrana ny tranon'Andriamanitra izy, izay notanterahina ho mandrakizay (10. 19-22 ; 7. 28). Andriamanitra dia Ilay Mpanome !

Tsy ho tanteraka nefa izany rehetra izany, raha tsy noho ny voninahitra sy ny fietrentenan'ilay Zanak'Andriamanitra, izay tonga tetỳ an-tany ka niaritra ny zavatra rehetra, ho an'ireo mpanota, izay fahavalony. Tsy fantatr'ilay vehivavy lzy ; ny nahitany Azy, raha be indrindra, dia Jiosy maha-te ho tia ; fa tsy nieritreritra mihitsy izy hoe io no Tompo, ilay Andriamanitry ny lanitra sy ny tany, ilay Zanakalahy Tokana ao an-tratran'ny Ray. Raha nahatsapa izany izy, na dia kely fotsiny aza, dia ho nangataka taminy ary ho nomeny rano velona. Araka ny Jaona 7. 39, ny rano velona dia sary maneho ny Fanahy Masina monina ao am-pon'ny mpino.

Ny hitantsika eto, izany, dia ny fahasoavan'Andriamanitra, izay loharanon'ny zavatra rehetra, ary manaraka izany dia ny voninahitry ny Tenan'ny Zanakasy ny fahatongavany amin'ny fietrentena lalina teo anivon'ny olona tetỳ an-tany.

Farany, dia hitantsika eto ilay Zanak tenany mihitsy, izay manome rano velona, dia ny Fanahy Masina, ho an'ireo fanahy mangetaheta, noho ny voni-

nahiny manokana. Ireo zavatra ireo no fototra ilaina, hanatanterahana ny fanompoam-pivavahana kristiana.

Mitady mpivavaka Aminy ny Ray

“Mivavaka amin'ny Ray” — Angamba nanaitra ilay vehivavy tokoa izany, toy ny zavatra tena vaovao tanteraka ! Israely dia zanak'Andriamanitra, ilay lahimatoa (Eksodosy 4. 22), zanak'i Jehovah, ilay Andriamaniny (Deoteronomia 14. 1) ; Andriamanitra no Rain'i Israely, ary Efraïma no lahimatoany (Jeremia 31. 9). Nefa izy ireo mbola tsy nivavaka tamin'Andriamanitra amin'ny maha-Ray azy, satria “tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy” (Matio 11. 27). Anisan'ny mandrafitra ny fivavahana kristiana izany zavatra izany : fahalalana an'Andriamanitra, amin'ny fifandraisany amin'ny vahoakany amin'ny maha-Ray Azy, ary fivavahan'ny vahoakany Aminy, amin'izany maha-Ray azy izany. Natao ho an'ny tsirairay avy, nefa, izany fanambaràna izany : “izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy”.

Ny olona manana izany fahalalàna izany, araka io tenin'i Jesoa Tompo io, dia izay nomen'i Jesoa azy. “Ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy” (Jaona 1. 18). Rehefa nahatanteraka ny asany lzy, dia nampifandraisiny tamin'ny Ray ny olony : “Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho.” Ary izany dia efa anjaran'ny mpino, na dia mbola zaza vao aza izy. Ho an'ireo zaza amin'ny finoana, dia hoy ny apostoly : “Nanoratra taminareo ankizy madinika aho, satria efa mahalala ny Ray ianareo” (1 Jaona 2. 13 ; ampitahao amin'ny Jaona 17. 2-3).

Mitady mpivavaka Aminy Andriamanitra. Fahasoavana re izany ! Tany Israely, ny lehilahy rehetra dia *tsy maintsy* nandeha in-telo isan-taona tany Jerosalema, mba hiankohoka eo imason'i Jehovah (Deoteronomia 16. 16). Mandritra ny Fanjakana arivo taona, ny firenena rehetra eran-tany dia tsy maintsy hiakatra isan-taona any Jerosalema, hiankohoka eo anatrehan'Andriamanitra.

Izay tsy manao izany dia hofaizina (Zakaria 14. 16-19). Fa ny Ray kosa dia *mitady mpivavaka marina* Aminy, dia mpivavaka izay tsy manao izany amin'ny fomba ivelany fotsiny, fa amin'ny fony marina. Inona no lanja omentsika izany zavatra tadiavin'ny Ray izany ?

Mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana

“Avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana ; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy ; ary izay mivavaka aminy, tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana” (Jaona 4.23-24).

Hitantsika eto ny tena toetran'ny fivavahana kristiana. Ny tena fivavahana marina dia tsy fanompoana manaraka fombafomba, sahaza ny tany ; fa mifanaraka kosa amin'ny maha-izy Azy an'Andriamanitra, ary noho izany, dia manaiky fa efa maneho ny tenany tanteraka Andriamanitra.

Tsy misy olona tsy mpino afaka hivavaka toy izany ! Satria ny fahateraham-baovao ihany no nahazoantsika fiainam-baovao, izay antsoin'ny Soratra Masina hoe "fanahy". "Izay ateraky ny nofo dia nofo ; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy" (Jaona 3. 6 ; Romana 8. 16). Fivavahana ara-panahy izany, araka ilay olom-baovao, mifanaraka amin'ny maha-izy azy an'Andriamanitra.

Nefa mety misy koa mpino tsy manana fiainam-panahy. Ny apostoly Paoly dia tsy afaka niresaka tamin'ny Korintiana toy ny amin'ny olona mandeha araka ny fanahy, satria nandeha araka ny nofo izy ireo. Tsy hoe "tao amin'ny nofo" izy ireo : toetrany talohan'ny niovany fo izany. Nefa na dia nateraka indray aza izy ireo, izany hoe manana ny fiainam-baovao, izay "fanahy", dia araka ny nofo ihany ny fizotrany sy ny fisainany, izany hoe toy ny fisainan'ny olona amin'ny maha-olona azy fotsiny.

Ny fanompoana nataon'i Israely dia araka ny tany sy voa-janahary ihany. Natao teo amina toerana iray voafaritry izany, dia tao amina tempoly tena kanto tokoa. Io fanompoana io dia efa voalamina hatramin'ny antsipiriany kely indrindra, ary ny olona nitafy ny akanjo faran'izay sarobidy sy narahin'ny mozika lafatra tokoa, dia afaka nanolotra izay tsara sy mihaja indrindra azon'ny tany nomena. Tsy nisy zavatra ara-panahy mihitsy teo. Tsy nisy fepetra napetraka, tsy akory, hoe ny mpisorona, ny mpihira na ilay mpanao fanatitra dia tokony nateraka indray. Nefa izany rehetra izany dia naorin'Andriamanitra tenany mihitsy, satria fanompoam-pivavahana natao tetỳ an-tany, ho an'ilay Andriamanitra mbola tsy naneho ny tenany, fa mbola niafina tao amin'ny haizina.

Nofoanan'Andriamanitra, nefa, teo amin'ny hazofijaliana, ilay olona voa-janahary. Isika izay nateraka indray, izay nino ny Tompo Jesoa, dia efa maty niaraka tamin'i Kristy (Romana 6. 8). Ny fizotrantsika dia tokony hifanaraka amin'ilay fiainam-baovao novokarin'ny Fanahy Masina tao anatintsika, tamin'ny alalan'ny fahateraham-baovao. Ary ny Fanahy Masina, izay monina ao anatintsika, no manome antsika ny herin'Andriamanitra ahazoantsika manao izany.

Noho izany, ny fivavahantsika dia *tokony* ho ara-panahy. Fepetra ara-môraly ilaina izany, ary tsy afa-miala amin'izany isika. Araka ny nolazain'ny Tompo Jesoa mazava, ao amin'ny andininy faha-24, dia ny Fanahy Masina no hery isian'ny tena fivavahana kristiana marina.

Mifanaraka tanteraka amin'izany, dia tsy misy fombafomba, ary tsy misy fankalazana andidiana antsika, momba ny fivavahantsika. Mahagaga tokoa izany, satria teo amin'ireo Israelita dia voalamina hatramin'ny antsipiriany ny zavatra rehetra. Tsy fantatsika akory ny teny fisaorana nataon'ny Tompo, tamin'ny nanorenany ny Fanasàn'ny Tompo. Tsy misy fitantarana ny fomba namakin'ny apostoly ny mofo. Tsy misy tonon-kira nohiraina tamin'ny andron'ny

apostoly ka voatahiry ho antsika. Ny hany ataontsika, dia ny manompo amin'ny Fanahin'Andriamanitra (Filipiana 3. 3). Raha miverina amin'ny fombafomba tao amin'ny Testamenta Taloha isika, ka mitady izay hampifanaraka izany amin'ny fivavahana kristiana, dia manary ilay toetra maha-kristiana ny fivavahantsika, izany hoe ny fivavahana amin'ny Fanahin'Andriamanitra.

Tsy ho "*amin'ny fanahy*" ihany nefa ny fivavahana, fa ho "*amin'ny fahamarinana*" koa. "Inona no marina ?", hoy i Pilato. Tsy fantany fa ilay teo anoloany, nasiana satroka tsilo, no fahamarinana. Ny fahamarinana dia izay nambaran'Andriamanitra momba Azy, ary ny Zanaka no nanambara an'Andriamanitra !

Amin'ny lafiny iray, dia nivavaka tamin'ny fahamarinana koa ny zanak'i Israely ; satria ny fanompoana nataony dia nifanaraka tamin'ny fanambaràna an'Andriamanitra tamin'izany fotoana izany, dia i Jehovah. Fa ankehitriny dia efa nambara tanteraka Andriamanitra, satria efa tonga tetỳ an-tany ilay "Andriamanitra tonga nofo". Ary fahasoavana tsy hay lazaina no nahafantarantsika Azy. "Fantatsika fa tonga ny Zanak'Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika ilay marina" (1 Jaona 5. 20).

Marina fa mitombo miandàlana ny fahafantarana ny fahamarinana. Miasa ao anatintsika ny Fanahin'Andriamanitra, mba hitarika antsika ho any amin'ny tena fahamarinana. Nefa tena bitika ny fahasamihafan'ny fahalalana misy eo amin'ny samy mpino, raha oharina amin'izay misy eo amin'ny olona iray mbola tsy nateraka indray sy ny olona vao mino. Ny olona amin'ny maha-izy azy, amin'ny maha-izy mpino azy, dia tsy afaka hahalala an'Andriamanitra mihitsy. (Amin'izany izy dia toy ny biby izay tsy afaka hahalala ny momba ny teknika sy ny filozofia.) Amin'ny fahateraham-baovao no ahazoantsika fiainana vaovao, izay fanahy, ary amin'ny alalan'izany no ahafahantsika mahalala an'Andriamanitra. Izay no "fomban'Andriamanitra" (2 Petera 1. 4). Ary ao amin'io fiainam-baovao io no iasan'ny Fanahy Masina, izay monina ao anatintsika, ary lzy koa no herin'Andriamanitra mampifandray io fiainam-baovao io amin'Andriamanitra (Jaona 4. 14). Ho an'ireo mbola zaza ao amin'i Kristy, dia izao no voalaza : "Ianareo kosa manana hosotra avy amin'ilay Masina ka mahalala ny zavatra rehetra. Tsy noho ny tsy ahafantaranareo ny marina no nanoratako taminareo, fa noho ny ahafantaranareo izany" (1 Jaona 2. 20-21).

Noho izany, dia afaka manatona an'Andriamanitra Raintsika isika. Noho ny herin'ny Fanahy Masina, izay mampifandray ilay fiainam-baovaontsika amin'Andriamanitra, no ahafahantsika mahita Azy sy misitraka Azy. Afaka ny hahita an'Andriamanitra amin'ny maha-izy Azy ve isika, ka tsy hitolagaga sy tsy ho te haneho izany eo anatrehan'ny ? Ny zanak'Andriamanitra rehetra izay tsy nijanona teo amin'ny fitahiana fotsiny, fa nanandratra ny masony hijery ilay mpanome, dia samy mahalala fa tsy azo saintsainina akory izany. Lehibe indrindra ny voninahitry ny Ray, toy ny voninahitry ny Zanaka, hany ka kely loatra ny fontsi-ka hahalala izay sombiny hitantsika amin'izany. Ary vao mainka koa aza isika tsy afaka hanambara izany amin'ny teny. Fa mivavaka "amin'ny fanahy" isika,

ka noho izany, ny fivavahana dia tsy amin'ny teny aloaky ny vavantsika, fa amin'ny fihetseham-po ara-panahy miloatra avy ao am-pontsika.

Mbola misy fanontaniana iray mipetraka ihany :

Aiza no tokony hivavahantsika ?

Tsy azo iadin-kevitra fa ny mpino tsirairay dia samy efa tokony hivavaka manokana. Ahoana moa no ahafahantsika mijery ny asa nataon'ny Tompo Jesoa, sy ny fitiavany, ary ny fahasoavan'ny Ray, ka tsy hisaotra sy hidera ? Nefa izany zavatra rehetra izany dia iarahantsika manana amin'ny zanak'Andriamanitra rehetra. Tsy rariny ve raha hitarika amin'ny fiaraha-mivavaka izany ?

Ary rahoviana moa isika no tena voataona hivavaka, raha tsy rehefa tafavory hanambara ny fahafatesan'ny Tompo Jesoa, ka mandray avy eny an-tànany ny mofo novakina sy ny divay naidina ? Eo no ahitantsika ny fahatanterahan'ny asa nataony sy ny fitiavany. Ny fibanjinana ilay Zanak'ondry novonoina no hitarika antsika, any an-danitra, hankalaza Azy sy hiankohoka eo anatrehan'ny (Apokalypsy 5). Ary toy izany koa etỳ an-tany.

Eny, marina tokoa fa mivory hanambara ny fahafatesany isika. Ny fankalazana ny Fanasàn'ny Tompo dia tsy tena hoe fanompoam-pivavahana, tsy akory. Nefa raha mandeha ara-panahy ireo izay mandray anjara amin'izany, dia tsy afaka manao afa-tsy ny misaotra sy ny mivavaka. Amin'izay fotoana izay vao tena lasa fanompoam-pivavahana ny fankalazana ny Fanasàn'ny Tompo.

Afaka mitondra fiderana mendrika an'Andriamanitra ve ny olona iray ? I Adama, talohan'ny fahalavoana, dia afaka nisaotra an'Andriamanitra noho ny hatsaram-pony. Fa ankehitriny kosa, dia efa nambara tanteraka Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Tompo Jesoa. Raha fivavahana avo lenta toy izany no tanterahin'ny olona iray, dia midika izany fa ao amin'io olona io dia efa tafakatra avo dia avo ny fiainam-panahiny, ka mila hitovy amin'ny an'llay ivavahany.

Hitantsika ao amin'ny 1 Korintiana 14 ny momba ny fivavahana ataon'ny Fiangonana. Ianarantsika ao hoe ahoana ny foto-kevitra ivavahana amin'Andriamanitra, amin'izao fotoana izao, ary iza no afaka mivavaka araka izany foto-kevitra izany. Fanampiny manan-danja tokoa izany, amin'ny fahafantarantsika ny sitrapon'Andriamanitra. Hitantsika fa ny mihira sy ny misaotra ary ny midera no mandrafitra ny fanompoam-pivavahana, hatramin'ny fiandohany. Hitantsika koa fa tsy miankina amin'olona iray izany, fa amin'ny fandaminana sy ny asan'Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana. Jereo indrindra indrindra ny andininy faha-12 ka hatramin'ny faha-17. Omen'ny Tompo lanjany ny fivavahana misy fisainana ataon'ny vahoakany.

Mivory ny olony, matoky fa ny Tompo irery ihany no manam-pahefana eo afovoan'izy ireo, ary lzy irery ihany no mifidy izay tiany hampiasaina. Ampihariny ny Tompo izany fahefany izany, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina monina ao amin'ny Fiangonana. Ny zava-dehibe, dia tsy hoe olona *iray*, na folo, na

roapolo no manao ny fanompoana, fa ny Fanahy Masina dia afaka miasa malalaka hampiasa izay tiany, ka afaka mampiasa, raha te hampiasa, olona iray, na dimy, na folo na mihoatra.

Iainanao ve izany fomba fivavahana izany ? Tsy ara-tsaina velively izany ! Araka ny efa hitantsika rahateo, dia vokatry avy ao am-pon'olona mifantoka amin'ny Ray izany, dia Ilay Ray nanome ny Zananilahy Tokana ho azy ireo, mba ho faty teo amin'ny hazofijaliana, olona mibanjina ilay Mpamonjy, dia Ilay Zanak'Andriamanitra, Izay tia azy ireo sy nanolo-tena hamonjy azy.

Manao veloma finaritra anareo.

H. L. H.

FANOMPOANA

Ry sakaiza malala isany,

Ny fiainan'ny kristiana iray dia mifototra amin'ny mandray sy manome. Ny fiainany dia tokony ho tahaka ny fantsona, izay idiran'ny rano amin'ny ilany iray ary ivoahany amin'ny ilany iray. Ny kristiana izay mandray fotsiny, ka tsy manome mihitsy, dia ho lasa olona vontom-pinoana fa manonofy fotsiny (mpivavaka tsy hay fantarina sy entin'ny fihetseham-pony ihany). Mifanohitra amin' izany, ny kristiana variana manome ka tsy manam-potoana andraisana ho azy, dia tsy hahomby ara-panahy.

Tamina taratasiko iray tany aloha aho dia efa nanamarika fa ny fanompoana rehetra dia tokony hiantomboka “eo an-tongotr'i Jesoa”, izay toerana ahafahantsika mihaino Azy sy miombona aminy. Hitantsika izany, ohatra, tamin'i Maria, momba ny fitsaohana. Tamin'ny fotoana nahamety izany, dia afaka nanosotra ny tongotry ny Tompo Jesoa tamin'ny zava-manitra sarobidy izy, satria efa nipetraka matetika teo an-tongony, ka nahafantatra ny momba Azy sy ny fisainany. Ary i Marta koa dia fantatsika fa nanompo Azy, rehefa avy nandray fampaherezana taminy, fony izy be ahiana.

Ireo ohatra roa ireo dia ahitantsika lafiny roa amin'ny fanompoana kristiana. I Maria dia mampiseho izay tokony hatao raha mibanjina ny Tompo sy mibanjina an'Andriamanitra ; ary i Marta kosa, dia izay tokony hatao amin'ny olona. Vakiantsika ao amin'ny 1 Petera 2 fa isika dia “fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy”. Manaraka izany, isika dia “fanjakà-mpisorona”, mba hanambara ny fahatsaran'Ilay niantso antsika hiala tamin'ny haizim-pito ho amin'ny fahazavany mahagaga. Tiana hasian-teny kely eto io lafiny faharoa amin'ny fanompoana io. Ilay voalohany, moa, efa nodinihintsika tamin'ny Fanasàn'ny Tompo sy ny fitsaohana.

Foto-kevitra lehibe iray amin'ny Soratra Masina ny hoe ny fanompoana rehetra dia tokony hatao avy amin'ny Tompo, ary tompon'andraikitra eo anatrehan'ny mpanompo. Ho an'ireo rehetra izay mandinika, dia mazava tsara izany. Ny mpanompon'Andriamanitra dia mampita ny hafatr'Andriamanitra amin'ny olona. Noho izany, dia Andriamanitra mihitsy no miantso ny mpanompony ary manome azy ny fanomezam-pahasoavana rehetra ilainy ! Ny Efesiana 4. 7-12, miaraka amin'ny Salamo 68. 18, dia mampiseho fa nahazo izany fanomezana izany ny Tompo, niakatra any an-danitra ary mizara izany ho amin'ny olony. Ary ireo andinin-tSoratra Masina rehetra miresaka io lohahevitra io dia manamafy izany avokoa.

Miantso izay tiany hantsoina Izy

“Niakatra teo an-tendrombohitra Jesoa ka niantso *izay tiany* hankeo aminy ; dia nankeo aminy ireo. Ary nanendry roa ambin'ny folo lahy Izy, *ho ao aminy sy hirahiny hitoriteny*” (Marka 3. 13-14). Ny resahina amin'io andininy io dia ny fiantsoana ireo apostoly roa ambin'ny folo lahy. Tsy azontsika ampitahaina amin'ny asa nanirahan'ny Tompo azy ireo ny zavatra ankinin'ny Tompo amin'ny mpanompony *ankehitry*. Araka ny Matio 10 dia tsy tokony nitoriteny afa-tsy tamin'ny Jiosy izy ireo. Rehefa nolavin'i Israely ny Tompo, ary nahatanteraka ny asam-panavotana teo amin'ny hazofijaliana, dia zavatra vaovao in-drainy no nankininy tamin'izy ireo, ao amin'ny Marka 16. 15, dia ny handeha any amin'izao tontolo izao. Tsy miova kosa nefa ireo foto-kevitra momba ny antsony.

Zavatra telo lehibe no hitantsika ao amin'ny Marka 3. 13-14. Voalohany : ny Tompo dia miantso *izay tiany hantsoina*. Faharoa, antsoiny izy ireo mba *ho ao aminy*. Fahatelo : irahiny izy ireo mba *hitoriteny*.

Ny lohahevitra voalohany dia izay efa noresahantsika teo aloha. Ny Tompo dia miantso ny mpiasany araka izay tiany sy sitrapony manokana. Izao no lazainy tamin'i Jeremia : “Hatry ny fony ianao mbola tsy noforoniko tany ankibo no efa fantatro ; ary hatry ny fony ianao mbola tsy teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena” (Jeremia 1. 5). Momba an'i Jaona Mpanao batisa, araka izany foto-kevitra izany ihany, dia zavatra mitovy amin'izany no nambaran'ny Anjelin'ny Tompo, ao amin'ny Lioka 1. 13-17. Ary ny amin'ny tenany manokana, dia izao no soratan'i Paoly : “Raha sitrak' Andriamanitra, Izay nanokana ahy hatrany an-kibon'i neny sy niantso ahy tamin'ny fahasoavany, ny nampiseho ny Zanany tato anatiko, mba hitoriako Azy any amin'ny jentilisa (...)” (Galatiana 1.15-16).

Ny fiantsoana ireo mpiasan'ny Tompo dia tsy misy na inona na inona idiran'olona, na mpanompon'Andriamanitra, eny na ny Fiangonana aza. Nohazoin'ny Tompo ho Azy manokana io zo io. Ary araka ny novakiantsika tao amin'ny Jeremia sy ny epistily ho an'ny Galatiana teo, dia efa talohan'ny nahaterahan'ny olona iray no efa nanomboka ny fanomanana momba izany, ary mitohy mandra-pilazan'ny Tompo ny faniriany, aorian'ny fiovàm-po.

Ho ao aminy

Hanao inona no iantsoan'ny Tompo olona ? Aorian'ny fiovàm-po ve, ary eo no ho eo, no iantsoany antsika hanao asa lehibe ? Miantso Izy mba “ho ao aminy”. Ny fepetra tsy azo ihodivirana ho an'ny tena mpanompo, izany, dia voalohany, *ao aminy* ary nofaniny amin'izany. Nisy fotoana ela teo anelanelan'ny Marka 3. 13 sy Marka 6. 7, izay nanirahan'ny Tompo ireo mpianany. Ary rehefa nahatanteraka ny asa manokana nanirahana azy izy ireo, dia nalain'ny

Tompo hitokana hiaraka taminy indray. Tsy misy fanompoana tena tahiana, raha tsy miainga avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo ilay mpanompo, ary miverina eo aminy, aorian'ny fanompoany. “Ary ny apostoly niangona teo amin'i Jesoa ka *nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin'izay nampianariny.*” Manao toy izany ataon'ny apostoly izany ve isika ? Fitahiana lehibe tokoa sy lesona tena mavesa-danja no azon'izy ireo, nony nitokana niaraka tamin'ny Tompo, mba hiresaka mangina aminy momba “izay rehetra efa nataony mbamin'izay nampianariny”. Raha mitady izany bebe kokoa ve isika, tsy ho feno fitahiana kokoa ny fanompoantsika ?

Tsy afa-miaraka ara-batana amin'ny Tompo intsony isika, ankehitriny, toy ireo mpianany fahizany, nefa afaka manao izany ara-panahy. Izao no voasoratra ao amin'ny Jaona 14. 21 : “Izay manana ny didiko ka mitandrana izany, dia izy no tia Ahy ; ary izay tia Ahy no ho tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy.” Manohy izany ny andininy faha-23 : “Raha misy tia Ahy, dia hitandrana ny *teniko* izy ; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka *honina ao aminy.*”

Porofointsika amin'ny fitandremana ny didin'ny Tompo ny fitiavantsika Azy. Jereo koa 1 Jaona 5. 3. Zavatra mifanohitra tokoa raha misy olona milaza fa tia ny Tompo nefa mandika ny didiny !

Mbola mandeha lavidavitra kokoa, nefa, ny andininy faha-23. Izay tena tia ny Tompo, dia tsy hianina amin'ny fanaovana izay lazain'ny Tompo mazava fotsiny, hoe tokony hataony. Fanirian'ny Tompo iray ihany dia ampy ho azy. Ny fitiavana dia mikatsaka izay hahafa-po Azy mandrakariva. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia vitsy ireo didy voalaza mazava. Nefa manambara ny heviny amin'ny Teniny ny Tompo, ary matoky fa ampy izany, hiasan'ny olony araka izay tokony ho izy. Ary izay ahitana izany, dia ao amin'izany olona izany no honenan'ny Ray sy ny Zanaka. Koa dieny izao isika dia afaka *ho ao aminy.* Tena ilaina izany mba hanofanany antsika marina tokoa ho amin'ny fanompoana tiany hataontsika.

Hirahiny

Ao amin'ny Marka 6. 7 dia maniraka ny mpianatra ny Tompo. Efa nampianariny izy ireo, ka noho izany, dia efa vonona ho amin'ny asa nankinina taminy. Raha ny fijerin'olombelona, dia tsy izany no zava-nisy. Ny fahitany ny apostoly dia olona “tsy mba mpahay lalàna na nampianarina” (Asa 4. 13). Ary araka ny fijerin'ny olona, dia izany tokoa izy ireo. Tsy nianatra momba ny teolojian'ny tamin'izany fotoana izany izy ireo. Tsy nahafantatra izay fomba andikan'ireo mpampianatra ny Baiboly. Nesorin'ny Tompo tamin'ny asa nataony hatrizay. Ka *niaraka taminy* izy ireo. Ary nahafantatra izany ny olona rehetra, na ireo fahavalony aza (Asa 4. 13). Izany no nahafahan'ny Tompo nampiasa azy ireo ho amin'ny fanompoana lehibe indrindra. Tamin'ny fitorian'i Petera te-

ny, dia olona telo arivo no niova fo indray andro. Ny foto-pampianarany sy ny fiombonany no nanorenana ilay asa vaovao natombok'Andriamanitra tamin'io andro io, dia ny fanorenana ny Fiangonan'Ilay Andriamanitra velona (Asa 2. 42).

Tsy hoe tsy nanao na inona na inona, tsy akory, izy ireo talohan'io andro io. Ny andro voalohany niarahany tamin'ny Tompo, dia efa nisy zavatra nankininy tamin'izy ireo. Nefa mpanampy ihany izy ireo, tamin'izany, olona mpanatanteraka baiko fotsiny. Niarahan'izy ireo nizara tamin'ny Tompo ny alahelo sy ny fankahalana noho ny Filazantsara (Marka 3). Izy ireo no nivoy ny lakana rehefa te hiampita ny Tompo (Marka 4. 35-41), sy ny sisa.

Manomboka amin'ny andro iovantsika fo, dia efa te hampiasa antsika sahady ny Tompo, *raha miaraka aminy isika.* Misy zavatra atao hatrany, raha te hiara-hiasa amin'ny Tompo isika. Afaka mizara bokikely, manasa olona hanaraka fivoriana hitoriana ny Filazantsara sy ho fampitomboana, na koa afaka manampy mikarakara ireny fivoriana ireny, sns. Raha te hanao zavatra isika, dia hanome asa ho antsika hatrany ny Tompo. Midika nefa izany fa vonona isika hanao izay *rehetra* ankininy amintsika. Any am-boalohany nefa isika dia tsy tokony hanantena ny hanankinan'ny Tompo asa lehibe eo no ho eo.

Ao amin'ny Matio 25, ny Tompo dia manome ho an'ny mpanompony *araka izay fahaizany avy.* Marihina fa tsy ilay nomena talenta dimy, na ilay nandray roa, no nantsoin'ny Tompo hoe mpanompo tsy mahaso sy malaina, fa ilay tsy nandray afa-tsy iray sy tsy nampiasa izany. Io mpanompo io mantsy dia tsy nampiasa ilay hany talenta nananany, koa nesorina taminy izany ary nomena ilay niasa mafy tamin'ny talenta nankinina taminy. Araka izany, dia mbola miampy indray ny eo am-pelatàny. Arakaraka ny mamparisika antsika amin'ny zavatra kely ankinin'ny Tompo amintsika (izany hoe ataony eo anoloantsika), no maha-haingankaingana kokoa ny ahafahany manankina zavatra lehibe amintsika, saingy tsy maintsy miankina aminy sy mankatò Azy isika, rehefa manao ireny zavatra kely ireny.

Taona maro lasa izay, tany amin'ny faritra feno tendrombohitra tany Amerika, dia nisy mpanompovavy tanora iray, tsotra dia tsotra tokoa, ary tsy nianatra afa-tsy telo volana monja. Ny vola azony dia efatra dollars ary notsinjarainy ho toy izao : iray ho an'ny trano, iray ho an'ny misiona, ary ny roa farany dia ho an'ny rainy, izay nahantra tokoa ary namelona ankohonana maro. Tao amin'io faritra io, dia izy no nanome be indrindra. Ny hariva, ary mandraka alim-be, dia nanao asa fanampiny izy, hahazoany vola hividianany fitafiana ho azy. Indray andro, dia nisy mpanompon'Andriamanitra tonga nitsidika tany amin'io toerana io. Vitsy dia vitsy ny azo niantranoana, ary nomen'ilay tovovavy azy ny efitranony. Teo ambony latabatra dia nisy ny Baiboliny, ary nisy fanamarihana saika isaky ny pejy. Fa ny tena nanaitra ity mpanompon'Andriamanitra ity, dia ny fanamarihana voasoratra tao amin'ny Marka 16. 15 : “Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny

olombelona rehetra.” Iza no nosoratany vaventy sy mazava tsara : “Raha mba afaka manao izany mantsy aho !”.

Ny ampitso, dia noresahin'ilay mpanompon'Andriamanitra tamin'ity tovovavy izany ; nefa dia nigogogogo nitomany razazavavy ka tsy nahaloha-peo. Taty aoriana vao fantany ny tantarany. Vao efatra ambin'ny folo taona izy dia niova fo. Indray andro, nony tafaverina tao an-tranony izy, dia nahita taratasy kely nisy soratra hoe : “Antson'i Sina ho amin'ny Filazantsara !” Tsy nisy nahalala hoe avy aiza io taratasy kely io. Fa nanomboka tamin'izay izy dia tsy nieritreritra intsony afa-tsy i Sina. Nandritra ny folo taona izy dia nangataka isan'andro tamin'ny Tompo mba halefany any Sina. Fa vao tsy ela, dia nisy fiovana tao aminy. Resy lahatra izy fa diso hevitra, ary tsy nofanin'ny Tompo ho lasa misionera any Sina, fa ho misionera ao amin'ny ankohonany ihany. Hatramin'izay, ny vavaka nataony dia ny hoe : “Ataovy misionera an-tsitrabo ho Anao ato an-tokantranoko aho.” Ary notanterahan'ny Tompo izany vavaka izany.

Nitady zavatra lehibe izy, nandritra ny folo taona, nefa tsy nanao tsinontsinona ny kely koa. Nanaporofa izany ny fizaràny ny karamany. Nefa notarihina hanao an-tsitrabo ny zavatra bitika indrindra izy, dia ny hijoro ho vavolombelon'ny Tompo, ao amin'ilay sehatra kely dia kely misy ny mpanampy an-dakozia. *Ary taorian'izay Andriamanitra vao afaka nampiasa azy hanao zavatra feno fitahiana tokoa tany Sina !* Satria resy lahatra io mpanompon'Andriamanitra io fa nalefan'ny Tompo tany amin'io tanàna io, hanampy ilay tovovavy. Ary ny niafarany, dia lasa tany Sina razazavavy. “Izay mahatoky amin'ny kely indrindra, dia mahatoky koa amin'ny be” (Lioka 16.10).

Fanankinan-tena amin'ny Tompo

Efa hitantsika fa ny Tompo tenany no miantso ny mpanompony, araka izay sitrapony, ary lzy irery no maniraka azy. Nefa tsy izay ihany ! Ny fanompoana koa dia tokony hatao amin'ny fiankinana amin'ny Tompo. “Zarazaraina ho samihafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany” (1 Korintiana 12. 5). Ireo mpanompo tao amin'ny Matio 25 dia tsy maintsy nanao tatitra tamin'ny Tompo ary nitondra fanazavana teo anoloany. Ao amin'ny Marka 6 dia tonga ny mpianatra ka “nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin'izay nampianariny” (jereo 1 Korintiana 3. 10 ; 4. 5).

Mba hahatanterahantsika izany andraikitra izany, dia nomena ny Fanahy Masina isika. Te hitarika antsika amin'ny zavatra rehetra lzy, mba tsy hanaovantsika ny sitrapontsika (Galatiana 5. 17). Izany indrindra no miseho momba ny fanompoana (Filipiana 3. 3, jereo koa Asa 16. 6-10). “Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony” (1 Korintiana 12. 11). Tarihiny Fanahy Masina, izany, isika, ao amin'ny fanompoantsika. Ny fanompoana dia tanterahintsika amin'ny fiankinana amin'ny Tompo sy ny fandraisana andraikitra eo anatrehany.

Zava-dehibe tokoa izany. Voalohany àry, dia manome antsika fahasahiana lehibe izany. Tsy sahy hanao na inona na inona ny mpino, raha ny tenany fotsiny no jereny. Hitany mantsy ny haben'ny fahalemeny, haratsiana be koa aza, matetika, ka tsy sahy manao na inona na inona. Na dia fantany tsara aza fa nahazo fanomezam-pahasoavana manokana tamin'ny Tompo izy sady nantsoin'izy Tompo, dia tsapany lalina fa tsy afaka hanome fitahiana mihitsy izy. Tsy nisy na oviana na oviana mpanota nibebaka noho ny tenin'olombelona, ary toy izany koa, dia tsy misy mpino voatahy koa noho ny tenin'olombelona. Ahoana moa no ahafantaran'ny olona iray ny zavatra ilain'ireo olona iresahan'ny ?

Fa raha ampiasain'ny Fanahy Masina kosa isika, dia ho fitahiana lalanda-va no vokatr'izany. Izy no mahalala izay zavatra ilaina, amin'io fotoana io, sy ny fomba amaliana izany. Omen'ny Fanahy Masina tenim-panahy ireo olona ampiasainy, mba hampita zava-panahy (1 Korintiana 2.13).

Andraikitra lehibe koa nefa izany. Mila mihaino tsara ny fitantanan'ny Fanahy Masina antsika isika, mba ahafahany mampiasa antsika araka izay tiany. Satria lzy irery ihany no afaka mitarika antsika manokana, sy mitarika ny fanompoam-pivavahana ao amin'ny Fiangonana. Ny fiheverantsika ho afaka manendry izay olona tokony hitarika ny asa fanompoana, ao amin'ny Fiangonana, dia mifanohitra tanteraka amin'ny ambaran'ny Soratra Masina ; raha ny marina, dia fanaovana tsinontsinona ny Fanahy Masina izany. Ary tsy tsara kokoa ny milaza fa afaka mandray anjara amin'ny asa fanompoana avokoa ny olona rehetra, na ny mametra izany ho an'olona iray na sasantsasany. Ny Fanahy Masina ihany no afaka manendry izay tiany hampiasaina. Midika izany fa ny adidintsika dia ny mivonona, amin'ny fivoriana, mba hampiasainy, raha tiany.

Mazava fa amin'ny fivoriana ampahibemaso, ny Fanahy Masina dia mampiasa ireo fanomezana manokana nomen'ny Tompo ho amin'izany. Azony atao ihany koa, nefa, ny mampiasa fanomezam-pahasoavana kely kokoa, na dia maro aza ny fanomezam-pahasoavana lehibe eo. Raha ny momba ny mivavaka sy ny fisaorana na ny fanondroana hira, dia tsy misy fanomezam-pahasoavana manokana, tsy akory. Amin'ny ankapobeny, dia asan'ny nofo ilay antsoin'ny olona indraindray hoe fanomezam-pahasoavana hivavaka. Raha ny mivavaka sy misaotra, dia azon'ny Fanahy Masina ampiasaina avokoa izay rehetra manana toe-panahy tsara ka manaiky hampiasaina.

Toy inona izany, ao amin'ireo fivoriana, ny andraikitra ho an'ny *tsirairay*, na tanora na zokinjokiny kokoa, mba ho araka izay ahafahan'ny Fanahy Masina mampiasa antsika —raha tiany—, ary mba hamela Azy hampiasa antsika.

Mirary soa ho anareo.

Ny rahalahinareo ao amin'ny fanompoana ny Tompo.

H. L. H.

NY TOERANA MISY ANTSIKA ETO AN-TANY

Ry sakaiza malala,

Tamin'ny iray tamin'ireo taratasy tany aloha, dia naseho anareo ny toerana misy antsika eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny maha-mpino antsika. Tiako indray, izao, ny hisarika ny sainareo momba ny toerana misy antsika ety an-tany. Ho hitantsika fa mifamatotra amin'i Kristy koa izany. Satria toy ny nanovàna antsika hitovy amin'i Kristy, mba hahazoantsika miseho eo anatrehan'Andriamanitra, no ampitoviana antsika koa amin'i Kristy, eo imason'izao tontolo izao. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, dia izao : ety an-tany isika, dia nape-traka amin'ny toerany, toy ny hametrahana antsika eo amin'ny toerany, eo anatrehan'Andriamanitra. Hitondra soa ho antsika mihitsy ny fahatsiarovana lalandava izany fahamarinana izany.

Raha dinihina ny toerana misy antsika ety an-tany, dia misy lafiny roa samy manan-danja tokoa. Ny voalohany, dia mifandraika amin'izao tontolo izao ; ary ny faharoa, dia mifandraika amin'ny "toby", izany hoe ny tontolo kristiana izay naka ny toeran'ny fivavahana jiosy, amin'izao vaninandro izao, amin'ny maha-vavolombelon'Andriamanitra azy (jereo Romana 11 ary ampitovio amin'ny Matio 13).

Ny toerantsika manoloana izao tontolo izao

Hoy ny Tompo Jesoa tamin'ny Jiosy : "Ianareo avy aty ambany, Izaho avy any ambony ; ianareo avy amin'izao tontolo izao, Izaho tsy mba avy amin'izao tontolo izao" (Jaona 8. 23). Tatỳ aoriana, dia hoy Izy nony nametraka ireo olon'ny tamin'ny Rainy : "Tsy naman'izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao" (Jaona 17. 16). Ary ao amin'ny andininy faha-14 ka hatramin'ny faha-19 dia tena entiny eo amin'ny toerany manoloana izao tontolo izao mihitsy ny mpianany, toy ny nametrahany azy ireo tamin'ny toerany manoloana ny Ray, ao amin'ny andininy alohan'izay (and. 6-13). Maka ny toeran'ny Tompo ety an-tany izy ireo, satria —mariho tsara— tsy naman'izao tontolo izao, toa Azy tsy naman'izao tontolo izao. Satria efa nateraka indray izy ireo, ka tsy an'izao tontolo izao intsony. Nanomboka teo, dia matetika izy no namerimberina fa ho halan'ny olona sy hohenjehina izy ireo, toy ny nanaovana Azy. Izany no mahatonga Azy hiteny, ohatra : "Raha halan'izao tontolo izao ianareo, dia aoka ho fantatrareo fa izaho efa halany talohanareo. Raha naman'izao tontolo izao ianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao ; fa satria tsy naman'izao tontolo izao ianareo, fa izaho efa nifidy anareo tamin'izao tontolo izao, dia halan'

izao tontolo izao ianareo. Tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo hoe : Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Raha nanenjika Ahy izy, dia hanenjika anareo koa ; ary raha nitandrina ny teniko izy, dia hitandrina ny anareo koa" (Jaona 15. 18-20). Asehon'ny apostoly Jaona koa ny fifanoherana tanteraka misy eo amin'ny mpino sy izao tontolo izao, araka ny soratany hoe : "Fantatsika fa avy amin'Andriamanitra isika, ary izao tontolo izao kosa dia mipetraka eo amin'ilay ratsy avokoa" (1 Jaona 5. 19).

Nefa mbola mihoatra noho izany no asehon'ireo tsongandahatsoratra ireo amintsika. Ny mpino tsirairay dia raisin'Andriamanitra ho toy ny efa maty, sy natsangana tamin'ny maty, niaraka tamin'i Kristy (Romana 6 ; Kolosiana 3. 1-3). Amin'ny alalan'ny nahafatesan'i Kristy sy ny nitsanganany tamin'ny maty izany, dia olona tanteraka izy ireo, eo imason'Andriamanitra, napetraka ivelan'izao tontolo izao, toy ny nitondrana an'i Israely nivoaka avy tany Egypta, hiam-pita ny Ranomasina Mena. Tsy "an'izao tontolo izao" intsony izy, na dia nirahina (Jaona 17. 18) hiaina ho an'i Kristy eo anivon'izao tontolo izao aza.

Izany no nahafahan'i Paoly nilaza, raha mbola niasa ho an'i Kristy izy, fa : "sanatria raha mba misy hataoko rehareha afa-tsy ny hazofijalian'i Jesoa Kristy Tompontsika, Izay naha-voahombo izao tontolo izao tamin'ny hazofijaliana, raha ny amiko, ary izaho kosa, raha ny amin'izao tontolo izao" (Galatiana 6. 14). Ny hitany tamin'ny hazofijalian'i Kristy dia izao tontolo izao efa voatsara (Jaona 12. 31), ary raha mampihatra ny hazofijaliana amin'ny tenany izy, dia mihevi-tena ho toy ny efa maty —voahombo raha ny amin'izao tontolo izao—, hany ka misaraka tanteraka amin'izao tontolo izao, toy ny fisarahana vokatry ny nahafatesana irery ihany.

Raha fintinintsika izay novakiantsika teo, dia hitantsika fa ny kristiana, na dia eo anivon'izao tontolo izao aza, dia tsy an'izao tontolo izao. Tsy an'izao tontolo izao izy, toy ny tsy maha-an'izao tontolo izao an'i Kristy. Rafitra vaovao hafa no misy azy, satria "raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy ; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo" (2 Korintiana 5. 17). Araka ny efa hitantsika, dia efa nivoaka tanteraka tamin'izao tontolo izao izy, tamin'ny nahafatesan'i Kristy sy ny nitsanganany tamin'ny maty ; noho izany, dia tokony hisaraka tanteraka aminy. Tsy mety raha manaraka ny fanaon'izao tontolo izao izy (Galatiana 1. 4 ; Romana 12. 2). Tokony hampahafantari-ny fa tsy an'izao tontolo izao intsony izy, na amin'ny fisainany, na amin'ny fombafombany, na amin'ny fitondrantenany, na amin'ny zavatra ataony. Mihoatra noho izany aza, amin'ny fampiharana ny hazofijaliana amin'ny tenany, dia tokony hahatsiaro ho voahombo izy, raha ny momba izao tontolo izao. Koa tsy afaka hisy zavatra hahasarika intsony, tsy hisy hery afaka hampifanatona zavatra roa samy hafa efa voatsara toy izany. Fa mbola misy lafiny iray hafa toy izao koa : ny kristiana dia ety an-tany, maka ny toeran'i Kristy. Izany hoe momba an'i Kristy izy, sy toa an'i Kristy, ety an-tany. Tokony hijoro ho vavolombelona ho an'i Kristy, izany, izy, ka hizotra toy ny nizoran'i Kristy (Filipiana 2. 15 ; 1 Jaona 2. 6), ary tokony hanampo fa hatao toa izay natao an'i Kristy. Tsy hoe

Ny toerana misy antsika eto an-tany hohomboana tahaka Azy, tsy akory, isika ! Fa raha mahatoky isika, dia hisedra fanoherana toa Azy, eo amin'izao tontolo izao. Arakaraka ny mampahatoky antsika amin'ny fanarahana ny diany, no hanenjehana antsika. Raha toa ny mpino amin'izao fotoana izao tsy dia iharan'ny fankahalana loatra, dia satria tsy tena tafasaraka amin'izao tontolo izao.

Alohan'ny handinihina ny lafiny hafa amin'ity lohahevitra ity, dia tsy aritro ny tsy hanintona ny sainareo ny amin'ny tokony hanapahana izay kofehy rehetra mety mbola mamatotra antsika amin'izao tontolo izao, amin'ny lafiny aramôraly. Tsy mila ny hoe marani-tsaina vao mahatsikaritra fa ny fomba fisainan' izao tontolo izao sy ny fanarahana izao tontolo izao, dia miha-mahazo vahana haingana dia haingana, ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra ; ary hihamboana aza izany, eo amin'ny Latabatry ny Tompo. Manala baraka tanteraka izany, ary mampalahelo mafy an'llay antony ivoriantika, hanambaràna ny fahafatesany ! Fampirisihana ho an'ny olona masina rehetra izany, mba hanetreny tena eo imason'Andriamanitra, sy hangatahany am-bavaka ny fahasovana haina bebe kokoa ho Azy, hisaraka bebe kokoa amin'izao tontolo izao, mba ho hitan'izao tontolo izao fa isika dia an'llay nolaviny, llay noroahiny sy nohombonany.

Vitsy loatra isika no manana ny toe-tsain'i Paoly, izay naniry hahalala “ny fiombonana amin'ny fijaliany”, mba “hampitovina amin'ny endriky ny fahafatesany”, raha nibanjina llay Kristy nasandratra izy, llay nameno ny fony ary tanjon'ny fanantenany.

Enga anie ny Tompo hanome antsika sy ireo olo-masina tiany rehetra, fiavavana hanolo-tena bebe kokoa ho Azy sy hisaraka tanteraka amin'izao tontolo izao.

Ny toerana misy antsika manoloana ny “toby”

Izao no vakiantika ao amin'ny epistily ho an'ny Hebreo : “Rehefa nentin' ny mpisoronabe niditra ho ao amin'ny fitoerana masina ho fanatitra noho ny ota ny ran'ny biby, dia nodorana teny ivelan'ny toby ny fatiny. Ary amin'izany, Jesoa koa dia niaritra teny ivelan'ny vavahady, mba hahamasina ny olona amin'ny rany. Koa aoka isika hivoaka hankeo aminy, eo ivelan'ny toby, mitondra ny latsa izay nentiny” (Hebreo 13. 11-13). Misy zavatra roa loha misongadina mazava, ao amin'io tsongandahatsoratra io :

1. Ny ran'ny fanatitra noho ny ota dia nentina tao amin'ny fitoerana masina ;
2. Ny fatin'ny biby natao fanatitra dia nodorana teny ivelan'ny toby.

Asehon'ny mpanoratra ny epistily ho an'ny Hebreo fa ireo zavatra roa ireo dia mifandraika amin'ny fahafatesan'i Kristy, ary kisarisary tena maneho an'i Kristy ireo fanatitra ireo.

Ny toerana misy antsika eto an-tany

Hitantsika eto koa, nefa, ny lafiny roa amin'ny toerana misy ny mpino, dia ny toerany manoloana an'Andriamanitra ao amin'ny fitoerana masina, izay nitondrana ny ra, sy ny toerany ety an-tany, ivelan'ny toby, izay nijalian'i Kristy. Araka ny efa voalaza, toy ny maha-ao amin'i Kristy antsika, eo imason'Andriamanitra, maka tanteraka ny toerany ary mitafy ny vidin'ny fanekena Azy, dia apetraka eo amin'ny toerany koa isika ety an-tany, amin'ny henatra nanjo Azy sy ny nandavana Azy. *Noho izany, ny toeran'ny mpino ety an-tany dia ivelan'ny “toby”*. Izany no lazain'ny mpanoratra ny epistily : “Aoka isika hivoaka hankeo aminy, eo ivelan'ny toby, mitondra ny latsa izay nentiny.”

Mety hanontany ahy angamba ianareo hoe : “Inona no atao hoe toby ?” Mazava, tamin'ilay tsongandahatsoratra novakiana teo, fa ny fivavahana jiosy izany. Inona izao no mifandraika amin'izany, ankehitriny ? Ny fivavahana jiosy dia avy tamin'Andriamanitra, ary tetỳ an-tany izy dia natao ho vavolombelon'Andriamanitra. Nivaona nefa ny fivavahana jiosy, ary taorian'ny nandavana tanteraka an'i Kristy, tamin'ny nitorian'ireo apostoly teny, dia nailika izy ka nosoloana ny fivavahana kristiana, araka ny ampianaran'ny Romana 11. Ny toby izany, amin'izao fotoana izao, dia ny tontolo kristiana voarindra, ny fiangonana mitonona ivelany ho kristiana.

Mbola hanontany ihany angamba ianareo hoe : “Maninona isika no asaina mivoaka ivelan'ny toby ?” Noho ny tsy fahombiazany amin'ny fijoroany ho vavolombelon'Andriamanitra. “Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana” (Apokalypsy 2. 11 ; sns.). Antoka ho antsika, nefa koa andraikitsika, ny mandinika ao amin'ny fanazavan'ny Teny nosoratan'Andriamanitra, izay rehetra mampisandratra ny maha-izy Azy an'Andriamanitra. Raha dinihintsika toy izany ireo antokom-pivavahana rehetra (ireo foto-pinoana), dia hiharihy amintsika ny tsy fankatoavany sy ny fahadisoany. Noho izany, dia tsy misy na inona na inona azon'ny mpino atao intsony, ny mpino izay te hanaraka ny hevitr'Andriamanitra, afa-tsy ny maka ny toerany “ivelan” izany rehetra izany, fisarahana amin'ny savorovoro sy ny fahadisoana rehetra amin' izao andro ratsy izao, dia mitambatra amin'ireo rehetra izay mankatò ny Teny, ka mivory tsotra amin'ny anaran'i Jesoa (Matio 18. 20).

Betsaka ny anatra omen'ny Eksodosy 33 momba izany. Rehefa nidina avy tany an-tendrombohitra i Mosesy (Eksodosy 32), dia hitany fa nanompo sampy ny vahoaka iray manontolo. Niverina niakatra izy, mba hivavaka hifona ho an'ny vahoaka, ary vaovao ratsy no azony avy any. “Naka ny lay (izy) ka nanorina azy eo ivelan'ny toby lavidavitra, ary ny anarany dia nataony hoe ‘Ny trano lay fihaonana’. Ary izay rehetra nitady an'i Jehovah dia nivoaka ho eny amin'ny trano lay fihaonana, izay teo ivelan'ny toby” (Eksodosy 33. 7). Izany no fihetsika nataon'i Mosesy, nanoloana ireo vahoaka meloka, satria fantany ny hevitr'Andriamanitra. Hitantsika amin'izany tantara izany ny sary aramôralin'izao vaninandro iainantsika izao. Ary tiako hosarihana manokana amin'izany ny sainareo.

Ny toerana misy antsika eto an-tany

Efa ampy izay ny zavatra voasoratro, hahalalanareo ny toerana misy ny mpino etỳ an-tany. Efa hitantsika ny fisarahana amin'izao tontolo izao, ankilany, ary ny toerana ivelan'ny “toby”, andaniny. Ny fakàntsika izany toerana izany dia hahatonga antsika ho halan'ny sasany, ary ho ambanian'ny hafa. Raha izany nefa no miseho, dia hiha-mitovy kokoa amin'ilay Tompo Malalantsika isika. Izany no atao hoe mitondra “ny latsany”, araka ny voambolana ampiasain'ny epistily ho an'ny Hebreo.

Enga anie isika tsy hatahotra ny voalohany ary tsy ho menatra ny faharoa. Ny mifanohitra amin'izany aza, ho faly isika fa natao mendrika hitondra fahafaham-baraka, ho voninahitry ny anarany (Asa 5. 41).

*Manao veloma finaritra.,
Ny rahalahinareo mifatotra amin'ny fanompoana ny Tompo.
E. D.*

(Dos du livre)

Miara-mandeha
amin'i
Jesoa Kristy

H. L. Heijkoop

Ity boky ity dia
amboaran-taratasy
mamaly ireo fanontaniana
apetraka tanora mpino.
Fahamarinana kristiana maromaro
no voafintina mazava ato.

Ohatra :

- ny fiovàm-po
- ny fahateraham-baovao
- ny fanafahana amin'ny ota
- ny fihavanana amin'Andriamanitra
- ny firaisana amin'Andriamanitra
- ny fahamasinana
- ny famakiana ny Baiboly
- ny vavaka
- ny Fanasàn'ny Tompo
- ny fitsaohana
- ny fanompoana.